



Karl Marx, Friedrich Engels, Vladimir Lenin, Joseph Stalin, Enver Hoxha

## 5 Classics of Marxism

Comintern (Stalinist-Hoxhaists)

<http://cimi.250x.com>



Georgian Section  
[www.joseph-stalin.net](http://www.joseph-stalin.net)


**SHMG Press – 2012**

Karl Marx Press of the Georgian section of  
Comintern (SH) – Stalinist-Hoxhaists Movement of Georgia

# MARX ENGELS

**FAMOSAHANKEVITRA  
AHARIHARIN' NY  
ANTOKO KOMINISTA**





Karl Marx



J. Engels

*Ry mpitrongy vao homana eran-tany, miraisa hina!*

K. MARX sy F. ENGELS

**Famosahankevitra  
ahariharin' ny  
Antoko Kominista**

*Tovana*

F. Engels

Fotopototry ny kominisma



Edisiona «Progrès»  
Mosko

MARX, ENGELS

Manifeste du Parti Communiste

ИБ № 12526

Редактор русского текста *Бородулина Т. И.*

Контрольный редактор *Шапошникова М. Ю.*

Художественный редактор *Розова Л. А.*

Технический редактор *Ван Энгеланд М. И.*

Корректоры *Арутюнова Е. С., Валуев В. С.*

Сдано в набор 22.09.84 г. Подписано в печать с РОМ 28.02.84 г.  
Формат 84x108 1/32. Бумага офсетная № 1. Гарнитура Баскервиль.  
Печать офсетная. Условн. печ. л. 6,3 + 0,31 печ. л. вклейк.  
Усл. кр.-отт. 6,72. Уч.-изд. л. 6,32. Тираж 11815 экз. Заказ № 1026.  
Цена 25 коп. Изд. № 38145.

Ордена Трудового Красного Знамени издательство "Прогресс"  
Государственного комитета СССР по делам издательств, полиграфии и книжной торговли.

119847, ГСП, Москва, Г-21, Зубовский б., 17.

Отпечатано на Можайском полиграфкомбинате Союзполиграфпрома при Государственном комитете СССР по делам издательств, полиграфии и книжной торговли.

Можайск, 143200, ул. Мира, 93.

© Fandikan-teny malagasy. Edisiona «Progrès»,  
Mosko, 1984

Natonta teto amin' ny Firaisana Sovietika

МЭ  $\frac{0101010000-200}{014(01)-84}$  271-84

## Sasintenin' ny editora

«Famosahankcvitra ahariharin' ny Antoko Kominista» dia tahirin-kevitra ara-programa voalohany mikasika ny kominisma siantifika. Noraketiny tao anatiny ny fanazavana feno sy mirindra ny sori-kevitra nataon' i K. Marx sy F. Engels.

Noporofoana ara-tsiantifika eto ny tsy fahazoana tohaina ny faharesen' ny kapitalisma sy ny fandresen' ny toлом-piavotana sosialista, ary namaritra ny adidy sy tanjon' ny fihetsiketsehana revolisionera ara-proletera ho an' ny mpitrongy vao homana ny «Famosahankevitra ahariharin' ny Antoko Kominista».

«Mitentina boky maromaro ny ahasarobidin' io bokikely io: foto-kevitra velona ary ampiasain' ny mpitrongy vao homana rehetra mivondrona sy mitolona eran-tany mandroso hatramin' izao» (V. I. Lenine).

## SASINTENY TAO AMIN' NY EDISIONA VITA AMIN' NY TENY ALEMA TAMIN' NY 1872

Ny Ligin' ny Kominista dia fikambanana iraisam-pirenena nivondronan' ny mpiasa, izay niafina mazava loatra, noho ny zava-nitranga tamin' izany fotoana izany; ary izy io no nanome andraikitra an' ireo izay nanao sonia eto ambany sy ireo solontena nanatrika ny Kongresy natao tany Londres tamin' ny Novambra 1847 mba hamolavola soritr' asa vita an-tsortra an-tsipiriany, sady ho tsangan-kevitra no ho azo ampiharina amin' ny fiainana, ho an' ny antoko no sady ho haely ho fampielezan-kevitra. Toy izany ny fototra niaingan' ity «Famosahankevitra» ity. Ny sora-tàana rehetra amin' izy io dia nalefa tany Londres hatonta printy herinandro vitsivitsy talohan' ilay Revolisionan' ny volana Febroary\*. Teny alema aloha no namoahana azy. Raha atambatra ny edisiona samy hafa natao tany Alemania sy Angletera ary Amerika, dia 12 raha kely no vita tamin' io teny io. Tany Londres izy no nivoaka tamin' ny 1850, tao amin' ny «Red Republican» rehefa voadikan' i Miss Hélène Macfarlane ho amin' ny teny anglisy, ary tany Amerika tamin' ny 1871 dia nisy dikan-teny telo raha kely vita amin' ny teny anglisy. Taloha kelin' ilay fikomiana tamin' ny Jona 1848\*\* no sambany nivoahany tamin' ny teny frantsay tany Paris, ary tsy ela akory izay no namoahana azy koa tao amin' ny «Le Socialiste» tany New York. Misy fandikan-teny vaovao efa atao amin' izao fotoana izao. Tany Londres dia efa nisy edisiona vita tamin' ny teny polone momba azy io taoriane kelin' ny nivoahan'

\* Ilay Revolisiona tany Frantsa tamin' ny Febroary 1848 no lazaina amin' izany. — *Red.*

\*\* Ny lazaina eto dia ilay fikomiana tamin' ny 23-26 Jona nataon' ny mpitrongy vao homana tao Paris; iny no fisehoan-javatra ambony indrindra nisy tamin' ny 1848-1849 tany Europa. — *Red.*

ilay edisiona voalohany vita tamin' ny teny alema. Taorian' ny 1860 no namoahana azy tamin' ny teny rosiana tany Genève. Efa nadika koa tamin' ny teny danoâ izy taorianakelin' ny nivoahany.

Na dia efa niova betsaka aza ny fisehoan-javatra tato anatin' ny 25 taona dia tsy niova tsy nivalivaly kosa fa marina mandraka ankehitriny ny rijan-kevitra vaventy hita ao amin' ireo votoatin-kevitra ankaboney voavelabelatra ato amin' ity «Famosahankevitra» ity. Misy andinidininy vitsivitsy ombieny ombieny izay mety ihany raha iverenana jerena. Ny «Famosahankevitra» mihitsy no manazava fa na aiza na aiza ary na rahoviana na rahoviana dia ankinina amin' ny toe-java-miseho ara-tantara ny fampiharana ny foto-kevitra, noho izay dia tsy homen-danja lehibe ireo fepetra revolusionera voatanisa ao amin' ny faran' ny Toko faha-II na dia noheverina aza fa tokony hatao. Noho ny anton-javatra maro dia angamba tokony ho hafa mihitsy amin' izao fotoana izao no hanoratana io ampahany amin' ny lahatsoratra io. Hita ankehitriny fa niha-antitra ny lafiny sasantsasany amin' ity soritr' asa ity noho ireto antony ireto: tao ny fandrosoana tsy hita pesipesenina vitan' ny industria vaventy tato anatin' ny 25 taona izao; niara-nientana taminy tamin' izany ny fandrosoan' ny 'lasin' ny mpiasa tamin' ny niforonany ho Antoko, mbola tao ihany koa ny lesona azo tamin' ny zavatra maro nosetraina ka voalohany amin' izany ny Revolusionan' ny volana Febroary; taorian' izany tao koa ny andron' ny «Commune»-n'i Paris\*; teo dia sambany teo am-pelatanan' ny mpitrongy vao homana ny fahefana politika nandritra ny roa volana. Voaporofo indrindra tamin' ny andron' ny «Commune» fa «ny kilasin' ny mpiasa dia tsy nianina fotsiny tamin' ny fakana ny milim-panjakana fa manova izany hampandeha azy ho an' ny tombontsoany». (Vakio ny «Der Bürgerkrieg in Frankreich. Adresse des Generallrats der Internationalen Arbeiterassoziation», edisiona vita amin' ny teny alema, tak. 19; voavelabelatra lava kokoa

\* Ny «Commune»-n'i Paris tamin' ny 1871, dia ilay governmantan' ny mpiasa revolusionera nataon' ny mpitrongy vao homana tao Paris ka nandraisan' ny mpiasa rehetra ny fitondrana ny Fanjakana araka ny fomba revolusionera; iny no sambany teo amin' izay rehetra natao sy voarakitra an-tantara no nampiharan' ny mpitrongy vao homana ny fitondrana rehefa azony ny fahefana. Naharitra 72 andro izany fandehan-javatra izany (18 Marsa ka hatramin' ny 28 Mey 1871). — Red.

ao ity hevitra ity.) Ankoatr' izany mazava loatra fa nisy banga ny jery kiana nataon' ny asa soratra sosialista mikasi-ka ny vanim-potoana iainantsika noho izy io niato tamin' ny taona 1847. Torak' izany ihany koa na dia mbola marina mandraka ankehitriny eo amin' ny fotopotony aza ireo fanamarihana maro natao momba ny fihetsiky ny kominista teo anoloan' ny antoko mpanohitra samihafa (toko faha-IV), dia hita kosa fa efa nilaozan' ny toetr' andro izany rehefa ampiharina satria niova tanteraka ny toe-javatra ary tsy vitan' izany fa ny fiovaovana nentin' ny tantara dia tsy ahitana intsony ny ankabeazan' ireo antoko maro voa-tonotonona tao.

Ny «Famosahankevitra» kosa anefa dia tahirin-kevitra manana ny tantarany ka tsy ananantsika fahefana intsony manova na manitsy ny heviny. Raha hatonta printy indray izy any aoriana any dia angamba amin' izay fotoana izay hisy sasinteny hatao hamenoana ny fe-potoana misy tao anelanelan' ny 1847 sy izao andro ankehitriny izao; tena nanampoka be ihany anay ny famitàna ity edisiona ity ka tsy nanam-potoana hanoratana ny amin' izany intsony izahay.

*Karl Marx, Friedrich Engels*

Londres, 24 Jona 1872

## SASINTENY TAO AMIN' NY EDISIONA FAHAROA VITA AMIN' NY TENY ROSIANA

Tao amin' ny trano printin' ny «Kôlôkôl»\* taoriana kelin' ny 1860\*\* no natonta ny edisiona voalohany amin' ny teny rosiana amin' ny «Famosahankevitra ahariharin' ny Antoko Kominista», nadikan' i Bakounine. Tamin' izany fotoana izany ny fandraisan' ny Tandrefana ny edisiona vita tamin' ny teny rosiana, fara-fahabetsany, dia toy ny hoe «fitia te hahalala zavatra fotsiny» nataon' ny mpahay haisoratra. Tsy tahaka izany intsony no fandehany amin' izao fotoana izao.

Tamin' ireny fotoana ireny (Desambra 1847) dia kely dia kely ny faritra nielezan' ny fihetsiketsehana nataon' ny mpitrongy vao homana; io no hita taratra mazava tsara ao amin' ny tokon' ny «Famosahankevitra» farany indrindra: «Fihetsiky ny kominista teo anoloan' ny antoko samihafa mpanohitra» tany amin' ny firenen-tsamihafa. Ny voamarika indrindra dia ity: samy tsy voateny na i Rosia na i Etazonia. Tamin' ireny fotoana ireny moa i Rosia dia noheverina fa ny tany lehibe tsy andairam-piovana ka nifatraran' ny mpanoha-riana tany Europa, ary ireo noheverina fa ny ambinambin' olona avy tamin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana tany Europa aza dia tany Rosia no nifatratra rehefa tsy afa-nandeha nankany Etazonia

\* Ny «*Kolokol*» (*Ny Lakolosy*) dia gazety rosiana nisy nanombo-ka tamin' ny 1857 ary tamin' ny 1867 vao tsy niseho intsony. Eo amin' ny lafiny momba ny firehan-kevitra dia demokratika sy revolucionera izy io. I A. Herzen sy N. Ogarev izay samy demokraty sy revolucionera no namoaka azy. Niseho tany Londres aloha izy hatramin' ny 1865 ary taorian' izany tany Genève. — Red.

\*\* Tamin' ny 1869 no niseho ity dikan-teny ity; tsy marina koa ny datin' andro tondroin' ny sasintenin' i Engels ao amin' ilay edisiona vita amin' ny teny anglisy tamin' ny 1888. (Jereo ao amin' ny takila faha-16 ato amin' ity edisiona ity.) — Red.

hifindra monina. Ireo firenena roa ireo no nanome ny akoran-javatra nilain' i Europa; tany koa no naondran' i Europa ny zavatra maro novokarin' ny indostria. Izy ireo koa izany dia samy nataon' i Europa ho kitro ifaharana teo amin' ny lafiny momba ny lamina ara-piarahamonina.

Niova avokoa izany rehetra izany amin' izao fotoana izao. Tena marina fa ny mpifindra monina avy tany Europa no tena nampiroborobo fatratra ny fambolena nitatra sy niroboboro fatratra tany Amerika avaratra, fivoarana izay naninana sy nanozongozona hatramin' ny fotony ny fananan-tany, na lehibe na kely tany Europa. Ny fifindrana monina voalaza teo no nahatonga koa avy hatrany an' i Etazonia ho afa-mitrandraka ireo harembe ilain' ny indostria; tamin-kery lehibe no nanaovan' io firenena io izany ary tamin' ny toerana maro hany ka tsy niandry ela akory dia nanjavona eran' i Europa andrefana indrindra ange fa eran' i Angletera ny fibahanana sy fanaovana an-tanantokana ny raharaha momba ny indostria. Rehefa izany dia nisy akony sy fiantraikany lehibe revolisionera tamin' i Amerika mihitsy koa ireo fisehoan-javatra roa ireo. Ny rafitra politika manontolo tany Amerika dia nankinina tamin' ny raharaha-pambolena sy fiompiana madinidinika sy salasalany; nitotongana tsikelikely anefa izany rehefa nuditra an-tsehatra ka nifaninana taminy ny toerana maro nosokafana hanaovana fiompiana sy fambolena tamimpomba goavana. Ity kosa teo andanin' izany no hita tany amin' ny faritany maro fanaovana indostria: teo anoloan' ny fanangonana ny renivola dia sambany sy voalohany no nahitana ny fivangongan' ny mpitrongy vao homana maro.

Fa mba nanao ahoana ny tany Rosia? Rehefa nipoaka ilay revolisiona tamin' ny 1848–1849 dia samy nihevitra ny mpanjaka maro sy ry zareo andriankarena tany Europa fa tsy nisy vonjy ho azy ireny tamin' ny fandrahonan' ny mpitrongy vao homana rehetra izay efa nahatsapa indrindra ny heriny afa-tsy ny fidiran' i Rosia an-tsehatra. Nambara ho ren-tany ren-danitra fa ny «tsar» no filohan' ny mpanohariana eran' i Europa. Amin' izao fotoana izao io olona io dia any Gatchina tazonina toa ny mpigadra an' adin' ny Revolisiona\*, i Rosia indray kosa indro fa lasa loha-laharana

\* Ny lazaina eto dia ny toc-javatra nitranga taorian' ny namonoan' ny sasany ny Emperor Alexandre II tamin' ny 1 Marsa 1881. Ny tarik' ilay fikambanana mpampihorohoro natao hoe «Narôdnaïa Volia» («Sitrapon' ny vahoaka») no nanao izany famonoana izany.

amin' ny fihetsiketsehana revolisionera aty Europa.

Laha niandry ny «Famosahankevitra» kominista ny nilaza nanao antso avo fa tsy ho ela intsony dia tsy maintsy ho fongotra ny fananan-dry zareo andriankarena. Izao no zava-misy any Rosia: manao tetiky Rabejofo ka tsy mandry andro tsy mandry alina fa mbola mitady hivelatra sy hitombo ny kapitalista, mby am-piforonana koa ny sokajin' ny andriankarena revo amin' ny fangoronan-tany; ny antsasany mahery amin' ny velaran-tany kosa anefa dia fananana iombonan' ny tantsaha rehetra. Izao izany no zavatra tsara ho fantatra: moa ve ny fiarahamonin' ny tantsaha rosiana izay tsy manana endrika fizakan-tany iombonana araka ny fomba sy fanao fahagola ka efa nihasimba sy niova, ho afaka avy hatrany hifindra ho amin' ny endrika vaovao sy ambony fananan-tany kominista; sa kosa tsy maintsy hanaraka ny lalana hahavelona azy tsikelikely izay niharany nandritra ny fivoarana ara-tantara tany andrefana?

Ity no hany azo avaly io fanontaniana io: raha manome marika fanairana sy hiainga ho amin' ny revolisiona proletariana eo amin' ny tany andrefana ny revolisiona rosiana ka mifameno ireo zava-droa loha ireo azo heverina ho fototra iaingana ho amin' ny fivoarana kominista ny fanana iombonana misy amin' izao fotoana izao eto Rosia.

*Karl Marx, Friedrich Engels*

Londres, 21 Janoary 1882

I Alexandre III Emperora nandimby azy tany Rosia dia nifitsaka niery tany Gatchina satria natahotra ny fihetsiketsehana revolisionera sy ny fisian' ny asa fampihorohoroana vaovao mety mbola hataon' ny «Narodnaïa Volia». — Red.

## **SASINTENY TAO AMIN' NY EDISIONA VITA AMIN' NY TENY ALEMA TAMIN' NY 1883**

Lalina fa izaho irery no voatery hanao sonia ny sasinteny eto amin' ity edisiona ity. Indro fa efa miala sasatra ao amin' ny toeram-pandevenana any Highgate izao i Marx. I Marx dia ilay lehilahy tokony 'homen' ny kilasin' ny mpiasa eran' i Europa sy i Amerika voninahitra lehibe kokoa noho ny rehetra hafa noho ny zava-bitra ho azy. Efa miha-maitso sahady ny tombok' ahitra eo amin' ny fasany. Tsy azo hevitreverina mihitsy tao aorian' ny nahafatesany izany hoe hanisy fanamboarana ao amin' ny «Famosahankevitra» na hampiditra famenony. Heveriko fa vao mainka ilaina aza ny minia milaza indray maka indray izao teny manaraka izao.

Ny hevitra iorenan' ny zava-drehetra ato amin' ny «Famosahankevitra» sy mitsilo ny dia ao dia ireto: ny famokarana ara-toekarena sy ny rafitra ara-piarahamonina tsy maintsy aterak' io, isaky ny vanim-potoana iray eo amin' ny Tantara no mitambatra ka tonga fototra iorenan' ny tantara ara-politika sy ara-tsaina an' io vanim-potoana io. Noho izany (hatramin' izay nanafoanana izay ny fiarahamizaka ny tany iombonana araka ny fanao fahizay tany aloha ela tany) ny tantara rehetra dia tantaran' ny ady kilasy, izany hoe misy ady ifanaovan' ny kilasin' ny voatsentsitra sy ny kilasin' ny mpitsentsitra, ny kilasin' ny mpifehy sy ny an' ny fehezina. Hita izany eran' ny vanim-potoana samihafa lalovan' ny olona arakaraka ny fitatry ny endriky ny fiarahamonia. Amin' izao fotoana izao anefa io ady io dia tonga eo amin' ny tanjona anankiray ka amin' izany ny kilasin' ny voatsentsitra sy ampitondraina ny mafy (ny mpitrongy vao homana) dia mahatsapa fa tsy afa-miala intsony amin' ny fangejan' ny kilasy mitsentsitra azy sy mampijaly azy izy (ry zareo andriankarena) raha

tsy ny mpiara-belona rehetra mihitsy no afahany tanteraka amin' ny fitsentsefana sy ny fampahoriana ary ny adinkilasy. I Marx\* irery ihany no angady nananana sy vy nahitana izany hevitra fototra izany.

Matetika aho no efa nanambara izany kanefa ankehitriny dia tsy maintsy atovona ity «Famosahankevitra» ity izany.

*Friedrich Engels*

Londres, 28 Jona 1883

\* «Io hevitra io, voasoratra ao amin' ny sasinteny ho an' ny edisiona vita amin' ny teny anglisy, io hevitra io raha izaho no anontaniana, dia hanamarika ny fisiam-pandrosoana eo amin' ny fahalalana ny tantaram-pirenena mova tsy izy nataon' ny lamin-kevit' i Darwin\*\* teo amin' ny sehatry ny biolojia. Efa nanatona tsikelikely an' io hevitra io izahay roalahy taona maro talohan' ny 1845. Hatraiza ka hatraiza no lalana nalehako an-tsitrano tamin' izany dia izany? Azo atao ny mitsara sy mamantatra izany amin' ny famakiana ilay bokiko atao hoe «La situation de la classe laborieuse en Angleterre». Raha nihaona indray tao Bruxelles izahay sy i Marx tamin' ny lohataonan' ny 1845, dia efa nampalesiny tsara izy io. Mazava tsara tahaka ny nanaovako azy ato no nanazavany azy tamiko». (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona vita amin' ny teny alema tamin' ny 1890.*)

\*\* Darwin Charles Robert (1809-1882): manam-pahaizana anglisy. Izy no namorona ny biolojia materialista. I Darwin no voalohany hanome fototra tena siantifika hiorenan' ny lamin-kevitra momba ny fivoarana ara-biolojika; nohazavainy tsara fa izany fivoarana mahazo ny zavamananaina rehetra izany dia mian-doha amin' ny endrika tsotra ary tonga endrika manahirana sy sarotra. Na ny fisehoan' ny endri-baovao na ny tsy ahitana intsony ny endrika teo aloha, hoy izy, dia samy vokatry ny fivoarana ara-tantara ny zava-boahary.

Ny hevitra fototra raketin' ny lamin-kevitra nasehon' i Darwin no nam-pianariny tamin' ny namoaboasany momba ny fiandohan' ny fikarazana amin' ny alalan' ny fifantenana mandeha ara-boa-janahary na nataon' olombelona. Itrikitrihin' i Darwin fa tandroka miaraka aman-tsofina amin' ny tenan' ny zavamananaina ny fahazoa-miova toetra amam-bika sy ny fandovan' ny ato aoriany ny natolotry ny teo aloha. Raha tena ilain' ny biby iray na ny zavamaniry iray, hoy izy, ny fiovana toetra amam-bika dia ho raikitra sy ho tonga tokoa izany, ary amin' izay indrindra no hanomboka mipoitra ny biby na zavamaniry karazany vaovao. Ny foto-kevitra sy ny fanazavazavana vaventiventy rehetra momba ny foto-pampianaran' i Darwin dia voavelabelatra ao amin' ilay bokiny atao hoe «L'Origine des Espèces» (Ny Fiandohan' ny Fikarazana, 1859). — Red.

## SASINTENY TAO AMIN' NY EDISIONA VITA AMIN' NY TENY ANGLISY TAMIN' NY 1888

Ny «Famosahankevitra» no soritr' asan' ny fikambanana Kominista — fikambanan' ny mpiasa, tamin' ny voalohany ho an' ny mpiasa alema fotsiny. Taty aoriana vao nivoha ho an' ny firenen-tsamihafa izy. Nijanona ho fikambanana mafina izy fa tsy afa-nanoatra noho ny antony maro arapolitika nisy tany amin' ny kontinanta europeana talohan' ny 1848. Tamin' ny Novambra 1847, tao amin' ilay Kongresin' ny Ligy natao tao Londres dia voatery nandray andraikitra i Marx sy Engels amin' ny fanoratana ary ny fanaovana printy ny andinindininy rehetra momba ny soritr' asan' ny Antoko ary izany dia hilazana ny lafiny mikasika ny fandaminana azy ao an-tsaina sy ny lafiny mikasika ny fampiharana tokoa azy. Vita tamin' ny Janoary 1848 io asa io, nalefa natao printy tany Londres ny sora-tànanana momba izany, vita tamin' ny teny alema herinandro vitsivitsy talohan' ny nipoahan' ny Revolisiona\* frantsay tamin' ny 24 Febroary. Mbola tsy nipoaka akory ilay fikomiana tamin' ny volana Jona 1848 dia efa voatonta printy tany Paris ny boky voadika tamin' ny teny frantsay. Ny boky sambany voadika tamin' ny teny anglisy dia navoaka tao amin' ny «Red Republican» niadidian' i George Julian Harney, tany Londres tamin' ny 1850. I Miss Hélène Macfarlane no nanao ny fandikana. Dia nivoaka koa ny edisiona vita tamin' ny teny danoâ sy vita tamin' ny teny polone.

Ny faharesen' ny fikomiana tao Paris, tamin' ny Jona 1848 — ady lehibe voalohany indrindra nifanaovan' ny mpitrongy vao homana sy ny fiandriankarena no nahavoatery tsy nokasikasihina fa napetrapetraka indray nandritra ny fotoana nisinisy ihany ny zava-drehetra nisy

\* Jereo ny fanazavana eo amin' ny takila faha-5. — *Red.*

endriny sosialy sy politika notakian' ny mpiasa rehetra tany Europa. Hatreо dia ireo sokajy samihafa navondron' ny kilasin' ny mpanana no hany sisa nifanandrina indray mba hahazoany manohy ny fanjakazakana; zava-pahita izany talohan' ilay revolisiona tamin' ny volana Febroary. Voatery niatrika ny ady mba hahazoany miasa malalaka eo amin' ny sehatra politika ny kilasin' ny mpiasa; dia indreo izy fa nanao tongotra miara-mamindra tamin' ny elatra farasisan' ny ampanhan' ny fiandriankarena mitaky fanovana tanteraka. Nopotehina tsy nisy indrafo rehefa mety ho fihetsiketsehana ara-proletera niseho ho mahavita tena raha vao fantatra fa nitady ho velombelona. Tahaka izany no nahazoan' ny polisy prosianina nahafantatra ny fisian' ny Ligin' ny Kominista izay nanana ny Komity Foibeny tany Cologne. Nosamborina ny mpikambana tao, ary tamin' ny Oktobra 1852 dia nalefa hotsaraina rehefa nahiboka am-ponja nandritra ny 18 volana. Nanana ny lazany iny «fitsarana ny Kominista tany Cologne» iny fa tsy nifarana raha tsy ny 12 Novambra kanefa ny 4 Oktobra talohan' izany no nanomboka. Olona fito tamin' ireo notsaraina no nosazina hotazonina 3 ka hatramin' ny 6 taona tao amin' ny manda. Raha vao nivoaka ny didim-pitsarana dia nofoanana tamin' ny fomba ofisialy ny Ligy; ny mpi-kambana nahazo famotsorana ihany no nanafoana azy. Fa ahoana kosa ny amin' ny «Famosahankevitra»? Hatreо dia nisy tokoa ny nihevitra fa efa navalona any amin' ny fanadinoana izy.

Niforona ny Fikambanana iraisam-pirenena niombonan' ny mpiasa rehefa nahatsapa ho ampy hery ny kilasin' ny mpiasa, tany Europa hany ka ny hamely indray ny kilasin' ny mpanjakazaka no masaka an-tsaina. Ity anefa no tanjona nokendren' ity fikambanana ity izay nahalala tsara ny antopisiany: ny hampivondrona sy hampiray volo ny hery ho enti-miady nananan' ny mpitrongy vao homana rehetra tany Europa sy Amerika; noho izany dia tsy azony narangaranga avy hatrany ny fotokevitra voarakitra tao amin' ny «Famosahankevitra». Tokony halalaka sy hivelatra tsara ny soritr' asa nosoritan' ny Internasionaly mba haneken' ny sendika anglisy ary ny mpanohana ny hevitr' i Proudhon\*,

\* *Proudhon, Pierre-Joseph (1809-1865): Mpanao gazety frantsay, mpanao lahatsoratra sy fandinihana momba ny toekarena, mpahay momba ny sosialojia, mpamolavola ideolojia teo amin' ireo fiandriankarena madinidinika, anankiray koa tamin' ireo olona namo-*

azy; nisy ireo tany Frantsa, Belzika, Italia sy Espaina; nanampy azy koa ny lasalianina\* tany Alemania. I Marx no nanoratra io soritr' asa io; tamin' izany dia nokendreny izay hahafapo an' ireo antoko rehetra ireo sady nataony ho andry iankinana sy nandrandonny tokoa ny fandroson' ny fahalalan' ny olona tao anatin' ny kilasin' ny mpiasa; nihevitra izy fa tsy maintsy hitranga sy ho tanteraka izany satria hisy vokany ny asa iombonana sy ny adi-hevitra andraisan' ny daholobe anjara. Ny zava-nitranga sy ny endrika maro isaloran' ny ady atao amin' ny renivola — maro noho ny fahombiazana ny faharesena — dia tsy ilaozan' izay hanampy ny mpiasa hahatsapany ny tsy maha-ampy ny fanafana maro nampiasainy hanarenana ny tsy mety rehetra sy hahalalany mazava tsara ny zavatra maro tena miantoka ny fahazoany mizaka tena. Marina ny an' i

rona ny lamin-kevitra momba ny Fanjakana tsy misy fitondrana na mpifehy fa mampigalabona ny isam-batan' olona eo amin' izay rehetra tiany hatao. Ny notetehin' i Proudhon dia ny hananan' ny isam-baravarana fari-pananana tsy lehibe; nanao fanakianana ho an' ny kapitalista vaventy izy; nasiany avokoa tamin' izany ny hateo amin' ny sokajin' ny andriankarena madinika no ho miakatra. Nisy hevitra narosony momba ny tokony hampijoroana «Bankim-bahoaka» manokana izay hovatsiam-bola ho fitsimbinana azy manokana ary avy amin' izany indray kosa no hahazoan' ny mpiasa ny vola ilainy hividianany fitaovana ho enti-mamokatra mba hahatonga azy hanananton-draharaha. Tena tao aminy toetra maha-mpanotha-riana ary io no nanosika azy foana hisisika tamin' ny hevi-dravina anankiray manao hoe: «Ajoroy ny «Banky momba ny fifanakalozana» fa avy amin' izany no mety hahazoan' ny mpiasa rehetra mivarotra aradrariny ny zavatra novokariny sy tsy hahatonga azy hikasikasika ny hananan' ny kapitalista mba hahitany ny fiasana sy fomba enti-mamokatra. Tsy takatr' i Proudhon ny anjara-rahahaha, efa voarakitra an-tantara vitan' ny mpitrongy vao homana rehetra ka loza ery ny fankahalany ny adin-kilasy sy ny revolisiona entanin' ny mpitrongy vao homana ary ny fahafahan' ny mpitrongy vao homana rehetra mampanaiky ny baikony. Tsy niato i Marx sy Engels fa nitolona hatrany handresena ny ezaka maro nataon' ny mpomba an' i Proudhon satria ireo dia nitady hampanjaka ny fomba fijeriny tao amin' ny Internasionaly Voalohany. Tao amin' ilay boky atao hoe «Misère de la Philosophie» no nanaovan' i Marx fanakianana mafy momba ny Proudhonismia. — *Red.*

\* Lassale, dia namerimberina nilaza taminay manokana fa izy dia mpianatr' i Marx, ary amin' ny maha izany azy dia nibanjina mandrakariva ny «Famosahankevitra» izy fa tsy nandeha lavitra. Fa teo amin' ny fampielezan-kevitra politika nataony an-karihary kosa (1862-1864), dia tao anivon' ny fikambanana momba ny famokarana nahazo fanohanana ara-bola tamin' ny Fanjakana, hatrany no nahitana azy. (*Fanamarihana nataon' i Engels.*)

Marx. Rehefa tsy nisy intsony ny Internasionaly tamin' ny 1874 dia hita fa tsy toy ny tamin' ny 1864, taona namoronana azy intsony ny mpiasa. Efa teo ambavahoan' ny fahafatesana ny proudhonisma tany Frantsa, toy izany koa ny lasalisma tany Alemania, indrindra ange fa ny sendika anglisy izay tsy azo nakisoka mihitsy tamin' ny fifikirana amin' ny fanao mahazatra ka ny ankabeazany dia efa tsy niraharaha intsony ny Internasionaly hatry ny ela. Ireo rehetra ireo dia niha-nanatona tsikelikely ny fotoana izay nahafahan' ny Prezidan' ny Kongresy — niarahany nanao herintaona talohan' izao tao Swansea, — niteny tamin' ny anaran' izy ireo ka nanao hoe: «Aminay dia efa tsy zavamampatahotra intsony izany hoe sosialisma any amin' ny taniben' i Europa izany». Raha ny marina no lazaina dia efa niely patrana sy nivelatra tany amin' ny mpiasan' ny firenen-drehetra ny foto-kevitra raketin' ny «Famosahankevitra».

Hita araka izany fa tonga manan-danja sy nitana lahara-na voalohany indray ny «Famosahankevitra». Taorian' ny 1850 dia natonta printy imbetsaka tany Soisa sy Angletera ary Amerika ny lahatsoatra vita amin' ny teny alema. Tamin' ny 1872 tany New York dia voadika tamin' ny teny anglisy izy ka navoakan' ny «Woodhull and Claflin's Weekly». Hita ao amin' izany soratra amin' ny teny anglisy izany fa efa navoakan' ny «Le Socialiste New Yorkais» ny dikan-teny amin' ny teny frantsay. Taty aorian' izany tany Amerika, dia mbola nisy edisiona roa raha kely indrindra tamin' ny teny anglisy, navoaka saingy somary efa namboamboarina be ihany kosa ireo, ny iray taminy dia natonta printy indray tany Angletera. Ny fandikana voalohany amin' ny teny rosiana nataon' i Bakounine dia natontan' i Herzen tao Genève tamin' ny 1863 teo ho eo. I Vera Zassoulitch izay vehivavy mahery fo tokoa no fanidroany nanao ny dikan-teny, io dia natonta printy tao Genève koa tamin' ny 1882. Dia mbola nisy koa edisiona vaovao vita tamin' ny teny danoâ navoakan' ny «Socialdemokratisk Bibliothek» tany Copenhague tamin' ny 1885; ny «Le Socialiste» tao Paris toa tamin' ny 1886 dia namoaka dikany vaovao indray amin' ny teny frantsay. Tao aorian' io dikan-teny io no navoaka koa ny dikany amin' ny teny espaniola tany Madrid tamin' ny 1886. Tsy ilaina intsony ny milaza fa efa tao koa ireo edisiona naverimberina natonta tamin' ny teny alema. Misy 12 raha kely izy ireny.

Araka ny reko dia tsy tafavoaka ny boky vita amin' ny teny armeniana na dia nantenaina tokoa aza ny hivoahan' izany volana vitsivitsy lasa izay tany Constantinople; ny antony tokana dia satria natahotra ilay editora satria hiseho eo amin' ny boky ny anaran' i Marx, ilay olona nanao ny fandikana kosa nandà tsy nety hiseho hoe izy no nanoratra ny «Famosahankevitra». Nisy nilaza fa efà natao ny fandikana indray koa amin' ny tenim-pirenena sasany, kanefa dia tsy hitako mihitsy izany. Hita amin' izany fa toy ny fitaratra manome ny sarin' ny ankabeazan' ny fihetsiketsehana ataon' ny mpiasa amin' izao andro ankehitriny izao, ny tantaran' ny «Famosahankevitra». Ankehitriny dia tsy azo lavina fa izy no asa soratra miely patrana be indrindra, ny manana endrika iraisam-pirenena indrindra raha ny Haisoratra sosialista no lazaina, ao no ahitana ny soritr' asa iombonan' ny mpiasa an-tapitrисany maro manomboka any Siberia ka hatrany Californie.

Na izany aza, amin' izao fotoana anoratanay izao dia tsy azonay atao ny manao hoe «Famosahankevitra» *sosialista* no anaran' ity boky ity. Tamin' ny 1847 dia sosialista no anarana niantsoana, tamin' ny ankilany ireo olona maro mpanaraka fampianarana maro feno hevi-dravina: ny owenista\* tany Angletera, ny forierista\*\* tany Frantsa,

\* *Owenista* no ilazana ny mpomba sy mpanaraka ny fampianaran' i Robert Owen (1771-1858) izay sosialista anglisy mpanao hevitra misavoan-danitra fotsiny; nanao fanakianana mahery momba ny fitondrana ankinina amin' ny tremalahy rehetra izy kanefa tsy hainy ny nampihanjahanja ny tena fototra iavian' ny fifanoherana be ihany hita ao amin' ny kapitalisma. Nihevitra izy fa ny antony voalohany indrindra mahatonga ny tsy fitoviana eo amin' ny fiaraha-monina dia satria tsy ampy ny ezaka natao hampielezana ny fahaizana amam-pahalalana fa tsy hoe ny fomba famokarana ankinina amin' ny tremalahy mihitsy akory no tsy mety. Azo foanana amin' ny alalan' ny fampielezana ny fahaizana amam-pahalalana sy ny fanavaozana ny fiarhamonina io tsy fitoviana io, hoy izy, hany ka rafitra izy nilaza ny mahatsara ny fanaovana soritr' asa mivelatra sy maha-faoka be. Any aorianany, hoy izy, izany atao hoe fiarhamonina voafotopototra izany ka eken' ny saina dia tsy inona fa ny fitambaran' ny vohitra maro samy mahazaka tena. Na izany aza dia very maina fotsiny ny ezaka maro nataon' i Owen hampiharana tokoa ny hevitra voavolavolan' ny sainy. (Jereo koa ny ao amin' ny takila 81-86 amin' ity edisiona ity.) — Red.

\*\* Ny atao hoe *forierista* dia ireo mpanaraka an' i Charles Fourier (1772-1837) sy mpianany; io lehilahy io dia frantsay sy sosialista mpanao hevitra misidina manao savoan-danitra. Nokianiny mafy sy lalina tokoa ny fitondram-panjakana nankinina tamin' ny andrianka-

tamin' izany anefa dia antokom-pinoana tsotra sy efa miala aina no azo nijerena azy ireo. Mbola tao koa, tamin' ny andaniny, ireo mpanao hatsarana isan-karazany nihambo ho mahasitrana ny aretina namely ny fiarahamonina. Nampanantena tamin' ny fomba tsy nanelingelina ny renivola sy ny tombony izy ireny fa afaka hanasitrana ny aretina namely ny fiarahamonina tamin' ny alàlan' ny ala-olana vonjy tavan' andro isan-karazany. Tamin' ireo anton-javatra roa voalaza teo ireo, ireny olona ireny dia tany ivelan' ny fihetsehana nataon' ny mpiasa ka ny tena nokendreny aza dia ny hahazo ny fanohanan' ny kilasin' ny «nahita fianarana». Ny mifanohitra amin' izany no niseho: ireo olona ireo izay am-pahany ihany amin' ny mpiasa rehetra dia niaiky volana fa tsy ampy raha izay hoe fanovana tanteraka isan-karazany amin' ny lafiny momba ny politika fotsiny no hatao, hany ka rafitra izy nitaky ny fanovana ny endrika ny fiarhamonina manontolo. Nilaza ry zareo ireo fa kominista. Io kominisma io dia mbola hatrihattriny, nipoitra ho azy, hita tsitahantahana, ka mandrakariva dia somary misy kilemany kely ihany. Na izany kosa aza dia efa nahalalana sahady ny votoatin' ny ho avy izy sady nandaitra misimisy ihany teo amin' ny kilasin' ny mpiasa ka nampipoitra ny kominisma misidina fotsiny sy manao hevi-dravina: tao tamin' izany tany Frantsa ny an'i Cabet\* ary tany Alemania

rena; izy no nampiseho izay ho endriky ny fiarhamonina mirindra hisy ny olombelona any aorianany ary izany moa dia hiorina eo ambonin' ny fahalalana ny zavatra ankamamian' ny olona indindra. Notoheriny ny revolisiona mahery vaika; nino izy fa azo notanteraha na tamin' ny fampielezan-kevitra atao amin' ny fomba milamina ataon' ny fiombonan' ny mpiasa miara-mamokatra araka ny hevitra naposak' i Fourier, ny fiampitana mankeo amin' ny fiarhamonina sosialista andrandraina. Hitsangana hotahafina ao anatin' ny fiombonan' ny mpiara-miasa ireny mpiasa ireny (falansitera); ao dia tsy hisy sandany kanefa kosa hahasrika mora foana ny mpanao azy ny. raha-hatao hany ka ho tsapan' ny olona fa tena ilainy tokoa izy io. Tsy misy fisandrohizany hatrany anefa ny hevitra naposak' i Fourier: tsy nofoanany ny fahazoan' ny olona tsirairay avy hanan-javatra ho azy manokana tsy iombonany amin' ny hafa; tsy vitan' izany fa nataony safobemantsina navangongony tao amin' ny falansiterany ny manankarena sy ny mahanttra (Jereo koa ny takila 81-86 amin' ity edisiona ity.) — Red.

\* Cabet Etienne (1788-1856) dia frantsay anisan' ny andriankarena madinika; mpanao gazety izy ary izy no talaky maso sy azo nitarafana ny hoe «kominisma» manana hevitra misidina manao savoan-danitra. Nihevitra izy fa raha asiam-pandaminana vaovao atao amim-pilaminana ny fiarhamonina dia ho fongota ho azy ny kilema

kosa ny an' i Weitling\*. Fihetsehan' ny andriankarena no nijerena ny sosialisma tamin' ny 1847, ny an' ny kominisma kosa dia nadika ho an' ny mpiasa. Tany amin' ny kontinanta europeana dia «tafiditra ihany tany amin' ny olon-drehetra» ny sosialisma. Ny mifanohitra be tamin' izany no azo lazaina momba ny kominisma. Hatramin' io fotoana io dia niaiky izany fa «ny asa ataon' ny mpiasa ihany no antoky ny fahafahany hizaka tena»; izany no nahatonga anay tsy hisalasala kely akory tamin' ny fifidianana izay anarana hampitondraina azy ity. Hatreto ka mandraka androany dia tsy niserana kely akory tao an-tsainay ny hanary azy io.

Zavatra niarahanay nanao ny «Famosahankevitra»; neveriko fa adidiko na izany aza ny manamarika fa ny matoan-tsangankevitra izay tena votoatin-javatra ato dia an' i Marx. Toy izao izany tsangankevitra izany: ny fomba famokarana ara-toekarena sy ara-pifanakalozana izay mahery vaika ary ny rafitra ara-piarahamonina miankina amin' izany, isaky ny vanim-potoana ara-tantara, ireo no mitambatra no fototra iorenan' ny tantara ara-politikan' izany vanim-potoana izany sy ny tantaram-pivoarany aratsaina; io no fototra hany azo iaingana enti-manazava azy. Hita amin' izany ary fa ny tantara manontolon' ny olombelona rehetra (manomboka teo amin' ny fivakisan' ny fiaraha-monin' ny olon-dia miaraka amin' ny fizakan-taniny iombonana) dia tantaran' ny adin-kilasy, ady nifanaovan' ny kilasin' ny mpitsentsitra sy ny kilasin' ny voatsentsitra sy nampijaliana, ary io tantaran' ny adin-kilasy io amin' izao

maro fahita amin' ny fitondrana ankinina amin' ny andriankarena. Naharihariny tao amin' ilay boky atao hoe «Voyage en Icarie» (1840) ny zava-drehetra novolavolain' ny sainy; nanandrana hanao izay hahatanteraka izany izy tamin' ny alalan' ny famelana kominista maro hiara-monina ao anaty vondrona iray tany Amerika; nitsefotra avokoa anefa ny fanandramana nataony. (Jereo koa ny takila faha-85 amin' ity edisiona ity.) — *Red.*

\* *Weitling Wilhelm* (1808-1871) tamin' ny voalohany dia nitolona ho an' ny fihetsehan' ny mpiasa tany Alemania; izy koa dia anisan' ny angady nananana ny lamin-kevitra momba ny kominisma «mpampitovy torosy» sy manana hevitra misidina manao savoandanitra. Hoy i Engels, fa nisy tena nilana azy tokoa ny zavatra voavolavolan' ny sain' i Weitling, raha eo amin' izay «naha voalohany azy tamin' ny fanehoan' ny mpitrongy vao homana alema ny tao an-tsaina tamimpomba tsy tia ankin-doha», no ijerena azy. Nefo kosa raha vao nipo saka ny kominisma ara-tsiansa, dia izy ireo indrindra no vato misakana ny sain' ny mpitrongy vao homana tsy hivelatra hahatsapa an-dry zareo ireto fa ao anaty kilasy tokana no misy azy rehetra. — *Red.*

fotoana izao rehefa nitatra hatrany dia mby eo amin' ny faritra iray izay ahalalana fa tsy azon' ny kilasin' ny voatsentsitra sy nampijaliana — ny mpitrongy vao homana izany — atao ny miala amin' ny ziogan' ny kilasin' ny mpitsentsitra sy mpampijaly azy — ry zareo andriankarena izany — raha tsy ataony izay hanafahana tanteraka — mba tsy hiverimberenana amin' izany intsony — ny fiarahanonina manontolo; hatao izay hahafaka azy amin' ny fitsentsefana rehetra, amin' ny fizarazarana ho kilasy ary ny adin-kilasy.

Amiko io hevitra io dia banana ny anjara-toerany eo amin' ny fahalalana momba ny tantara sady ho hita miharihary ny fivoarana nentiny eo amin' izany sehatra izany mba hitoviany amin' ny fivoarana nentin' ny lamin-kevitri'i Darwin teo amin' ny biolojia. Taona maro talohan' ny 1845 dia nandroso tsikelikely nanatona io hevitra io izahay roalahy. Raha vakina ny boky nosoratako atao hoe «La situation de la classe laborieuse en Angleterre»\*, dia ho azo atao ny mitsara sy mamantatra ny hoe hatraiza ka hatraiza ny lèlana nalehako an-tsitrano tamin' izany dia nataoko izany. Raha nifankahita indray tamin' i Marx aho tany Bruxelles tamin' ny lohataonan' ny 1845, dia efa voavololany ilay heviny ary mazava tsara tahaka izao nanaovako azy eto izao no namebelarany azy tamiko.

Indro asehoko indray eto ambany andalan-tsoratra maromaro nalaina tao amin' ilay sasinteny niarahanay roalahy nanao ho an' ny edisiona alema tamin' ny 1872:

«Na dia niova betsaka aza ny fisehoan-javatra tato anatin' ny 25 taona no mankaty dia voarakitra tsara mandraka ankehitriny ny rijan-kevitra maro novelabelarina tato amin' ity Famosahankevitra ity. Mety ihany angamba raha iverenana jerena ny andinindininy vitsivitsy ny zava-mitranga maro voarakitra an-tantara no hampiharana mandrakariva sy hatraiza hatraiza ny foto-kevitra maro ary noho izany dia tsy tokony homena lanjany be loatra ireo fepetra maro sy revolusionera voalaza fa tokony hatao eo anoloan' ny toejavatra miseho; voatanisa ao amin' ny faran' ny Toko faha-II izany. Noho ny antonantony maro dia mety ho tamin' ny fomba hafa kokoa noho izao, ankehitriny, no nanoratana

\* «The Condition of the Working Class in England in 1844». (Toerana nisy ny kilasin' ny mpiasa tany Angleterre tamin' ny 1844) nosoratan'i Friedrich Engels, nadikan'i Florence K. Wescnewetsky tany New York, Lovell-London, W. Reeves, 1888. (*Fanamarihana nataon'i Engels.*)

ireto teny ireto. Noho ireto antony manaraka ireto dia efa niha-antitra ankehitriny ny lafiny sasany amin' ity soritr' asa ity: ao ny fandrosoana tsy hita pesipesenina vitan' ny indostria vaventy tato anatin' ny 25 taona izao, ao koa ny fandrosoana niara-nitombo tamin' izany noho ny fahatongavan' ny kilasin' ny mpiasa ho antoko, ao ny efa tsy mahazaza vao intsony ny revolisiona tamin' ny volana Febroary aloha indrindra ange manaraka izany fa ny «Commune»-n' i Paris efa tsy hatoro voanjo hadina intsony satria nandritra ny roa volana dia izy no voalohany nanome ny fahefana politika ho eo am-pelatanan' ny mpitrongy vao homana rehetra. Voaporofon' ny «Commune» indrindra fa ny kilasin' ny mpiasa dia tsy mianina fotsiny amin' ny fakana ny «milim-panjakana fa manova izany hampandeha io milina io ka amin' izany dia ny tombontsoan' izy irery ihany no ho voabanjina.». (Jereo: «The Civil War in France; Address of the General Council of the International Working-Men's Association». London Truelove, 1871, takila 15. Voavelabelatra lava kokoa ity hevitra ity ao.) Ambonin' izany dia hita miharihary raha jerena ny jery kiana atao amin' ny haisoratra sosialista fa voadingana sy tsy manana ny anjara-toerany ny vanim-potoana diavintsika amin' izao fotoana izao satria eo amin' ny 1847 dia mifarana izy. Toraka izany koa: raha marina mandraka ankehitriny eo amin' ny fotopotony maro ny momba ny fanamarihana atao amin' ny fihetsiky ny Kominista eo anoloan' ny antoko mpanohitra samihafa (Toko faha-IV) dia hita kosa fa niha-antitra izy ireny rehefa ampiharina satria efa niova tanteraka ny endriky ny toe-javatra politika ary tsy vitan' izany fa efa tsy misy intsony ny maro amin' ireo antoko politika voatanisa ao, noho ny fiovaovan' ny tantaram-pirenena.

Na izany aza kosa, tsy manana fahefana intsony isika hikasikasika ny ao anatin' ny «Famosahankevitra» izay boky manan-tantara sy manana ny antony maha-izy azy».

Ny nanao ny fandikan-teny asehonay eto dia Atoa Samuel Moore; izy koa no nandika ny ampahany betsaka amin' ny «Kapital» nosoratan' i Marx. Niara-nijery azy io izahay ary ny tenako aza dia nanampy fanamarihana maromaro misy ifandraisany amin' ny tantara.

*Friedrich Engels*

Londres, 30 Janoary 1888

## SASINTENY TAO AMIN' NY EDISIONA VITA AMIN' NY TENY ALEMA TAMIN' NY 1890

Hatramin' izay nanoratako ireo zava-boalazako teo ireo, dia hita fa ilaina ny fanontana indray ny «Famosahankevitra» ary hatao amin' ny teny alema izany. Tsara koa ny hilazana eto fa efa maro ny zava-niseho manodidina ny «Famosahankevitra».

Nisy dikan-teny faharoa tamin' ny teny rosiana nataon' i Vera Zassoulitch ary nivoaka tany Genève tamin' ny 1882. Ny tenako sy i Marx no nanoratra ny sasinteny tao. Indrisy anefa fa veriko ny sora-tànana voalohany indrindra vita tamin' ny teny alema momba io boky io, voatery handika indray aho avy amin' ny teny rosiana kanefa ny lahatsoratra manontolo tsy nila izany akory na kely aza. Ity io sasinteny io:

«Tsy ela akory taorian' ny 1860 no natonta tao amin' ny trano printy «Kôlôkôl» ny «Famosahankevitra ahariharin' ny Antoko Kominista» voadikan' i Bakounine; iny no edisiona voalohany vita tamin' ny teny rosiana. Tamin' izany fotoana izany dia fara-fahabetsany ny fitia te hizaha asa soratra mbola tsy fahita no betsaka matoa ny Tandrefana niresaka an' io boky io vita tamin' ny teny rosiana. Tsy tahaka izany intsony no fandehan-javatra ankehitriny. Tamin' ny fotoana ireny (Janoary 1848) dia endrey izany hakelezan' ny faritra nahazoan' ny fihetsehan' ny mpitrongy vao homana niely; izany indrindra no tena aharihary ao amin' ny toko mamarana ny boky: «Ny fihetsiky ny kominista eo anoloan' ireo antoko mpanohitra isan-karazany any amin' ny firenen-tsamihafa». I Rosia sy Etazonia indrindra no tsy mba voateny ao na kely aza. I Rosia moa tamin' ireny fotoana ireny dia natao ho toeran-dehibe farany indrindra nanangonana ny mpanohariana sy ny fahavalon' ny revolisiona tany Europa, ary fotoam-pifindra-monina

tany Etazonia iray nananty ny ambin-kerin' ny mpitrongy vao homana europeana. Avy tany amin' ireo tany ireo ny akoran-javatra nilain' i Europa, ary mbola izy ireo ihany koa no famarinana ny zavatra novokarin' ny indostria tany Europa. Izy ireo, araka izany, na tamin' ny fomba inona na tamin' ny fomba inona, no zary tohan-daka ho an' ny lamina ara-tsosialy tany Europa.

Moa ve tsy niova tanteraka izany ankehitriny? Ekena marimarina fa mpifindra monina avy any Europa no nahatonga ny fambolena hiroborobo fatratra tokoa tany Amerika avaratra; ny fifaninanana naterak' io firoboroboana io no nanozongozona hatramin' ny fotony ny fananan-tany na lehibe na kely tany Europa. Mbola izy ihany koa no nahatonga an' i Etazonia ho afa-mitrandraka any aminy ny loharanon-kery goavana maro fampiasa amin' ny indostria; tamin-kery no nanaovana izany tamin' ny toerana maro hany ka nanjavona tao anatin' ny fotoana fohy ny fanaovan' i Europa andrefana indrindra ange fa i Angletera, an-tanantokana ny raharaha momba ny indostria. Rehefa izany dia nisy fiantraikany lehibe revolisionera sy nahery vaika tamin' i Amerika mihitsy koa ireo fitrangan-javatra roa ireo. Noho ny fifaninanana tamin' ireo toeram-piompiana sy fambolena maro lehibe dia lehibe dia nihamaty tsikelikely ireo toeram-pambolena sy fiompiana maro na ny madinika na ny salasalany kanefa ireny no fototra niorenan' ny rafitra politika amerikana. Teo andaniny kosa anefa, tany amin' ny faritany maro nanaovana indostria dia sambany no nahitana ny fivangongan' ny mpitrongy vao homana maro dia maro teo anilan' ny fitaovana sy renivola nangonina hisavovona tokoa.

Ndeha hojerena kosa ny tany Rosia. Raha nipoaka ny revolisiona tamin' ny 1848–1849, dia nihevitra ny mpanjaka maro tany Europa sy ny andriankarena rehetra tany Europa fa ny famonjena ho azy ireo tamin' ny fitambaran' ny mpitrongy vao homana izay rariny loatra raha nanomboka ho efa nahatsapa ny fananany hery, dia tsy nisy afa-tsy ny firotsahan' ny Rosiana an-tsehatra. Natao ren-tany rendanitra fa ny «tsar» no filohan' ny mpanoha-riana eran' i Europa. Ankehitriny io olona io dia any Gatchina ataon' ny Revolisiona ho naman' ny babo an' ady; i Rosia kosa dia indro fa loha-laharana eo amin' ny fihetsiketsehana revolisionera eran' i Europa.

Ny lahasa niandry ny «Famosahankevitra kominista»

dia ny fanambara am-pahibemaso ny tsy maintsy hahafongotra tsy ho ela akory ny fananana teo am-pelatanan-dry zareo andriankarena. Tany Rosia kosa ambonin' ny tetiky Rabejofo napopopon' ny kapitalista sy ny fiforongan' ny andriankarena mpanan-tany dia niarahan' ny tantsaha nizaka ny antsasany mahery tamin' ny velaran-tany.

Hatreo dia ity no tsy maintsynofantarina: na io fianakaviamben' ny tantsaha rosiana io izay nahitany ny fiarahamizaka ny tany araka ny nitondrana izany hatry ny fahagola saingy tamin' ny endriny efa nihasimba, avy hatrany dia hisandratra haka ny endrika kominista momba ny fananan-tany; na tsy izany fa tokony mbola handalo amin' ny lalan' ny faharavana aloha izy fa io rahateo moa no nizorany raha topaza-maso ny tantaran' ny fitomboany sy fivelarany tany amin' ny Tandrefana.

Ity ihany amin' izao fotoana izao no azo avaly io fanontaniana io: raha manome marika fanairana sy hiainga ho amin' ny tolom-piavotana proletariana eo amin' ny tany andrefana ny tolom-piavotana rosiana, ka mifameno ireo zava-droa loha ireo, dia azo heverina ho fototra iaingana ho amin' ny fivoarana Kominista ny fananana iombonana misy amin' izao fotoana izao eto Rosia.

*Karl Marx, Friedrich Engels*

Londres, 21 Janoary 1882».

Tamin' ireny fotoana ireny, tany Genève, dia navoaka koa ny dikan-teny vaovao vita tamin' ny teny polone: «Manifest Kommunistyczny».

Hatramin' izay, tany Copenhague dia efa navoaka koa tamin' ny 1885 tao amin' ny «Socialdemokratisk Bibliothek» ny dikan-teny vaovao vita tamin' ny teny danoâ, indrisy anefa fa tsy tena feno izy io; misy andalan-tsoratra maromaro anisan' ny tena manana ny maha-ngeza azy hadino satria toa nampiato ny asan' ny mpandika-teny, ary azo isaina koa etsy sy ery ny marika ahalalana ny tandrevaka; nisy vokany nampalahelo izany satria hita eo amin' ny tapany aoriana ao amin' ny boky fa ho fatratra mihitsy ny dikan-teny raha niangaliana kokoa ny fanaovana azy.

Tamin' ny 1886, tany Paris dia nisy dikan-teny vaovao indray natao tamin' ny teny frantsay navoakan' ny «Le Socialiste» hatramin' izao dia io no tsara indrindra.

Tamin' io taona io ihany dia nisy fandikana tamin' ny teny espaniola natao avy tamin' io dikan-teny io; ny «El Socialista» no namoaka izany tany Madrid. Taorian' izany dia tao amin' ny bokikely indray no namoahana azy: «Manifesto del Partido Communista», por Carlos Marx y F. Engels, Madrid, Administracion de «El Socialista», Herman Cortès, 8.

Ity no ambarako raha misy liandiana te hahalala: tamin' ny 1887 ny dikan-teny vita sora-tàhana amin' ny teny armeniana dia nomena ny editora anankiray tany Constantinople; ilay lehilahy soava tsarà io anefa dia tsy sahy nanonta printy ny bokikely mitondra ny anaran' i Marx; ary nihevitra aza izy fa mety raha ilay nandika azy no mitonona ho nanoratra ny boky. Tsy nanaiky izany io olona io.

Nisy koa dikan-teny sasantsasany vita amin' ny teny amerikana; imbetsaka naverimberina natao printy tany Angletera ireny na dia tsy marimarina ihany aza. Tamin' ny farany dia nivoaka ny tena dikan-teny marina tamin' ny 1888. I Samuel Moore akaizako no nanao azy; niaranijery azy io izahay roalahy alohan' ny fanontana printy. Ity no anaran' ny boky «Manifesto of the Communist Party, by Karl Marx et Frederick Engels. Authorized English Translation, edited and annotated by Frederick Engels, 1888. London, William Reeves, 185 Fleet st. E.C.» Misy fanamarihana maromaro nalaiko tao amin' io dikan-teny vita amin' ny teny anglisy io; hita ato amin' ity izy ireny.

Manana ny anjarany manokana ny «Famosahankevitra». Nientanentan-kafaliana niarahaba ny fivoahany ireo olona mbola vitsy mpialoha lèlana eo amin' ny sosialisma mifanaraka amin' ny siansa (manamarina izany ny dikan-teny voatsiahao amin' ilay sasinteny voalohany). Tsy ela taorian' izany rehefa resin' ny mpanohara-riana ny mpiasa rehetra tao Paris tamin' ny Jona 1848\*, dia voakipily sy natao lavitra ny maso izy; tamin' ny farany dia natao izay hahafaty azy an-trebotebony; «lalànam-panjakana» no nenti-nanatanteraka izany tamin' ny Novambra 1852\*\* tamin' ny fanamelohana ny kominista tany Cologne. Tsy

\* Jereo ny fanazavana eo amin' ny takila faha-5.

\*\* Ny lazaina eto dia ilay fitsarana nifono fihantsiana (4 Oktobra – 12 Novambra 1852) nokendren' ny Fitondram-panjakana prosiana hamelezana mpikambana 11 tao amin' ny Ligin' ny Kominista (1847-1852); voampanga ho nanao famadihana lehibe tokoa ry zareo ireo.

hita intsony teny imasom-bahoaka ny «Famosahankevitra» sy ilay fihetsehana nataon' ny mpiasa tamin' ilay Revolusiona tamin' ny volana Febroary.

Niforona ny Fikambanana iraisam-pirenena ivondronan' ny mpiasa, rehefa ampy hery indray ny kilasin' ny mpiasa tany Europa ho entiny mandaroka sy misetra ny herin' ny kilasy maro nifehifehy tamin' izany. Ity no nokendren' io fikambanana io: mampifangaro tanteraka ny mpiasa rehetra any Europa sy Amerika ka manao izany ho toy ny tafika tokana manana ny hery ilaina hahazoany miditra an-tse-hatra amin' ny tolona. Noho izany dia tsy azony *natao ny mandray* ny foto-kevitra maro voalazan' ny «Famosahankevitra» ka *manao izany ho fototra iaingana* avy hatrany. Ny zavatra nilainy dia soritr' asa anankiray izay mamoha varavarana hidiran' ny sendika anglisy, ny Frantsay, Belza, Italiana sy Espaniola mpanaraka ny hevitr' i Proudhon, ary lasalianina alema\*. Tamim-pahaizana nikoizana ka naha-loa-bolana an' i Bakounine, eny fa na dia ireo olona sasany tsy nila hofehipehezin' iza na iza aza, no nanoratan' i Marx an' io soritr' asa io. Tsy hafa moa fa io rahateo no toy ny resaka ala-sarona mialoha ny Fitsipiky ny Internasionaly\*\*. Mba hampandresena tanteraka ny volavolankevitra notanisain' ny «Famosahankevitra», dia niantehitra tamin' ny fitombon' ny fahalalan' ny kilasin' ny mpiasa i Marx; ho tonga ho azy io, hoy, izy noho ny asa iraisana sy ny fiaraha-miadihevitra. Ny fisehoan-javatra sy ny fivadibadihan-javatra maro hita teo amin' ny tolona

Voasazy ny fito tamin' ireo olona ireo satria nisy taratasy sandoka sy mpiampanga lainga nampiasaina teo amin' ny fitsarana azy. Sazy fitanana am-ponja mandritra ny telo taona no kely indrindra; ny lehibe indrindra kosa dia fitanana am-ponja mandritra ny enina taona. — *Red.*

\* Nambaran' i Lassalle ombieny ombieny fa ny tenany dia «mpianatr' i Marx», toa anay; amin' ny maha-izany azy dia teo amin' ny tokotanin' ny «Famosahankevitra» hatrany no nahitana azy. Tsy mba tahaka izany no nataon' ireo olona mpomba azy; ry zareo ireo dia nijanona teo amin' ny soritr' asa novolavolain' i Lassalle momba ny fanorenana fikambanana maro misahana famokarana sy ampisamborin' ny Fanjakana vola. Izany anefa dia nahatonga ny mpiasa rehetra hivaky roa ka tao amin' ny andaniny ny mpiasa niantehitra tamin' ny Fanjakana ary tao amin' ny ankilany ireo tsy nitoky afa-tsya tamin' ny herin' ny tenany ihany. (*Fanamarihana nataon' i Engels.*)

\*\* Jereo K. Marx: «Fitsipika ankapobeny mifehy ny Fikambanana iraisam-pirenena ivondronan' ny mpiasa». — *Red.*

natao hanoherana ny renivola, ny faharesena izay nihoatra noho ny fahombiazana aza ny vitany, dia samy nahatonga tsotra izao ny mpikatroka hahatsapa fa tsy ampy ny fanàfana maro nampiasainy sy hahalalany marimarina ny zavatra tena tokony hatao ho enti-manafaka ny mpiasa rehetra mba hahazoany mizaka tena. Eo dia marina ny voalazan' i Marx. Ny kilasin' ny mpiasa tamin' ny 1874 taorian' ny fanafoanana ny Internasionaly dia efa tena hafa, fa tsy toy ny tamin' ny fotoana nanorenana azy. Efa teo ambavahoana ny proudhonisma tany amin' ny firenena latina maro; toy izany koa ny tena lassalism tany Alemania; na ny sendika anglisy aza, izay mpifikitra mafy amin' ny nenti-paharazana, tamin' izany fotoana izany, dia efa nanakaiky tsikelikely ny 1887 izay fotoana nahazoan' ny Prezidany niteny tamin' ny anaran' izy rehetra tamin' ilay Kongresy nataon-dry zareo tao Swansea ka nanao hoe: «Tsy biby fampitahorana intsony amintsika, ny sosialisma araka izay anaovana azy any amin' ny tanibe». Vao tamin' ny 1887 anefa ny sosialisma tany amin' ny tanibe, dia tena azo nitarafana tsara ny endriky ny sori-kevitra nasehon' ny «Famosahankevitra». Araka izany dia hita taratra misimisy ihany ao amin' ny tantaran' ny «Famosahankevitra» ny tantaran' ny fihetsiketsehana nataon' ny mpiasa rehetra nanomboka tamin' ny 1848 ka hatramin' izao fotoana izao dia izy io no asa soratra miely be indrindra, izy no manana endrika iraisam-pirenena be indrindra amin' ny haisoratra sosialista; ao aminy no misy ny soritr' asa iombonan' ny mpiasa antapitrisany maro any amin' ny firenen-drehetra manomboka any Siberia ka hatrany Kalifornia.

Na izany aza dia tsy ho azonay natao fony namoaka azy no nampitondra azy ny anarana hoe «Famosahankevitra» *sosialista*. Nikarazana roa, tamin' ny 1847 ny olona azo notondroina tamin' io anarana io. Tao aloha ireo olontsamihafa mpikambana tao amin' ny rafitra mpanandratra ny hevitra misidina sy tsy azo tanterahina; anisan' ireny indrindra ny mpanaraka an' i Owen, tany Angletera, ny mpanaraka an' i Fourier, tany Frantsa; izy rehetra ireo dia efa tahaka ny antokom-pinoana maromaro, tsotra sy teo am-pialana aina. Teo andaniny kosa no nahitana ireo dokotera sandoka isan-karazany nihambo ho mahavita zavatra teo amin' ny fiarahamonina ka nanondro fanafody marobe nodokadokafany izaitsizy, nanampitampina ny simba. Te hanafoana ny fahantrana teo amin' ny fiarahamonina

ry zareo ireny kanefa samy notsimbininy fa tsy nokasihiny na ny renivola na ny haritombony. Na irery voalohany na ireto vao nolazaina teo dia tsy hafa fa olona samy tany ivelan' ny fihetsiketsehana nataon' ny mpiasa; ny tena nokatsahiny dia ny hotohanan' ny kilasin' ny «nahita fianarana». Ny natao hoe *kominista* kosa dia ny mifanohitra amin' izany. Tsy iza ireo fa ny ampahany amin' ny mpiasa rehetra; niaiky mihitsy izy ireo fa tsy ampy raha izay hoe ny politika fotsiny no hovana hatao ambony ambany; noho izany dia ny fanovàna tanteraka ny fiarahamonia hatrany amin' ny fotony mihitsy no notakiany. Kominisma mbola tsy nampalesina tsara fa toa nitarika tsintahantahana fotsiny izao ny fo sy ny saina, io; mbola hita teo aminy ny tsy fahalavorariana. Nahery ihany anefa izy io ka tonga loharano niteraka karazan' ny kominisma an' eritreritra roa: tany Frantsa dia najoron' i Cabet ny «L'Icarie»; fantatra tany Alemania kosa ny fomba sy rafitr' i Weitling\*. Ny niheverana ny sosialisma tamin' ny 1847 dia fihetsiketsehana nataon' ny andriankarena fa ny kominisma kosa dia fihetsiketsehana nataon' ny mpiasa; tany amin' ny tanibe dia mba nanana ny tombontsoany ahay teo amin' izao tontolo izao ny sosialisma; tena ny mifanohitra amin' izany kosa no hita teo amin' ny kominisma. Hatramin' ireny fotoana ireny dia nitovy fihevitra tsara izahay raha niara-nilaza «fa miankinda amin' izay atao' ny mpiasa ihany ny fahazoany fahafahana hizaka tena»; izany no tsy nampisalasala anay kely akory teo amin' ny fifidianana ny anarana homena azy ity. Hatreo no mankaty dia tsy niserana na oviana na oviana tao an-tsainay ny hanary io anarana io.

«Ry mpitrongy vao homana eran-tany, miraisa hina!» Feo vitsy fotsiny no namaly rehefa nataony ren-tany rendanitra io antso io, roa amby efapolo taona lasa izay tao ankatok' ilay revolisiona voalohany niseho tany Paris; tamin' iny no nasehon' ny mpitrongy vao homana rehetra ny zavatra maro notakiany ho an' ny tenan' izy ireo. Fa tamin' ny 28 Septambra 1864 dia nisy ny mpitrongy vao homana tany amin' ny ankamaroan' ny firenena tany Europa andrefana no niray hina hampijoro ny «Fikambanana iraisam-pirenena ivondronan' ny mpiasa» izay manana ny laza soany ahatsiarovana azy. Na ny «Internasionaly» aza tsy naharitra afa-tsy sivy taona. Noho izy kosa anefa dia

\* Jereo ny fana zavava ao amin' ny takila faha-19.

mbola ao dia ao mandraka androany ny dian' ny firaisana tsy mety maty nifanaovan' ny mpitrongy vao homana eran' ny firenen-drehetra; vao mainka niha-nahery aok' izany aza izy. Ny porofo tsara indrindra manamarina izany dia ity andro anio ity. Raha mbola eto am-panoratana ity taratasy ity aho dia indreo ny mpitrongy vao homana rehetra any Eoropa sy Amerika fa manao topy maso sy mijery ny heriny rehetra. Sambany izy ireo mamory izany hery izany ho tonga tafika *tokana* eo ambany faneva *tokana* ary mibanjina tanjona *tokana* ho tratrarinna maika: ny fampisia-na lalàna mametra ho ora valo no iasàna isan' andro, amin' ny andavanandro; izany rahateo raha mbola tany amin' ny 1866 no natao antso avo tamin' ilay Kongresin' ny Internasionaly tany Genève sy noanterina indray tamin' ilay Kongresin' ny Mpiasa tao Paris tamin' ny 1889. Ho fantatry ny mpanjatobe manana izay ilainy ary ny mpangoron-tany any amin' ny firenen-tsamihafa amin' ny alàlan' ny fahitany ity andro anio ity, fa efa tena vary sy rano ny mpitrongy vao homana eran-tany.

Raha mba teto anilako mantsy androany i Marx ka mahita maso izany zavatra izany!

*F. Engels*

Londres, 1 Mey 1890

## SASINTENY TAO AMIN' NY EDISIONA VITA

AMIN' NY TENY POLONE TAMIN' NY

1892

Raha ho nilaina ny fanontana indray amin' ny teny polone ny «Famosahankevitra ahariharin' ny Antoko Komunista», dia ho azo atao ny manao fehin-teny maro.

Voalohany indrindra aloha dia tokony ho tsapa fa tato ho ato ny «Famosahankevitra» dia tonga toerana ahitana taratra ny fandrosoana vitan' ny Fanaovana taozava-baventy any amin' ny taniben' i Eoropa. Arakaraka ny fivoaran' io fanaovan-taozava-baventy io any amin' ny tany itsy na iroa, no mahatonga ny mpiasa ao hahalala misimisy kokoa hatrany ny momba azy ireo manokana eo amin' izay maha-kilasin' ny mpiasa azy raha miolotra amin-dry zareo ao amin' ny kilasin' ny mpanana. Miely hatrany ny fihetsiketsehana sosialista eo amin-dry zareo ireo ary vokatr' izany dia mitombo hatrany ny fitadiavan' ny olona ny «Famosahankevitra». Arakaraka ny isan' ny bokikely voaely sy voatonta printy amin' ny tenin' ny mponina eo amin' ny firenena iray, no hahalalana tsara — tsy ny endriky ny tolon' ny mpiasa ao ihany — fa ny halehiben' ny fivoarana tratry ny taozava-baventy ao amin' izany koa.

Voaporofon' ny fisian' ny edisiona vaovao ny «Famosahankevitra» vita amin' ny teny polone ary, fa tena roso tokoa amin' ny taozavatra i Polona. Tsy misy intsony mampisalasala satria tena misy dia misy io fandrosoana io tato anatin' ny folo taona, izany hoe, hatramin' ny fotoana nivoahan' ilay edisiona farany. Ny Fanjakana any Polona, dia i Polona izay nanaovana ny Kongresy\* dia efa tonga tany iray midadasika irobورو boan' ny fanaovan-taozavatra

\* «*Polona nanaovana Kongresy*» no niantsoana ny tapak' i Polona natolotra an' i Rosia araka ny fanapahan-kevity ny Kongresin' i Vienne (1814-1815). «Ny Fanjakana entim-panjaka any Polona» no anarana ofisiahy nentin' io faritany io. — *Red.*

ao amin' ny tany tapahin' ny Emperoran' i Rosia. Miely patrana etsy sy ery ny toerana fanaovana taozava-baventy rosiana: ny ampahany iray any akaikin' ny helidranon' i Finlande, misy hafa koa any amin' ny faritany afovoany (Moscou sy Vladimir), ny fahatelo dia any amin' ny morontsiraky ny Ranomasina Mainty sy ny Ranomasin' i Azôv, sns; ny industria polone kosa dia navondrona ao amin' ny faritra kely raha mitana amin' izany ary samy ao daholo ny tombontsoa sy voka-dratsy aterak' io fanavondronana io. Niaiky ny fisian' izany tombontsoa izany ireo mpanao taozavatra nifaninana tamin' i Rosia rehefa notakian-dry zareo ireo ny fampisiana fadin-tseranana raikitra hatao fiarovana amin' i Polona na dia niriny fatratra aza ny hahatonga ny Polona rehetra ho raiki-tapisaka amin' ny fandrosoana rosiana. Na ho an' ny mpanao taozavatra polone na ho an' ny governemanta rosiana dia ity kosa no fisehoan' ny voka-dratsy: niely haingana tokoa teo amin' ny mpiasa polone ny hevitra sosialista; tsy izany ihany fa nitombo ny fitadiavan' ny olona ny «Famosahankevitra».

Io firoboroboan' ny industria polone io tao anatin' ny fotoana fohy dia nanjary nisongona ny fandrosoan' ny industria rosiana; noprofoin' izany indray koa anefa ny tena fahaveloman' ny vahoaka polone sy ny toetra tsy mety mikoy ananany. Izany koa no antoka vaovao nilaza fa ao aoriana ao dia ho tafajoro marina io firenena io. Hita anefa fa tsy ny Polone irery no liandiana hahita izany fahatongavan' i Polona izany hahazaka tena sy afaka ary hahery, fa isika rehetra koa. Tsy ho azo atao ny hahatonga ny vahoaka rehetra any Europa hiroso amin-kitsim-po amin' ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena raha tsy efa samy manjaka tanteraka any aminy avy aloha ireo vahoaka ireo. Tamin' ny revolisiona tamin' ny 1848 no naха voatery ny mpitrongy vao homana mpitolona hanao ihany tamin' ny farany ny asa tokony hataon' ny kilasin' ny fiandriankarena; teo ambany fanevan' ny mpitrongy vao homana no nanaovany izany tamin' ny alàlan' ny solontenany dia i Louis Bonaparte\* sy Bismarck\*\* ka nampisy ny fahaleovantenan' i Italia sy Alemania ary Hongrie. Hatramin' ny 1792 dia

\* Napoléon III (*Louis Bonaparte*) (1808-1873) – dia zanakahin' i Napoléon I, ny filohan' ny Repoblika faha-II (1848-1851), Emperora frantsay (1852-1870). – Red.

\*\* Bismarck Otto (1815-1898) dia olom-pirenena sy mpanao diplomasia prosiana sy alema. Ny zavatra nakany hevitra teo amin'

betsaka noho izay vitan' ireo firenena telo ireo mitambatra ny zava-bitan' i Polona ho an' ny Revolisiona raha io firenena io no lazaina. Nilefika i Polona tamin' ny 1863 teo anoloan' ny fanosehana nafitsoky ny tafika rosiana izay avo folo heny noho ny azy ny heriny. Kely hery ny andriana ka tsy afa-niaro sy nandrombaka indray ny fahaleovantenan' i Polona. Ankehitriny dia zavatra tsy mampiraika akory an-dry zareo andriankarena io fahaleovantena io, raha ferana ho tahaka izany ihany no ilazana azy. Tena ilaina tanteraka anefa izy io raha tiana koa ny hisian' ny fiaraha-miasa mirindra tsara eo amin' ny firenena europeany rehetra. Mbola eo amin' ny lohataonany ny kilasin' ny mpitrongy vao homana any Polona ka sady azony atao ny handrombaka an' io fahaleovantena io sy hijoro ho andry azo antoka hiankinany. Amin' ny mpiasa any amin' ny tany hafa rehetra any Europa any mantsy dia ilainy toy ny filan' ny Polona azy koa io fahaleovantena io.

*F. Engels*

Londres, 10 Febroary 1892

ny fanaovana raharaha politika anatiny sy ivelany, dia ny fijerena hatrany ny tombontsoan' ny andriana tantsaha sy ny lohandohany rehetra tamin' ny fiandriankarena. Vitany tamin' ny 1871 teo ambany elatr' i Prodia ny fampiraisana an' i Alemaina; nanampy betsaka azy tamin' izany ny ady niniany natao tamin' ny firenen-kafa sy ny fahombiazana nisesisesy azony tamin' ny fifampiraharahana tamin' ny firenen-kafa. Izy no lehiben' ny raharaha momba ny fitondrana ny Fanjakana tao amin' ny Empira alema tamin' ny 1871 ka hatramin' ny 1890.

«Hafahafa be ihany ny vitan' ny revolisiona tamin' ny 1848; toraka izany koa ny an' ireo revolisiona maro hafa nisy teo alohany. Araka ny filazan' i Marx dia ireo olona nandrava azy ihany no tonga mpanatanteraka ny didim-pananana navelany; voatery hanao izay hahatonga an' i Italia ho firenena miray sy mahaleotena i Louis Napoléon. Tany Alemaina dia voatery koa i Bismarck hanao revolisiona araka ny saim-pantany sy hamerina amin' i Hongria ny fahaleovanteny na dia eo ho eo ihany aza izany...» (Engels, «Toerana nisy ny kilasin' ny mpiasa tany Angletera». Sasinteny ho an' ny edisiona vita amin' ny teny alema tamin' ny 1892.) — *Red.*

# Manifest der Kommunistischen Partei.

Veröffentlicht im Februar 1848.

Proletarier aller Länder vereinigt euch.

London.

Gedruckt in der Office der „Bildungs-Gesellschaft für Arbeiter“  
von B. G. Burghard  
46, LIVERPOOL STREET, BISHOPSCATE

Fonom-bokin' ny «Famosahankevitra ahariharin' ny Antoko  
Kominista» natao tamin' ny 1848

**SASINTENY TAO AMIN' NY EDISIONA VITA  
AMIN' NY TENY ITALIANA TAMIN' NY  
1893**

*Ho an' ny mpamaky italiana*

Saiky nifanojo indrindra tamin' ny 18 Marsa 1848 ny famoahana ny «Famosahankevitra ahariharin' ny Antoko Kominista», saiky nifanojo tamin' ireo revolisiona tany Milan sy Berlin koa; firenena roa nikomy sy nampiasa fitao-vam-piadiana tamin' izany. Ny voalohany tamin' izy ireo dia tao afovoan' ny tanibe europeana; ny faharoa kosa dia tao anivon' ny firenena maro manodidina an' i Mediterane. Noho ny nanasamatsamahana azy sy ny adilahy nisy tao amin' izy ireo tsirairay avy dia efa niha-osa ireo firenena roa ireo hany ka latsaka tao ambany fifehezan' ny firenen-kafa nahery noho izy. Ny Emperoran' i Autriche no nanapaka an' i Italia; tsy latsak' izany anefa ny zioga nentin' i Alemania tamin' ny fomba tsy mivantana noho ny nafitsoky ny Emperora nitondra an' i Rosia manontolo. Ny vokatra naterak' ireo zava-nitranga tamin' ny 18 Marsa 1848 no nanafaka an' i Italia sy Alemania tamin' izany fahafaham-baraka izany. Nanomboka tamin' ny 1848 ka hatramin' ny 1871, dia tafaverina tamin' ireo firenena roa ireo ny zony rehetra; tsy nitovy ny lâlana nizorany hahazoany indray ny fahaleovantenany. Ny nahatonga izany, araka ny filâzan' i Marx, dia izao: ny olon-drehetra nandrava ilay Revolisiona tamin' ny 1848 ihany, na tsy sitrak' izy ireny aza, no nanjary mpanatanteraka ny Revolisiona.

Hatraiza dia ny kilasin' ny mpiasa no angady nananana sy vy nahitana izany Revolisiona izany; izy no nanangam-pefin-dàlana sy nanao sorona ny ainy. Ny mpiasa rehetra tao Paris kosa anefa no hany tapa-kevitra handrodana koa ny fitondrana nankinina tamin-dry zareo andriankarena rehefa voarodany ny fitondram-panjakana. Tsapan' ireo mpiasa ireo fa tsy maintsy hifandona na tiana na tsy tiana ny kilasy nisy azy sy ry zareo fiandriankarena. Na izany

kosa aza dia izao no nitranga: na ny fandrosoan' ny firene-na teo amin' ny lafiny ara-toekarena, na ny fanofanana ara-tsaina ny ankapoben' ny mpiasa frantsay, dia samy tsy mbola nahatratra ny fetra nilaina mba hanamoràna ny fihavaozana teo amin' ny fiarahamonina. Io no nahatonga ny vokatra nateraky ny Revolisiona hiantefa teo am-pelatanan' ny kilasin' ny kapitalista. Tany amin' ny firenena hafa — (Italia, Alemania, Autriche) — dia efa hatramin' ny voalohany ny mpiasa no tsy nanao afa-tsy ny nanampy an-dry zareo andriankarena mba hahazoan-dry zareo ireto ny fahefána. Na taiza kosa anefa na taiza dia izao no hita: raha tsy efa azo aloha ny fahaleovantenam-pirenena tsy nahita hirika hitsoohana sy hibahanana ry zareo andriankarena. Izany no nahatonga ilay Revolisiona tamin' ny 1848 hiafara tamin' ny fampiraisana sy fanome-zana fahaleovantena ireo firenena tsy navela banana izany talohan' izao. Tsy iza ireo fa: i Italia, Alemania, Hongria. Tamin' ity kosa dia mba anjaran' i Polona.

Hita araka izany fa na dia tsy Revolisiona sosialista aza ilay nipoaka tamin' ny 1848 dia nanamboatra kosa ny lâlana sy nanomana ho amin' izany izy. Ny fitondram-panjaka-na nankinina tamin-dry zareo andriankarena no nahatonga ny fandrosoan' ny industria vaventy tany amin' ny firenendrehetra; io indrindra koa anefa no nampisy hatraiza hatraiza nandritra izao 40 taona farany izao ny fiforanon' ny mpitrongy vao homana marobe niray hina tsara sy natanjaka. Izy io ihany koa araka ny filazan' ny «Famosahankevitra» azy no nampisy ny olona hanitrika azy amin' ny tany. Raha tsy mbola tafaverina ny fahaleovantena sy ny fampiraisana ny firenena tsirairay avy dia samy tsy azo tanterahina eo amin' ny lafiny iraisam-pirenena: na ny fampivondronana ny mpitrongy vao homana na ny fiaraha-miasa milamina sy misy fahatsiarovan-tena eo amin' ireo firenena ireo; izany no atao dia ny hahazoan' izy rehetra manatratra tanjo-na iombonana. Andramo alao sary an-tsaina kely ny asa iraisam-pirenena ifarimbonan' ny mpiasa italiana, hongroâ, alema, polone sy rosiana tao anatin' ny toe-javatra marô nisy talohan' ny 1848!

Hita amin' izany ary fa tsy very maina akory ny ady maro natao tamin' ny 1848, toy izany koa ny amin' ireo taona 45 anelanelana antsika sy iny vanim-potoana nisiana Revolisiona iny. Efa manomboka ho masaka ny voa; ny hany ilaike dia ny mba ho fambara tsara ny fivoahan' ity

boky ity voadika amin' ny teny italiana, ho fambara ahafantarana sahadys ny fandresena ho azon' ny mpiasa italiana. Toy izany koa tamin' ny nivoahan' ilay boky zokiny indrindra tamin' ity boky: izy iny no nialoha lalana ny Revolisiona iraisam-pirenena.

Fitsarana ara-drariny no ataon' ny «Famosahankevitra» amin' ny anjara asa revolisionera vitan' ny kapitalisma tany aloha tany. I Italia no firenena voalohany indrindra nanjakan' ny kapitalisma. Tsingy eo amin' ny endrika anankiray goavana ny fiasaran' ny «Moyen Age» nanjakan' ny tompomenakely sy ny niantombohan' ny taona maro nibahanan' ny kapitalisma mifanaraka amin' izao andro ankehitriny izao. Tsy manakatona ny «Moyen Age» sy poety voalohany manokatra ny andro vaovao. Amboaran-taona robe vaovao sy manan-tantara no misokatra amin' izao fotoana izao, toy ny tamin' ny 1300. Moa ve hanome i Dante vaovao antsika i Italia mba hampaharitra tsy misy farany ny fiposahan' io fotoana lavabe sy vaovao ho an' ny mpitrongy vao homana io?

*Friedrich Engels*

Londres, 1 Febroary 1893

# FAMOSAHANKEVITRA AHARIHARIN' NY ANTOKO KOMINISTA

Misy matoatoa iray mandondona an' i Europa: matoatoan' ny Kominisma. Ireo tompom-pahefana rehetra taty Europa fahiny dia nivondrona tao anatin' ny fiombonana masina mba hiara-hanao hazambo an' ilay matoatoa teo: ny Papa sy ny Emperora rosiana («tsar»), Metternich sy Guizot\*, ry zareo radikaly tany Frantsa ary polisy maron' i Alemaina.

Iza moa no nanohitra ny fitondrana ka tsy noampangain' ny mpifanohitra aminy sy nitana ny fahefana ka nataon' ireo hoe «Kominista»? Zovy koa moa no mpanohitra fitondrana tsy mba rafitra koa namerina tany amin' ny mpifanandrina aminy – na ho ankavanana ireo na ho anka-via – ilay teny manala baraka manao hoe «Kominista»?

Misy lesona roa azo tsoahina avy amin' izany.

\* Pie IX izay voafidy ho Papa tamin' ny 1846 dia niseho ho «malala-tsaina»; ny fankahalany ny sosialisma anefa dia tsy latsaka noho ny an' ny Emperora rosiana Nicolas I izay niseho ho toy ny zandary tany Europa raha mbola tsy nitranga akory ilay Revolusiona tamin' ny 1848. Tamin' izany fotoana izany indrindra i Metternich filohan' ny fitondrana ny raharaha-panjakana rehetra tany Autriche sy noraisin' ny olona ho toy ny mpitondra fanevan' ny mpanohariana rehetra tany Europa, dia nifandray tendro tamin' i Guizot izay sady mpanoratra tantaram-pirenena katrakatraka no minisitra frantsay sy mpahay ideolojia nanohana ny lohandohany rehetra tamin' ny fandriankarena fantatra tamin' ny raharaha momba ny fitantanam-bola sy ny industria, no fahavalto tsy azo nakisoka namely ny mpitrongy vao homana rehetra. Ho fanomezana fahafahampo ny fangatahana nataon' ny fitondram-panjakana prosiana dia nakipilin' i Guizot hiala tao Paris i Marx. Tsy tany Alemaina ihany fa tany Frantsa koa dia nataon' ny polisy alema nitondra faisana ny kominista; torak' izany koa no niseho tany Belzika eny fa na dia tany Soisa aza: nampiasaina ny fomba rehetra mba ham pandamoka ny fampielezan-kevitra nataon' ny kominista. — Red.

Efa niara-niaiky sahadys ny tompom-pahefana rehetra eran'i Europa fa hery ny Kominisma.

Tena tonga tokoa ny fotoana izay tokony hanaovan' ny Kominista loa-bary an-dasy hahalalan' izao rehetra izao azy tsara ny hoe: ireto ny tanjona kendreny, ireto ny fomba fijeriny ary ireto no firehana ananany.

Tonga ny fotoana hanolorany ny «Famosahankevitry» ny Antoko mihitsy, hasetry ilay arirarira momba ny matoatoa Kominista.

Ny hanaovana izay hahatanteraka izany indrindra no anton' ny nivorian' ny Kominista isan-karazany avy amin' ny firenen-tsamihafa, tany Londres sy nanoratany ity «Famosahankevitra» ity izay natonta tamin'ny teny anglisy, frantsay, alema, italiana, flamâ sy danoâ.

## NY ANDRIANKARENA SY NY MPITRONGY VAO HOMANA\*

Ny tantara momba ny fiarahamonina rehetra hatramin' izao fotoana izao\*\* dia tsy ahitana afa-tsy tantara momba

\* Ny atao hoe «fiandriankarena» dia ny olona ao amin' ny kilasin' ny kapitalista araka izay ahitana azy amin' izao andro anke-hitriny izao; ananany ny fitaovana enti-mamokatra eo amin' ny fiarahamonina, ary mampiasa olona karamainy izy. Ny atao hoe «mpitrongy vao homana» kosa dia ireo olona ao amin' ny kilasin' ny mpiasa karamaina araka izay hita amin' izao fotoana izao. Tsy manam-pitaovana enti-mamokatra izy ka voatery hivarotra ny herin' ny tenany mba hataony fivelomana. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny anglisy tamin' ny 1888.*)

\*\* Na ny marina kokoa angaha dia ny tantara *vita an-tsoratra*. Zara raha nisy nahafantatra izany tantaran' ny lamina ara-piarahamonina izany tamin' ny 1847; izy io no nialoha lâlana ny tantara rehetra *vita an-tsoratra*. Hatreto tany Rosia dia ambany hitan' i Haxthausen\*\*\* ny fiaraha-manan-tany. Nohazavain' i Maurer\*\*\*\* fa io no fototra ara-piarahamonina nipoiran' ny foko alema rehetra raha ny tantara no jerena; hita miandalana fa ny fokontany any ambanivohitra eo amin' ilay endriny misy fiaraha-mizaka ny tany iny no mampihariha-ry ny toetoetry ny fiarahamonina tany am-piandohana elabe tany. Nanomboka tany India izany ka tsy nijanona raha tsy tany Irlande. Farany dia ny zavatra hitan' i Morgan\*\*\*\*\* no nahazoana nampihan-jahanja sy nampiseho ny endrika manokana nampiavaka ny firafitr' io fiarahamonina kominista misy tany am-piandohana io; i Morgan no nahajalana ny tena toetra marina nananan' ireo *vondrom-pianakaviana* izay nampiombona anarana ny olona tao aminy sy nahafantara-na ny anjara-toeran' ireny fianakaviana ireny teo amin' ny *foko*. Izao no nitranga rehefa rava ireny fiombonana nisy tany am-boalohany ireny: nizarazara ho kilasy maro niavaka tsara ny fiarahamonina; nifandafatra ireny kilasy ireny nony farany. Nandramako notsikera-keraina ny fijerena ny ambaratonga samihafa nolalovana nialoha izany faharavana izany; hita izany ao amin' ilay boky nosoratako atao hoe «Ny niandohan' ny fianakaviana sy ny fananan' ny olona zavatra ho an' ny tenany ary ny Fanjakana» natonta fanindroany, tany Stuttgart tamin' ny 1886. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny anglisy, tamin' ny 1888.*)

ny adin-kilasy.

Ny olona afaka sy andevo, ny avo razana sy ny valalabe-mandry, ny andriana sy ny mpanompo, ny kamadaoro\* sy ny mpiasa, raha tsorina ny filaza ary ny mpampijaly sy ny ampijaliana izay nisy fifanoherany mandrakariva; ireo dia tsy nitsaha-niady na tamin' ny fomba mivandravandra indraindray na tamin' ny fomba ankolaka. Izany ady ni-fanaovana izany dia niafara hatrany tamin' ny revolisiona nanova endrika ny fiarahamonina manontolo, na tsy izany fa nahatonga ny kilasy roa nifamely ho samy potika.

Tany am-boalohany tany raha ny tantara no jerena, dia hitanay saiky hatraiza hatraiza ny fisian' ny lamina feno teo amin' ny fiarahamonina izay nisokajian' ny kilasy samy

\*\*\* *Haxthausen, August* (1792-1866), dia andriandahy prosiana. Nomen' ny Emperora rosiana Nicolas I alàlana hankany Rosia izy hahazoany manao fandinhana mikasika ny fiaimpianan' ny mpamboly sy ny asa atao-dry zareo ireo, ary hahalalany ny momba ny tantsaha, any (1843-1844). Nisy boky nosoratan' i Haxthausen ka ao no ilazalazany ny momba ny endrika sisa tavela tamin' ny fiombonam-pokonolona fahizay jerena eo amin' ny lafiny mikasika ny tany sy ny fifampitondrana momba izany, tany Rosia. — Red.

\*\*\*\* *Maurer, Georg Ludwig* (1790-1872) dia mpanoratra tantaram-pirene-na alema; nanao fandinhana momba ny endriky ny fitondram-panjakana tany Germania sy Alemania izy araka izay tamin' ny «Moyen Age» ka tsy zava-maivana no vita mba hahalalana ny fandehan-javatra tamin' ny «Moyen Age». — Red.

\*\*\*\*\* *Morgan, Lewis Henry* (1818-1881) dia amerikana nanam-pahaizana manokana momba ny filazana amin' ny an-tsipiriany ny toetoetry ny foko maro, ny arkeolojia; mpanoratra tantaram-pirenena koa izy. Nanao fandinhana momba ny endriky ny fiarhamonina sy ny fiainan' ny Indiana tany Amerika izy, ka nahangona tahirin-kevitra be dia be mikasika ny filazalazana ny toetoetry ny foko maro. Avy tamin' ireny no nahazoan' i Morgan nampijoro ilay foto-ke-viny momba ny fivoarana miandalana nahazo an' ireo vondrom-pianakaviana nisy fahagolan-tany; nanana anarana niombonana ny olona tao amin' izany vondrona izany, izay azo ekena fa ny endri-baventy indrindra nentin' ny fiarahamonina tany am-piandohana tany. Ity lehilahy ity koa no nanandrana hanaskajy ho vanim-potoana maromaro ny tantaran' ny fiarahamonina tany am-piandohana tany izany hoe tamin' ny fotoana tsy nahitana afa-tsy kilasy tokana tao amin' ny fiarahamonina. Fatratra dia fatratra ny fankasitrahan' i Marx sy Engels ny asa soratr' i Morgan. Nofintinin' i Marx ilay bokiny atao hoe «Ny Fiarahamomina fahagola» (1877). Tao amin' ilay bokiny atao hoe «Ny niandohan' ny Fianakaviana sy ny fahazoan' ny olona hanan-javatra ho azy manokana ary ny Fanjakana», dia notsiahivin' i Engels ireo hevi-baovao sy Baventy naposak' i Morgan. — Red.

\* *Kamadaoro*, izany hoe olona manana ny zo feno ho ao amin' ny toerana iray misy fiaraha-miasa; amin' izany kosa anefa dia lehibe sy mpibaiko izy eo amin' izany toerana izany fa tsy mpiasa tsotra nampanaovina fianianana. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny anglisy tamin' ny 1888.*)

hafa; ireny no toy ny fitsipika nisy marika maro nahazoa-namantatra ny toetoetry ny fiarahamonina. Tao Roma tamin' ny andro taloha ela, dia hitanay ny fisian' ny avo razana, ny mpitantsoavaly, ny valalabemandry, ny andevo. Tamin' ny «Moyen Age» kosa ireto no nisy: ny andriana tomponia, ny menakely, ny kamadaoro, ny olona tsotra mpiray asa, ny mpanompo. Ambonin' ireo voalaza ireo dia nisy koa ny ambaratonga maromaro tao amin' ny kilasy tsirairay.

Teo ambonin' ny faharavan' ny fiarahamonina tomponenakely no niorenan' ny fiarahamonina ahitana an-dry zareo fiandriankarena teraky ny andro ankehitriny, ka tsynofongoriny ny fifanoheran' ny kilasy maro. Izao no nataon' io fiarahamonina vaovao misy an-dry zareo fiandriankarena io; kilasy vaovao no nasolony ny efa nisy teo aloha; fomba vaovao fampijaliana no nasolony ny efa nisy teo aloha ary tolona atao amin' ny endrika vaovao no asolony ny fanaofahiny.

Ity anefa no toetra mampiavaka izao androntsika izao raha ampitahaina amin' izay nisy tamin' ny andron-dry zareo fiandriankarena: notsoriny ny fifanoheran' ny kilasy maro. Ambonin' izay dia izao: mizara ho toby roa lehibe mifampifahavalo ny fiarahamonina; mizara ho kilasy roa vaventy mifanao toy ny atsimo sy avaratra: ny fiandriankarena sy ny mpitrongy vao homana.

Ny mpanompo tamin' ny «Moyen Age» no loharano nipoiran' ny fiandriankarena voalohany nameno ny tanàndehibe. Ireny mponina tambonivohitra ireny no nipoiran' ny voalohando hany tamin-dry zareo fiandriankarena.

Ny vao nahitana an'i Amerika sy ny fahazoa-nandeha antsambo nanodidina an'i Afrika dia nanome faritra vaovao hiasan' io kilasy vao teraka nisy ny fiandriankarena io. Ireto avy no nateraky ny varotra natao tany India Atsinanana sy Shina, ny fanjanahan-tany tany Amerika, ny varotra natao tany amin' ny zanatany, ny fihamaroan' ny zavatra nilaina teo amin' ny fifanakalozana ary amin' ny ankapobeny ny fihamaroan' ny entam-barotra: fandrosoana mbola tsy nisy tahaka izany na oviana na oviana no hita teo amin' ny raharaha m-barotra, ny fandehanana antsambo, ny indostria. Ireny no nitondra firoboroboana haingana teo amin' ny olona revolusionera tao anivon' ny fiarahamonina konka sy efa an-dalam-paharavana.

Nitombo tsy nisy farany arakaraka ny fisokafan' ny tsena vaovao ny zavatra nilain' ny olona ka tsy naharaka

intsony na ny asa niraisana tao amin' ny industria. Ny trano fanaovan-taozavatra indray no nasolo izany. Ry zareo andriankarena salasalany teo amin' ny industria no nisolo toerana ny kamadaoro; tsy natao intsony ny fanankinana karazana asa tokana amin' ny trano fiasana tsirairay mba ho samy hafa ny asa atao any amin' ireny trano rehetra ireny. Ity no nasolo izany: tao amin' ny trano fiasana ihany no nokarazanina hisy ambaratonga ny asa.

Tsy nitsaha-nitatra anefa ny tsena hany ka nisavovona hatrany ny tinady. Indro koa fa tonga tsy ampy intsony ny trano fanaovan-taozavatra. Tamin' izay dia ny etona sy ny milina no nitondra, revolisiona teo amin' ny famokarana, teo amin' ny industria. Ny industria vaventy sy tena araka ny toetr' andro no nasolo ny trano fanaovan-taozavatra. Nanjavona teo anoloan' ny mpanapitriza teo amin' ny industria ny andriankarena salasalany teo amin' ny industria; niara-nipoitra tamin' izany koa ny filohan' ny tena tafika teo amin' ny industria sy ny andriankarena tena vaovao.

Ny industria vaventy no namorona ny tsena eran-tany; nanomana izany ny vao nahitana an' i Amerika. Ny tsena eran-tany no nampirimorimo fatratra ny fandrosoan' ny varotra sy ny fandehanana an-tsambo ary ny fanaovandalana. Nisy vokany indray koa teo amin' ny fihanaky ny industria io fandrosoana io. Ary arakaraka ny fandrosoan' ny industria, ny varotra sy ny fandehanana an-tsambo ary lalam-by no indro koa ry zareo fiandriankarena fa nihangeza; nakariny ho avo folo heny ny renivola amam-pananana nampiasainy, ka saiky takona tanteraka sy toa niha-nanalavitra ireo kilasy maro nolovàna tamin' ny «Moyen Age».

Hitantsika ary fa ny toerana nisy ny fiandriankarena mihitsy dia tsy inona fa vokatry ny fisian' ny fandrosoana naharitra ela sy revolisiona maro teo amin' ny fomba famokarana ary ny fitaovana enti-mampifandray ny mifanalavitra.

Isaky ny mandalo tanjona iray ny fiandriankarena eo amin' ny fiovaovàny dia misy fandrosoana ara-politika hatrany mifanandrify amin' izany. Kilasin' ny nitondra faisana tamin' ny andron' ny tompomenakely nanao didiko fe lehibe fikambanana nanam-piadiana nitantan-tena tao anatin' ny Kômina\*, eto izy dia Repoblika an-tanàndehibe,

\* Ny natao hoe *Kômina* tany Frantsa dia ireo tanàna nipoitra tampoka na diambola tsy voarombany teny am-pelatanan' ny andriana tompoiny sy ny mpifehy azy aza ny fahafahana hahazoany mizaka tena teo an-toerana sy ny zo politika nananan' ny vodiahitarivo.

mahaleotena; etsy indray kosa vodiahitrarivo azo ampandoa-vina hetra sy ampanaovim-panompoana tamin' ny andron' ny mpanjaka; rehefa izany indray tamin' ny andron' ny trano fanaovan-taozavatra dia izy no nítovy hery sy lanja tamin' ny andriana fony mpanjaka nampanompo na tsy norefesi-mandidy no nitondra; izy no vato fehizoro teo amin' ny fanjakana maro nentim-panjaka. Toy izany ny fiandriankarena nanomboka tamin' ny fiorenan' ny industria vaventy sy ny tsena eran-tany. Tamin' ny farany dia nalainy an-keriny sy tsy nozarinay na tamin' iza na tamin' iza ny fahefana sy ny maha-masi-mandidy eo amin' ny politika. Izany no zava-misy eo amin' ny Fanjakana entin' ny olomboafidy, amin' izao andro ankehitriny izao. Ny fitondram-panjakana misy amin' izao fotoana izao dia tsy inona fa komity iray izay mitantana ny raharaha maro iombonan' ny kilasin' ny andriankarena rehetra.

Teo amin' ny tantara dia anjara raharaha revolisionera ambony tokoa no vitan' ny andriankarena.

Na taiza na taiza ka tonga teo am-pelatanany ny fahefana dia izao no nataony: nohitsakitsahiny ny fifandraisana efa trrainy loatra nampivandravandra ny maha-mpanompo sy ny maha-tompo, na nankinina tanteraka tamin' ny beantitra na koa nokendrena hahafinaritra fotsiny ny fo sy ny saina. Nomontsaniny tsy nisy indrafo ny fifandraisana nohasarotina be ihany sy nikarazana maro, nisy teo amin' ny olona zatra ny riba trrainy sy «ny lehiben' izy ireny teo amin' ny toerana honenany». Teo amin' ny fifandraisan' ny samy olona, dia tsy navelany hisy hiangana afa-tsysty «ny fijerena tombontsoa tamin' ny fo sy saina ary fihetsika feno fahatonena», nanampy an' io koa ny fitakiana henjana ny fandoavana ny vola tsy misy hatak' andro na kely aza. Nataony izay hahafaty momoka ny fihetsehampo nankama-

Amin' ny ankapobeny, ny ahitana an' i Angletera eto dia amin' ny maha-firenena misy fiandriankarena azy; nanana endrika nampiavaka azy ny fandrosoana ara-toekarena teo amin-dry zareo ireo; ny ahitana an' i Frantsa kosa dia ny fandrosoana niavaka nisy tany amin' io firenena io teo amin' ny lafiny ara-politika. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny anglisy tamin' ny 1888.*) Io no anarana nomen' ny mponina an-tanan-dehibe tany Italia sy Frantsa, ny firaisansy teo an-tananany raha vao azony avy tamin' ny andriana tomponiy tamin' ny alalan' ny fividianana na ny fandrombahana ny zo voalohany mamela azy hiantsoroka malalaka ny fitondra. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny alema tamin' ny 1890.*)

sinin' ny olona revom-bavaka mbamin' ny fientanam-po manesika ny olona sahy sy be fitiavana, ary ny fangorahampo mpahazo ny andriankarena madinidinika; ity no fomba nentiny namono ireo; nabobobobony tao anaty rano mamanalan' ny kajy feno fitiavantena. Taminy ny fahamendrehan' ny olona tsirairay avy dia tsy hafa fa toy ny zava-drehetra misy vidiny sy lanjany ka ampiasaina toy ny vola eo amin' ny sehatry ny fifanakalozana. Ny fahazoa-mifampivarotra malalaka tsy misy indrafo *ihamy* no nasolony an' ireo fahafahana maro izay nanoin-tsarotra mihitsy vao azo. Raha tsorina dia izao; fitsentsefana natao ankarihary, tsy nahalalana henatra, mivantana sy feno amboletra no nasolony ny fitsentsefana izay niafinafenan' ny hevi-dravina nanodoka ny mpivavaka sy ny mpanao politika.

Nalan' ny fiandriankarena ny fehiloha nampihaingo hatramin' io fotoana io ny lohan' ny asa aman-draharahehetra nisy hasiny sy hajany ka nandrianin' ny olona fatratra. Nataony mpiasa karamaina matihanina ka nampaoviny izay tiany na ny dokotera, na ny mpahay lalàna, ny mpitondra fiangonana, ny poetry ny olona ambony fahaizana.

Notriatriarin' ny fiandriankarena ny voalin' ny fihets-hampo izay nambomba ny fifandraisan' ny mpianakavy ka tsy namelany raha tsy endrika tsotra momba ny raharabambola sisa.

Nahariharin' ny fiandriankarena tsara fa ny hakamoana faran' izay ratsy no fameno ara-boa-janahary tena mifanten-tana amin' ny fampisehoan-kery feno amboletra fahita tamin' ny «Moyen Age» ary naharevo mafy ny mpanohariana. Izy no voalohany indrindra nampiseho ny zava-drehetra mety ho vitan' ny zanak' olombelona. Nahavita zavatra maro hafa mahatalanjona tsy ambaka noho ny pyramidan' i Egypta izy: ny lakan-drano romana, ny katedraly gôtika. Nataony tomombana tsy ambaka noho ny nanafihana firenen-kafa sy ny nanaovana Kroazady\* ny fandefasana tafika taty sy tary.

\* *Kroazady* izany hoe fandefasana tafika hanao fanjanahan-tany nabosesika tany Atsinanana tamin' ny taon-jato faha-XI-XIII. Olona maro fatra-pifikitra tamin' ny fanao fahagola tamin' ny andro nisian' ny tompomenakely teo amin' ny Fanjakana, no tompom-kevitra sy nanatanteraka izany. Nanampy azy ireny ny olona natao hoe «Tantsoavaly» tany Europa Andrefana; tompo-marika tamin' izany ny mpitondra fivavahana izay nandefa baiko hanafahana an' i Jerosalema sy ny Tany Masina teo ambany ziogan' ny miozolimana. — Red.

Tsy azon' ny fiandriankarena atao ny hisy raha tsy havaoziny tanteraka hatrany ny fitaovana enti-mamokatra, izany hoe havaoziny ny fifampiankinan' ny hery enti-mamokatra sy ny habetsaky ny vokatra. Ny dikan' izany koa dia izao: havaozina tanteraka ny endriky ny fifandanjan' ny olona sy fifampitondrany eo amin' ny fiarahamonina, amin' ny ankabobeny. Amin' ireo kilasy efa nisy teo aloha ary nanao raharaha momba ny industria, dia hafa lavitra noho izany, satria ny zavatra voalohany niankinan' ny fahaveloman' izy ireny sy ny fisiany dia ny tsy fanovàna fa fitazonana ny fanao teo aloha eo amin' ny raharaham-pamokarana. Ireto no niavahan' ny andron' ny fiandriankarena tamin' ireo fotoana maro efa nisy teo aloha: io fantsikorofohana tsy misy farany ny raharaham-pamokarana io, io fandronjonan-dava io ny rafitry ny fiarahamonina, io fanetsiketsehana sy io fanaovana sahobakaka ambody riana mandavan-taona io. Tsy niova mihitsy sy rakotra arafesina ny fifandraisan' ny olona sy fifampitondrany teo amin' ny fiarahamonina; niara-devona io sy ny hevitra tranainy sy nanana ny hajany niompana taminy; ny fanavaozana asolo ny teo aloha dia antitra sahady na mbola tsy mafy taolana akory aza. Lasa setroka sy nanjavona ny zava-drehetra nanana ny hamafisany sy ny fahatezany; voazimbazimba avokoa izay nankamasinina. Maso efa tofoka tamin' ny farany no tsy maintsy nijeren' ny lehilahy ny antonantom-piaiany sy ny fifandraisan' izy samy izy.

Nila tsena vaovao hatrany ry zareo fiandriankarena ka indreny fa noteteziny izao tontolo izao manontolo. Tsy maintsy nanorin-dasy hatraiza hatraiza, nitrandraka hatraiza hatraiza izy, sy nanana olona hifandraisana hatraiza hatraiza.

Nitrandraka tsena eran' izao tontolo izao ry zareo fiandriankarena ka nomeny endrika niraisan' ny olona maro samy hafa firenena ny raharaham-pamokarana sy fanjifàna tany amin' ny firenen-drehetra. Nalany tamin' ny industria ny fototra niorenany tao amin' ny firenena izatsy na izaroa hany ka very fanantenana tokoa ny mpanohariana tao. Potika sy mbola potika isan' andro ny industria tranainy rehetra tany amin' ny isam-pirenena. Ny nasolo azy ireny dia ny sampan' ny industria maro sy vaovao; niankinan' ny fahavelomana na ny fahafatesan' ny firenena efa mandroso ny fandraisana ireny ny sampan' ny industria vaovao ireny, izay tsy nampiasa ny akoran-javatra nisy teo amin' ny firenena niorenany; akoran-javatra nahafarana tany an-tany.

lavitra dia lavitra no nampiasainy. Tsy ny olona teo antoerana ihany koa no nanjifa ny zava-bokatra fa ny faritra maro eto amin' izao tontolo izao. Ny zava-bokatra teo amin' ny firenena ihany no nenti-nanome fahafahampo ny filana trainainy izay efa nosoloana filana vaovao; io kosa dia nitaky vokatra maro norantovina tany amin' ny toerana lavitra dia lavitra manana toetr' andro samihafa. Tsy nisy intsony ny faritany nitoka-monina fahiny mbamin' ny firenena nahavita tena; ny nisolo ireny dia ireto: fifandraisana tsy nitsaha-nitatra eran-tany, fifampiankinan' ny firenen-drehetra eran' izao tontolo izao. Ny marina momba ny zava-bokatra azo jerena sy tsapain-tànanà dia marina tsy ambaka noho izany koa teo amin' ny lafiny momba ny ara-tsaina. Tonga fananana niombonan' ny firenen-drehetra ny zava-bitan' ny mpanao asa saina tany amin' ny isam-pirenena; isan' andro dia tsapa misimisy kokoa hatrany fa tsy azo atao intsony ny ho teritory saina sy ny tsy hiraharaha ny fanao entiñ' ny vahiny. Niteraka haisoratra antonona an' izao rehetra izao ny hamaroan' ny haisoratra teo amin' ny firenena iray na teo amin' ny toerana iray.

Nihatonga lafatra tao anatin' ny fotoana fohy ny fitavana enti-mamokatra; tsy nisy toy izany mihitsy ny fihatsaran' ny fomba mampifandray ny olona. Ireny no nahazoan' ny fiandriankarena hisarika hanaraka ny Fandrosoana na dia ny firenena faran' izay baribarianina aza. Ny hamoran' ny entana novokariny no toy ny tafondrobe nandarofana ny rindrimbe rehetra tany Shina sy nampilavo lefona ny baribarianina faran' izay tsy azo nakisoka tamin' ny fankahalana vahiny. Nety ho faty mihitsy izy raha tsy nanery ny firenen-drehetra hampiasa ny fomba fanaon' ny andriankarena rehetra rehefa mamokatra; notereny ireny firenena ireny hidiran' ilay nodokadokafany hoe Fandrosoana, izany hoe nataony izay hidiran' ny andriankarena tany. Izao izany raha lazaina amin' ny teny fohy: tontolo mifanentana amin' ny endriky ny fiandriankarena no najoron' ny fiandriankarena.

Noteren' ny fiandriankarena ny tantsaha hanahaka ny fanao any amin' ny tanàn-dehibe. Nanorina tanàna goavana maro izy; nataony izay hampitombo fatratra ny mponina an-drenivohitra raha mitaha amin' ny mponina tantsaha; io no fomba nampiasainy hanalana ny ampahany betsaka amin' ny mponina tsy ho lasa dondrona amin' ny fiainana

any an-tsaha. Toy ny nanereny ny tantsaha hanaiky ny tambonivohitra sy ny nanereny ny firenena baribarianina na efa tsy baribarianina loatra intsony hiaiky tongotra amantànana eo anoloan' ny firenena efa mandroso, no nanereny koa ny vahoaka tantsaha hiondrika eo anoloan' ny vahoaka andriankarena. Tahaka izany no fandehany hatrany atsina-nana ka hatrany andrefana.

Nofoanan' ny fiandriankarena misimisy kokoa hatrany ny fitsipotipotehana ny fitaovana enti-mamokatra sy ny fananan' ny olona ary ny mponina. Nataony izay hivangongon' ny olona, nangoniny ny fitaovana enti-mamokatra ary nazeziny teo am-pelatanan' olom-bitsy ny fananan-javatra. Ny fametrahana ny hery sy fahefana politika ho eo am-pelatanan' olon-tokana na vitsy dia vitsy no vokatra naterak' ireo fanovana rehetra ireo. Tonga firenena *tokana* rehefa natambatra ny faritany maro tsy nifampiankina fa samy nanana ny naха-izy azy avy na nisy toa fiombonana aza teo amin' izy rehetra; samy nanana ny tombontsoany, ny lalà-nany, ny fitondram-panjakany avy ireny faritany ireny, ny vola nasainy naloa koa ho fadin-tseranana tsy nitovy rahateo. Tonga *tokana* ny fitondram-panjakana teo amin' izy rehetra, *tokana* ny lalàna nifehy azy, *tokana* ny tombontsoan-kilasim-pirenena narovany, ary lalàna *tokana* momba ny fadin-tseranana no narahin' izy rehetra.

Tsy nisy taon-jato iray akory no nanjakan' ny kilasin' ny fiandriankarena; ny hery mpamokatranoforoniny nadritra izany fotoana izany anefa dia sady maro kokoa no goavana kokoa raha mitaha amin' ny fitambaran' izay vitan' ny taranaka rehetra teo alohany. Taon-jato oviana nisy teo aloha moa no nanampo akory fa misy hery mbola eo am-patoriana tahaka ireto lazaina manaraka ireto ao anivon' ny asa ataon' ny mpiara-monina; ny fampanompoana ny hery maro eto amin' ny zavaboahary, ny milina, ny fampiharana ny zava-bitan' ny shimia ao amin' ny industria sy ny fambolena, ny fandehanana amin' ny sambo entin' entona, ny lalam-by, ny telegrafy mandeha amin' ny herim-baratra, ny fanajariana tanibe maro, ny fandaminana ny renirano, mponina marobe toy ny nivoaka tampoka avy tao amin' ny tany.

Toy izao ary no zavatra hitanay: teo ambonin' ny fitao-vam-pamokarana sy fampiasa amin' ny fifanakalozana no niorina ny fiandriankarena. Natao izay hisian' ireny tao anivon' ny fiarahamonina tompomenakely hisy tombo sy

mpanompo. Rehefa tonga tamin' ny ambaratonga iray teo amin' ny fandrosoana ireo fitaovam-pamokarana sy fampiasa amin' ny fifanakalozana ireo dia tonga tsy nifantenana intsony tamin' ny hery mamokatra teo am-piroboroboana tsara iny indrindra ireto lazaina manaraka ireto: ny toe-javatra maro nanaovan' ny fiarahamonina tompomenakely ny raharraham-pamokarana sy fifanakalozana, ny lamina trrainy momba ny fambolena sy ny fanaovan-taozavatra, izany hoe raha fintinina ny filaza azy: ny lalàna trrainy momba ny fizakam-panana. Tsy ny hampandroso ny famokarana no nataon' ireo fa ny hanembatsembana azy. Tonga toy ny rojo avokoa izy ireny. Ny fanamontsanana azy no tokony hatao. Dia nomontsanina tokoa izy.

Ny fahalahahana teo amin' ny fifaninanana no nasolo azy; io indray dia nanana endri-piarahamonina sy politika nifantenana taminy ka tamin' izany dia ny kilasin' ny fiandriankarena no tompom-pahefana fara-tampony teo amin' ny lafiny momba ny toekarena sy ny politika.

Fandehan-javatra mitovy amin' izany no atrehintsika amin' izao fotoana izao. Ny toe-javatra misy ny andriankarena eo amin' ny asam-pamokarana sy fifanakalozana atao, ny lalàna nataon' ny andriankarena momba ny fizakam-pananana, ny fiarahamonina feno andriankarena amin' izao andro ankehitriny izao izay nampisy fitaovam-pamokarana sy fifanakalozana mahery dia mahery, dia azo oharina amin' ny mpanao majiky iray izay tsy mahafehy intsony ny herin' ny afobe nantsoiny. Tato anatin' ny folo taona maro izao, ny tantaran' ny industria sy ny varotra dia tsy inona akory fa ny tantaran' ny fikomiana ataon' ny hery mamokatra amin' izao fotoana izao hanoherany ny rafitra misy ankehitriny eo amin' ny raharraham-pamokarana, hanoherany ny lalàna momba ny fizakam-pananana satria ireo moa no miantoka ny fisian' ny fiandriankarena sy ny fahazoany mifehy ny rehetra. Ampy angamba ny filazana etoana ny fisian' ny fahasahiranana ara-barora niverimberina ara-potoana izay nampitombo hatrany ny loza mitatao teo amin' ny fiainan' ny fiarahamonina feno andriankarena. Isaky ny misy fahasahiranana ara-toekarena dia tsy ny ankabeazan' ny vokatra efa azo ihany no potika fa voa toy izany koa ny ampahany betsaka tamin' ny hery mamokatra efa tafajoro. Dia tao koa ny valan' aretina namely ny fiarahamonina; raha tamin' ny vanim-potoana hafa no nisian' izany dia ho sarotra ihany angamba. Tsy inona io valan' aretina io fa ny

fahatongavan' ny zava-bokatra ho diso be loatra. Tsy ahoantsy ahoana teo ny fiarhamonina dia toa tafaverina tamin' ny toeatra naha-baribarianina indray nandritra ny fotoana fohy. Mova tsy toy ny nisy mosary na ady feno fandringana na nitranga ka nisakana azy tsy hahazo izay ilainy hahavelona azy. Toy ny fongotra sy tsy misy intsony ny indostria sy ny vokatra. Inona no antony? Satria be loatra ny fandrosoana nilomanosan' ny fiarhamonina, tafahoatra ny ilaina ny zavatra teo am-pelatanany hahavelona azy; be loatra ny indostria, be loatra ny varotra. Tsy nanampy firy intsony ny andriankarena hahazoany mizaka fananana ireny hery mamokatra teo am-pelatanany ireny. Ny nifanohitra tamin' izany aza no nitranga satria tonga diso nahery loatra ireny hery ireny teo anoloan' io toe-javatra nisakantsakana azy io. Isaky ny resin' ny herim-bahoaka mamokatra io fankantsakanana io dia manao korontana ambony korontana ambany ny fiarhamonina manontolo feno andriankarena; ny fahazoan' ny andriankarena mizaka fananana mihitsy koa aza no tonga tandindomin-doza. Tonga tery dia tery ny fitondran' ny andriankarena ka tsy ampy intsony hasiana ny harena rehetra voaangon-dry zareo. Ka inona no ataon' ny fiandriankarena hiadiana amin' ireny fahasahiranana ireny. Amin' ny andaniny aloha dia amin-kery no anamontsanany ny ankabeazan' ny hery mamokatra. Amin' ny ankilany kosa dia ataony izay hahazoana tsena vaovao; trandrahany tanteraka koa ny tsena efa nisy hatry ny elai. Ka inona no naterak' izany? Avy amin' izany no nanomana ny fahasahiranana maro mahavoa kokoa ny rehetra sy mahatahotra kokoa ary nahafahany nampihena ny fahazoamisoroka ireny zavatra ireny.

Eto, dia mifototra amin' ny fiandriankarena ihany ny fiadiana nampiasainy fahiny hanafoanana ny andro nisy menakely sy tompomenakely.

Tsy vitan' ny hoe nanamboatra ny fiadiana hamonoany ny tenany ihany ny fiandriankarena fa mbola izy koa no nampisy olona hampiasa ireny fiadiana ireny; tsy iza ireo fa ny mpiasa amin' izao andro ankehitriny izao: *ny mpitrongy vao homana*.

Arakaraka ny fitombon' ny fiandriankarena – izany hoe ny renivola amam-pitaovana – no nitomboan' ny mpitrongy vao homana dia ny kilasin' ny mpiasa teraky ny andro ankehitriny izay manankina ny fahavelomany amin' ny fahitana asa; tsy mahita izany anefa izy ireo raha tsy ampi-

tomboin' ny asa aloha ny renivola amam-pitaovana. Tonga toy ny entam-barotra ireny mpiasa ireny satria isan' andro vaky izy dia voatery hivarotra ny tenany; toy ireny zavatra fivarotra ireny izy. Noho izany izy ireny dia tantazan' ny fiovaovana rehetra ateraky ny fifaninanana mbamin' ny fivadibadiky ny tsena.

Noho ny fihanaky ny fampiasana milina sy ny fitsinjara-na ny raharaha araka ny karazany avy dia tsy hita intsony teo amin' ny raharaha atao' ny mpiasa ny toetoetra mitory fizakan-tena nananany; noho izany dia tsy nisy nitiavana azy firy intsony io raharaha io. Ny mpamokatra dia tonga ambinambiny fotsiny amin' ny milina ka asa tsotra tokoa faran' izay dridralava sy mora hay haingana sisa nasaina nataony. Noho izany dia zavatra tsy betsaka intsony sisa noeritreretina momba ny ho enti-manana mpiasa iray: ny fanefàna izay vola hahavelona azy sy tsy hahalany taminga-na azy. Hita anefa fa ny saran' ny asa\* toy ny an' ny entam-barotra rehetra ihany, dia mifandanja amin' ny yola lany tamin' ny fanamboarana azy. Noho izany arakaraka ny maha-mampaharikoriko ny asa no mahakely ny karaman' ny mpanao azy. Fa mihoatra lavitra noho izany: nitombo niaraka tamin' ny fihanaky ny milina sy ny fitsinjarazarana ara-karazany ny asa ny habetsaky ny asa atao; ny nahatonga izany dia ny fitombon' ny ora iasana na ny fitombon' ny asa vitaina ao anatin' ny fe-potoana voatondro na ny fanafainganana ny fandehan' ny milina, sns.

Ny indostria ankehitriny no nanova ny trano fiasana kely notanan' ny mpiasa tånama za-draharaha sy anti-panahy, ho tonga orinasa lehibe tantanin' ny tremalahy arabolà sy fitaovana mpanao indostria. Natao fitondra miaramila ny vahoaka sesehena niasa nifanitsa-kitro tao amin' ny orinasa. Miaramila tsotra teo amin' ny indostria izy ireny ka manamboninahitra ambany sy manamboninahitra maro nifanao ambaratongany feno no napetraka hanao andry maso azy. Tsy ny kilasin' ny fiandriankarena sy ny Fanjakana entin' ny fiandriankarena ihany no nanandeve azy ireny fa nanandeve azy isan' andro sy isan' ora koa ny milina, ny mpiasa nifehy sy nanoro azy, indrindra ange fa ny tenan' ilay andriankarena tompon' ny orinasa. Araka-

\* Tamin' ny soratra nataony taty aoriania dia novan' i Marx sy Engels, ny fiteny manao hoe «hasarobidin' ny asa» sy «vidin' ny asa» ka nataony hoe «hasarobidin' ny herin' ny asa» sy «vidin' ny herin' ny asa» fa marina kokoa ireo. I Marx no nampidittra izany. — Red.

raka ny ampibaribarian-dry zareo mpanao didy jadona tahaka izany fa tsy nikendry afa-tsy ny fahazoana tombom-barotra izy no nahatonga azy ireny ho tsy mendrika, maharikoriko, mampisafoaka.

Tsy nilaina firy ny hakingana sy ny hery teo amin' ny fanaovana ny asa. Izao no dikan' izany: arakaraka ny fandrosoan' ny industria vaovao no niantsoana ny vehivavy sy ny ankizy hanao ny asa fanaon' ny lehilahy. Ho an' ny kilasin' ny mpiasa, dia tsy nisy lanjany firy intsony teo amin' ny fiarahamonina ny fanavakahana araka ny taona sy ny maha-lehilahy ary maha-vehivavy. Ny hany nekena fa nisy dia «ny fitaovana maro enti-miasa»; ny vidin' ireny dia miovaova arakaraka ny taona sy ny maha-lehilahy na maha-vehivavy.

Raha vao nety hotsentsefin' ny tompon' ny orinasa iray ny mpiasa ka voaisa ny karamany dia indro koa izy fa sakafon' ny sokajin' andriankarena hafa: ny tompon' ny trano ipetrahany, ny mpivarotra mpaninjara, ny mpam-pisambo-bola mila antoka, sns, sns.

Niara-nifatratra tao amin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana ireo olona rehetra ambany laharana fahiny tao amin' ny ankolafin' ny olona salasalany: mpanao taozavatra madinidinika, mpivarotra sy mpanana loharanombola raisina ara-potoana, mpanao asa tànana sy tantsaha. Ity no antony iray nahatonga izany: tsy afaka hianatra ny fanaon' ny industria vaventy izy satria tsy be vola am-pelatanana; dangy teo am-pifaninanana tamin' ny tremalahy nanan-katao izy. Ity koa no antony faharoa: tsy nisy dikany fa latsaka ambany ny hakingany sy ny teknikany noho ny fision' ny fomba vaovao enti-mamokatra. Izao no vokatr' izany: olona avy tany amin' ny kilasy' rehetra teo amin' ny vahoaka no nitambatra tsikelikely ho kilasin' ny mpitrongy vao homana.

Ambaratonga maro samihafa no nolalovan' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana teo amin' ny fiovaovany. Raha vao teraka izy dia efa nifanandrina sahady tamin' ny fandriankarena.

Tamin' ny voalohany dia mpiasa maromaro tetsy sy tery ihany no nanomboka ny tolona; taorian' izany dia nanao toy izany koa ny mpiasa rehetra tao amin' ny orinasa. Tamin' ny farany dia mba niditra an-tsehatra ny mpiasa iray donakafo tao amin' ny industria iray tao amin' ny tanàna nisy azy, ka nifampitana tamin' ny fiandriankarena

izay nitsentsitra ireny mivantana. Tsy ny fiandriankarena mpamokatra ihany no nodarafany, fa nasiany koa ny fitaovana rehetra enti-mamokatra. Nopotehiny ny entambarotra nohafarana tany amin' ny firenen-kafa fa nifaninanina taminy, nopotehiny ny milina, nodorany ny orinasa; rehefa izany dia niezaka izy hamerina amin' ny alàlan' ny hery ny toerana nisy ny mpanao asa tànana tamin' ny «Moyen Age», kanefa nafoiny.

Hatreo ny mpiasa rehetra dia toy ny vahoaka iray maneka niely patrana eran' ny firenena sy voasamatsamaka be ihany vokatry ny fifaninanana. Raha nifanohantohan-tsy ho lavo aza ny mpiasa noho ny nafitsoky ny daholobe dia tsy mbola izany akory no vokatra nateraky ny firaisansy; vokatry ny nataon' ny fiandriankarena io. Mba hanatratraran-dry zareo ireto ny tanjona manokana nokendreny teo amin' ny lafiny ara-politika dia ny kilasin' ny mpitriongy vao homana no indray nohetsehiny. Mbola teo am-pelatana ny vonjy maika ny fahazoa-mampanao izany. Teo amin' io ambaratonga io, dia tsy ny fahavalon' ny mpitriongy vao homana no nasian' ny mpitriongy vao homana fa ny fahavalon' ny fahavalony. Tsy inona izany fa ny sisa tavela tamin' ny andron' ny fanjakan' andriana feno didy jadona: ry zareo be tany na be trano, ny andriankarena tsy nanao industria, ny andriankarena madinika. Araka izany ary dia teo am-pelatanan' ny fiandriankarena ny familiana ny fandehan' ny tantara. Ka raha nisy fandresena azo tamin' izany antonjavatra izany dia fandresena nataon' ny fiandriankarena izany.

Hita anefa fa rehefa mandroso ny industria dia tsy vitan' ny hoe mitombo fotsiny ny isan' ny mpitriongy vao homana fa tonga mivangongo ry zareo ireny. Mitombo ny herin' ny mpitriongy vao homana; mahatsapa izany kokoa ry zareo ireto. Miha-mitovy lanja hatrany ao anatin' ny kilasin' ny mpitriongy vao homana ny tombontsoa tadiavina sy ny toetoetry ny fiaínana; izany no mitranga arakaraka ny fanafoanan' ny milina ny fahasamihafana eo amin' ny asa ato sy ny fanaovana izay hitambotsoran' ny karama ho ambany koa hatraiza hatraiza. Noho ny fifaninan' ny samy andriankarena misimisy kokoa hatrany sy noho ny fahasahirana maro aterak' izany eo amin' ny raharraham-barotra, dia mitsingilahila misimisy kokoa hatrany ny karama. Miha-malia hatrany ny karaman' ny mpiasa noho ny milina miha-tonga lafatra hatrany tao anatin' ny fotoana fohy. Ny

fifandonan' ny mpiasa iray sy ny andriankarena iray dia azo adika misimisy kokoa hatrany ho fifandonan' ny kilasy roa. Mba hiarovana ny tombontsoany dia ny nikambana aloha no nataon' ny mpiasa niady tamin' ny andriankarena. Vatrany mbamin' ny namorona fikambanana maro mba haha vonona azy lalandava amin' ny fikomiana raha misy nilàna izany. Tetsy sy tery dia nivadika ho fikomiana ny tolona.

Indraindray dia ny mpiasa no nandresy. Tsy naharitra ela akory anefa izany fandresena izany. Tsy dia ny fahazoam-pahombiazana eo no ho eo akory no tena vokatra nateraky ny tolona nataony, fa ny firaissanka tsy nitsahanitombo teo amin' ny mpiasa. Nanamora ny fisian' izany fivondronana izany ny fitombon' ny fitaovana momba ny fitaterana sy fampifandraisana; indostria vaventy no namorona ireny. Noho ireny no nahazoan' ny mpiasa nitoetra tany amin' ny tanàna samy hafa nifampikasokasoka sy nifandray. Hita anefa fa ny fifandraisana tahaka ireny fotsiny dia ampy hanakambanana ny tolona marobe teo an-toerana; nanana endrika nitoviana mantsy hatraiza hatraiza ireny tolona ireny; ny niafarany dia tonga tolom-pirenena sy tolon-kilasy izy ireny. Rehefa mety ho adin-kilasy anefa dia ady politika; ary ny firaissana tsy vitan' ny andriankarena tamin' ny «Moyen Age» raha tsy taon-jato maro tamin' ny alàlan' ny lalan-kely nisy tamin' izany fotoana izany, dia vitan' ny mpitrongy vao homana amin' izao andro ankehitriny izao ao anatin' ny taona vitsy noho ny fisian' ny lalam-by.

Lamina nisy ny mpitrongy vao homana ary ny kilasy ka inona moa izany fa tsy antoko politika. Raha lava indray anefa io lamina io noho ny fifaninanana naharevo ny mpiasa teo amin' izy samy izy. Nefa dia teraka indray hatrany izy. Ary niha-matanjaka sy niha-matotra ary niha-nahery hatrany. Nohararaotiny ny adilahy nampisara-tsaina ny samy andriankarena hanerena an-dry zareo ireo hanao izay hisian' ny lalàna mandidy azy hanaiky ny fananan' ny kilasin' ny mpiasa tombontsoa sasany. Ohatra: Ny volavalan-dalàna momba ny adim-pamantaranandro folo any Angletera.

Amin' ny ankapobeny ny fifandonana nitranga teo amin' ny fiarahamonina trrainy dia nanamora ny fandrosoan' ny kilasin' ny mpiasa, na nanao ahoana na nanao ahoana endrik' izany. Niaina tao anatin' ny rivotry ny ady

tsy nisy farany ny fiandriankarena. Nifanandrina tamin-dry zareo avo razana aloha izy; rehefa izany dia nifampitana taminy koa ny ampahany vitsivitsy tamin' ny fiandriankarena izay nahatsapa fa nifamono ny tombontsoany sy ny fandrosoan' ny indostria; ary farany dia mbola tsy nifampitsitsy koa izy sy ny fiandriankarena nisy tany amin' ny firenen-kafa. Noho ireny tolona rehetra ireny dia voatery hila fanampiana sy fanohanana tamin' ny mpitrongy vao homana rehetra izy. Tahaka izany no nitarihany an-dry zareo ireto hirotsaka amin' ny fihetsiketsehana politika. Ny vokatr' izany dia izao: nifindran' ny toeatra sasany nanabeazana ny fiandriankarena ny mpitrongy vao homana; ireny ihany anefa no zary fiadiana hamelezana azy avy eo.

Fa ambonin' izany: araka ny efa hitantsika teo dia voakipily hankao amin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana ny ampahany maro teo amin' ny 'kilasin' ny mpifehy noho ny fandrosoan' ny indostria; na tsy izany, fa farafaharatsiny dia notandindomin-doza izy irény teo amin' ny fisiany. Ireny olona ireny koa no nahazoan' ny mpitrongy vao homana ny zavatra marobe nisy asany teo amin' ny fanabeazana.

Tamin' ny farany, rehefa mby hipaika ny ora iankinan-java-dehibe, noho ny adin-kilasy, dia niova ka tonga nahery vaika sy mazana ny fahatanterahan' ny fahasimban' ny kilasin' ny mpifehy, izany hoe: ny fiarahamonina nisy hatry ny elabe iray manontolo, hany ka nisy ampahany kely tamin' ny kilasin ny mpifehy, niendaka ka nanatevin-daharana ny kilasin' ny revolisionera, izany hoe, ny kilasy tompon' ny andro ho avy. Fahiny dia nivadika nanaraka ny fiandriankarena ny andriana sasany; dia tahaka izany koa; ankehitriny dia miendaka ka manatevin-daharana ny mpitrongy vao homana rehetra ny sasany amin' ny andriankarena; ny voatondro indrindra amin' izany dia ny sasany amin' ny andriankarena mpitana ideolojia ambony fisainana ka nahatakatra ny lamin-kevitra momba ny ankapoben' ny fizotry ny tantaram-pirenena.

Amin' ny kilasy rehetra manohitra ny fiandriankarena amin' izao fotoana izao dia ny fitambaran' ny mpitrongy vao homana irery ihany no kilasy tena revolisionera. Mitsipozipozy sy niara-maty tamin' ny indostria vaventy ny kilasy hafa rehetra. Hafa noho izany ny kilasin' ny mpitrongy vao homana fa ireo teo ireo, marina, no tena nampisy azy.

Samy niady tamin' ny fiandriankarena avokoa ny tao amin' ny ankolafin' olona salasalany: ny mpanao zavatra na mpanefy voasokajy ho madinika, ny mpaninjara, ny mpanao asa tànana, ny tantsaha. Ny nahatonga izany dia satria nifofo ny ain' ny ankolafin' olona salasalany nisy andry zareo ireo ny fiandriankarena. Tsy revolisionera izany fa mpifikitra amin' ny fanao teo aloha ry zareo ireo. Ny mihatra noho izany aza: mpanohariana izy. Niezaka izy hampivadika ny fihodin' ny kodiaran' ny Tantara. Raha revolisionera izy dia arakaraka ny maha efa antomotra ny fotoana handalovany ao amin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana no nisian' izany. Eo dia ny tombontsoany amin' ny andro ho avy no arovany fa tsy ny tombontsoany amin' izao fotoana izao. Nilaozany ny fomba fijery amin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana.

Ny «*Lumpenproletariat*»\* dia ireo mpanaraka ny onjany nateraky ny fahalovan' ny fara-vodilafika nisy tao amin' ny fiarhamonina trrainy. Mety ho hita etsy sy ery izy rehefa indaosin' ny fihetsehan' ny revolisiona ataon' ny mpitrongy vao homana hanaraka azy. Na izany aza dia manamora ny fetezany ho tambazan' ny mpanoha-riana ny fari-piainana misy azy.

Ny anto-pisian' ny fiarhamonina trrainy dia efa niaradevona tamin' ny anto-pisian' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana. Tsy manana na inona na inona ny mpitrongy vao homana. Ny fifandraisany amin' ny vady aman-janany dia tsy misy itoviany amin' ny fifandraisan' ny mpianakavy ao amin' ny andriankarena. Ireto no nanaisotra teo amin' ny mpitrongy vao homana ny toetoetra tokony hananan' ny olom-pirenena: ny asa atao ao amin' ny industria vaovao, ny faneken' ny mpiasa ho andevozin' ny revinola amampitaovana na tany Angletera, na tany Frantsa, na tany Amerika, na tany Alemaina. Aminy, na ny lalàna, na ny fitsipipitondran-tena, na ny fivavahana, dia tombatombana avo-

\* Ny «*Lumpenproletariat*» dia nalaina avy tamin' ny teny alema hoe «*Lumpen*» izay vorodamba no dikany; ny tondroiny dia ireo olona efa nidin-daharana: ny jiolahimboto, ny mpangataka, ny mpangalatra, sns.

Tsy azo anankinana tolona politika efa voalamina ny «*Lumpenproletariat*». Miovaova toe-tsaina amampanahy sy manana firehana hanao zavatra ry zareo ao kanefa amin' izany dia ity no heviny: «izay alehany alehany». Io no ahazoan' ny fiandriankarena mampiasa an-dry zareo ireo hisolo azy hanimba fitotokana, hiditra ho anisan' ny andian-jiolahy mpamono sokajin' olona fofoina, sns. — Red.

koa ataon' ny fiandriankarena entiny manafina ny tombontsoa tadiaviny.

Ny kilasy rehetra nisy taloha ka nahazo ny fahefana dia samy nanandrana hanamafy ny toerany tamin' ny alàlan' ny fanerena ny mpiara-monina hanaraka ny fepetra heveriny fa ho afaka hiantoka ny fahazoany tombontsoa, ho azy manokana. Tsy afaka hifehy ny hery mamokatra eo amin' ny fiarhamonina ny mpitrongy vao homana raha tsy foana ny aloha ny fomba fanaony amin' izao fotoana izao raha misy zavatra tiany ho azo; hofoanany koa noho izany ny fomba rehetra fampiasa mandraka androany raha misy zavatra tian-ko azo. Tsy manam-pananana na kely aza harovana ny mpitrongy vao homana; ny horavàny dia ny zava-drehetra ataon' ny isan-tokantrano ho kitro hifaharna, ny zava-drehetra teo aloha nahazoan' ny isan-tokantra-no nandry fehizay.

Hatramin' izao ny fihetsiketsehana rehetra nisy teo amin' ny tantaram-pirenena dia nataon' ny olona vitsy an' isa na ho an' ny tombontsoan' ny vitsy an' isa. Ny fihetsiketsehana ataon' ny mpitrongy vao homana dia fihetsiketsehana tonga ho azy ataon' ny vahoaka maro an' isa tokoa ho an' ny tombontsoan' ny vahoaka maro an' isa tokoa. Ao amin' ny vodilafiky ny fiarhamonina misy ankehitriny no misy ny mpitrongy vao homana ka tsy ho afa-mitraka sy mijoro izy raha tsy apoakany hianjera any ny fanamboniny manontolo izay tsy inona fa ny fiarhamonina araka izay nanaovan' ny Fanjakana azy.

Rehefa tena dinihina, na dia tsy nanana endrika ara-pirenena aza ny tolona nataon' ny mpitrongy vao homana hanoherany ny fiandriankarena dia hita kosa na izany aza fa nanahatahaka an' izany ihany izy. Mazava ho azy fa ny adidy voalohany indrindra niandry ny mpitrongy vao homana any amin' ny firenena tsirairay avy dia ny fanaovana izay hahafoana ny fiandriankarena eo amin' ny taniny.

Nasehonay tamin' ny ankabobeny ny dingana samihafa nataon' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana teo amin' ny fitarany; ny nataonay tamin' izany anefa dia tsy inona fa ny fitantaràna ny ady an-trano somary efa nikotrika ihany mahazo ny fiarhamonina amin' izao fotoana izao ambarapipoaky ny ady sy fiovan' izany ho revolisiona miharihary ka anorenan' ny mpitrongy vao homana ny fifehezany, amin' ny alàlan' ny fanonganana ny fiandriankarena amin' ny fomba mahery vaika.

Hitantsika fa ny fiarahamonina rehetra nisy, tany aloha tany, dia samy niorina teo ambonin' ny fifanoheran' ny kilasin' ny mpitsentsitra sy ny kilasin' ny tsentsefina. Raha misy te-hampijaly kilasy anankiray dia ataony fara-fahartsiny izay tsy maintsy hananan' izany kilasy izany izay ilainy hahavelona azy ao anatin' ny fanompoana. Teo amin' ny laharana sy toerana nisy azy dia azon' ny menakely natao ny ho anisan' ny Kômina; toy izany koa ny andriankarena madinika teo ambany ziogan' ny fitondrana tomponenakely feno didy jadona ka nisy tombo sy mpanompo: mba nisandratra koa ka tonga andriankarena ry zareo. Tsy tahaka izany mihitsy ny mpiasa amin' izao androm-pandrosoana izao: tsy mba nisondrotra mihitsy nanaraka ny fandrosoan' ny indostria izy fa nitambotsotra kokoa indray aza, ka fari-piainana ambany noho ny an' ny kilasiny no nifatrarany. Tonga mahutra ny mpiasa; haingana noho ny fitombon' ny isam-bahoaka sy ny harena ny fihanaky ny fahantrana. Hita miharihary ary fa tsy afaka hijanona ho kilasy mifehy sy manana anjara raharaha mifanandrify amin' izany, intsony, ny fiandriankarena; tsy afaka hibaiko intsony ny fiarahamonina izy ka hanao hoe: «tahaka izao sy izao no tsy maintsy ho fomba fiainana ao amin' ny kilasinareo, fa izany no fitsipika enti-mampifanaraka ny zavadrhetra». Tsy afa-manjaka intsony izy satria tsy afa-miantoka ny fahaveloman' ny andevony intsony izy eo amin' ny toerana maha andevo ny andevo; satria koa voatery hijery ny andevo hifotetaka izy, ary rehefa izany dia izy indray no mameleona ny andevo fa tsy ny andevo no mameleona azy. Tsy afa-mivelona eo ambany fanapahan' ny fiandriankarena intsony ny fiarahamonina; izao no dikan' izany: tsy afaka hifanindran-dàlana intsony ny fisian' ny fiandriankarena sy ny an' ny fiarahamonina.

Ny zavatra voalohany indrindra takian' ny fisian' ny fanapahan' ny kilasin' ny fiandriankarena dia ny fampivangoana ny harena eo am-pelatanan' ny olon-tsotra na iza na iza sy ny famoronana ary fampitomboana ny renivola amam-pitaovana. Ny fisian' ny renivola amam-pitaovana dia miankina amin' ny olona maro hokaramaina. Ny fifaninan' ny samy mpiasa no hany iankinan' ny fisian' ny mpiasa maro karamaina. Fiasana tsy manam-pidiny sy tsy manampandavana eo am-pelatanan' ny fandrosoan' ny indostria, ny fiandriankarena: nifaninana ny mpiasa satria efa nitokantokana rahateo; fiombonana revolisionera notanterahi-

na tamin' ny fidirana amin' ny fikambanana iray no nasolon' ny fandrosoan' ny industria izany. Hita ary, araka izany, fa ny fandrosoan' ny industria vaventy no mandrava sahady ny toerana nanorenan' ny fiandriankarena ny rafitra nam-piasainy hamokarana sy hahazoan-javatra. Alohan' ny zav-drehetra dia ny ho mpandevina azy ihany no nataon' ny fiandriankarena izay hisiany. Samy tsy azo sorohina fa tsy maintsy miseho ny fianjeran' ny fiandriankarena sy ny fandresen' ny mpitrongy vao homana rehetra.

## NY MPITRONGY VAO HOMANA SY NY KOMINISTA

Ahoana ny fihetsiky ny Kominista eo anoloan' ny mpitrongy vao homana rehetra?

Tsy antoko miavaka sy mitsipaka ny antoko hafa rehetra aorian' ny mpiasa akory ny kominista.

Tsy misy tombontsoa mampisaraka azy sy ny mpitrongy vao homana rehetra.

Tsy manorina foto-kevitra manokana kendreny hamolavolana ny fihetsiketsehan' ny mpiasa akory izy.

Zavatra roa ihany no mampiavaka ny kominista amin' ny antoko hafa rehetra misy ny mpiasa: 1<sup>o</sup> Eo amin' ny tolona samihafa·ataon' ny mpitrongy vao homana ao amin' ny firenena dia ataony loha-laharana sy arovany ny tombontsoa iraisan' ny mpitrongy vao homana rehetra noho ny tombontsoam-pirenena manokana. 2<sup>o</sup> Eo amin' ny dingana samihafa lalovan' ny tolona ifanaovan' ny mpitrongy vao homana sy ny fiandriankarena, dia ny tombontsoan' ny tolona atao no banjininy hatrany amin' ny endrin'y ankapobeny.

Eo amin' ny lafiny ara-pampiharana ary dia tsy inona ny kominista fa ny ampahany sahy sy tapa-kevitra indrina amin' ny antokon' ny mpiasa misy eran-tany; mandrika ny ampahany sisa rehetra io ampahany io. Eo amin' ny lafiny ara-damin-kevitra dia ity no tombony ananany amin' ny ampahany sisa amin' ny mpitrongy vao homana rehetra: fantany mazava tsara ny antonantony mampisy ny fihetsiketsehan' ny mpitrongy vao homana, ny fandehan' izany sy ny zavatra kendreny amin' ny ankapobeny.

Ny zavatra voalohany indrina tian' ny kominista ho azo dia mitovy amin' ny an' ny antokon' ny mpiasa rehetra: fampidirana ny mpitrongy vao homana ho ao anatin' ny kilasy iray, fanaovana izay hidabohan' ny fanapahan' ny

fiandriankarena, fandraisan' ny mpitrongy vao homana ny fahefana politika amin' ny alalan' ny tolona.

Ny famolavolana ny lamin-kevitra arahin' ny kominista dia tsy miorina velively eo ambonin' ny hevitra na foto-kevitra noforonina na hitan-dRanona na Ranona te hanao fanovana eto amin' izao tontolo izao.

Ireny lamin-kevitra voavolavola ireny dia tsy hafa fa fanehoana amin' ny ankapobeny ny fepetra maro sy tena misy mikasika ny tolona atrehina ifanaovan' ny samy kilasy; izy ireny koa no maneho ny fihetsiketsehana manan-tantara mitranga eo imasontsika. Tsy ny fanafoanana ny tsy fitoviam-pananana hita hatramin' izao akory no toetoetra anankiray mampiavaka ny kominisma.

Ny lalana momba ny fizakam-pananana dia nasiana fanoloana tsy tapaka sy fanovana tsy misy farany voarakitra an-tantara.

Ohatra: Nofoanan' ny Revolisiona Frantsay ny fizakam-pananana ara-tompomenakely ka ny fizakam-pananana nibahanan' ny andriankarena no nasolony azy.

Tsy ny fanafoanana ny fizakam-pananana amin' ny ankapobeny no mampiavaka ny kominisma fa ny fanafoana ny fizakam-pananana nibahanan' ny andriankarena.

Ity anefa: ny fizakam-pananana amin' izao fotoana izao, ny fizakam-pananana ibahanan' ny andriankarena no farany indrindra sy tonga lafatra indrindra amin' ny fomba fisehoan' ny fomba ataon' ny olona raha hamokatra sy haka zavatra ho an' ny tenany izy; io fomba io dia miorina amin' ny fifanheran' ny kilasy, amin' ny fifampsentsefan' ny olona.

Raha izany ary, dia ato amin' ity tsangan-kevitra tokana ity no ahazoan' ny Kominista mamintina ny lamin-kevitra tanany: «Foano ny fananana zakain' ny tsirairay».

Nomen-tsiny izahay kominista satria te hanafoana ny fananana zavatra novidina sy an' ny tena manokana, azon' ny tsirairay ho tamin' ny asa nataony; nolazaina izany fananan-javatra izany fa fototra iorenan' ny fahafahana rehetra mbamin' ny fanaovan-javatra rehetra sy ny fahaleovantena rehetra eo amin' ny isam-batan' olona.

Ny fananan-javatra ho an' ny tena manokana, vokatry ny asa sy ny fahamendrehan' ny tena! Moa ve ny tiankolazaina amin' izany irony endri-pananan-javatra nisy talohan' ny niforanon' ny fananan' ny andriankarena irony izany hoe ny fananan' ny andriankarena madinika mbamin' ny tantsaha madinika? Tsy hitanay akory izay tokony

hanafoanana azy; efa nanafoana sy tsy mitsaha-manafoana azy isan' andro ny fandrosoan' ny indostria.

Sa kosa ny tian-kolazaina dia irony fananan' ny olona araka ny hita ankehitriny irony, izany hoe ny fananan' ny andriankarena?

Kanefa: moa ve ny asan' ny mpiasa karamaina, ny asa ataon' ny mpitrongy vao homana mba mampahazo fananana ny mpanao azy? Tsia dia tsia. Io asa io no miteraka ny renivola amam-pitaovana izany hoe ny fananana izay entimitsensitra ny asa ataon' ny mpiasa karamaina; io anefa tsy mitombo raha tsy ampitomboina koa ny asa ataon' ny mpiasa karamaina; ary izany no atao dia ny hanaovana azy indray ho fitsentsefana. Amin' izao endriny ankehitriny izao dia eo anelanelan' ireto tendro roa mifangarika ireto no ivezivezen' ny fizakam-pananana: ny renivola amam-pitaovana sy ny asa. Aoka hodinihintsika ireo tendro roa mifangarika ireo.

Mpangorom-bola amam-pitaovana ny olona raha tsy vitan' ny hoe manan-toerana ho an' ny tenany manokana ihany fa manana ny toerana ara-piarahamonina ho azy koa eo amin' ny raharahan-pamokarana. Ny renivola amam-pitaovana dia zavatra ateraky ny fiarahan' ny olona maro: tsy azo atao ny fanetsehana azy raha tsy ny asa ataon' ny olona marobe no mampisy izany; ary rehefa vita avokoa aza ny fanatsikerakerana dia hita fa tsy mihetsika izy io raha tsy noho ny fisian' ny asa ataon' ny olon-drehetra, izany hoe ny fiarahamonina manontolo.

Hita ary fa tsy hery mivoaka avy amin' olon-tokana akory ny renivola amam-pitaovana; hery ateraky ny fiarahamonina izy.

Koa raha izany no izy: raha tongavina ho fananana iombonan' ny olon-drehetra miara-monina ny renivola amam-pitaovana, dia tsy fananan' olon-tokana akory no novana ho tonga fananan' ny besinimaro. Ny toetoetra ara-piarahamonina ananan' ny fananana ihany no niova. Tsy eo aminy intsony ny toetoetra maha an' ny kilasy azy.

Dia tonga eo amin' ny asa ataon' ny mpikarama isika.

Ny salam-bidin' ny asa ataon' ny mpiasa karamaina no karama farany ambany indrindra; ka inona anefa io fa tsy ny fitambaran' ny zava-drehetra ilaina hitsinjovana hatrany ny fahaveloman' ny mpiasa karamaina amin' ny maha mpikarama azy. Noho izany, ny zavatra azon' ny mpiasa karamaina ho tambin' ny asa nataony dia zara raha ampy

hamerenana indray ny fiaianany amin' ny endriny tsotra indrindra. Tsy misy fanirianay na kely aza hanafoana io fahazoan' ny isam-batan' olona io ny takalon' ny asa nataony; ilaina tokoa mantsy io, amin' ny famerenana indray ny fiaianana ho an' ny ampitso. Io fahazoan-javatra io dia hita tokoa fa tsy hahazoan-tombony misongadina na kely aza ho enti-manam-pahefana amin' ny asa ataon' ny hafa. Ity no tadiavinay: ny fanafoanana io fomba mampahonena enti-mahazo zavatra io satria io ihany no mahatonga ny mpiasa tsy ho velona afa-tsy ho an' ny fampitomboana ny renivola amam-pitaovana sy tsy ho velona raha tsy ny tom-bontsoan' ny kilasy mifehy no mitady izany.

Eo amin-dry zareo andriankarena ny asa misy fahavelomany dia tsy inona fa fitaovana enti-mampitombo ny fivozeziky ny asa. Eo amin' ny fiarahanonina kominista ny asa mivozezika dia tsy inona akory fa fomba iray enti-mampivelatra, mampanankarena sy maha tsara tarehy ny fiaimpiainan' ny mpiasa.

Eo amin' ny fiarahanonina misy an-dry zareo andriankarena dia ny lasa ary no mifehy ny ankehitriny; amin' ny fiarahanonina kominista ny ankehitriny no mifehy ny lasa. Ao amin' ny fiarahanonina misy an-dry zareo andriankarena dia sady mahaleotena no misy olona iray, tompony ny renivola amam-pitaovana; fa ny vata-tenan' olona miasa kosa amin' izany sady tsy manana fahaleovantena no tsy manana ny maha-izy azy.

Ny fanafoanana ny toe-javatra tahaka izany no kororohan' ny fiandriankarena satria heveriny ho fanafoanana ny endrika iray maha-olona ny olona sy ny fahafahana! Ary amin' ny rariny izany. Satria tokoa mantsy inona marina moa no tena foanana fa tsy ny toetra iavahan' ny andriankarena, ny fahaleovantenany ary ny fahafahany.

Raha ny hoe fahafahana no tenenina amin' izao fandehan-javatra misy ankehitriny izao ka anaovan' ny andriankarena ny famokarana, dia izao no dikany: fahalahana eo amin' ny varotra, fahalahana eo amin' ny fividianana sy ny fivarotana.

Fa raha tsy misy intsony ny varotra dia manjavona koa ny varotra atao malalaka. Na izany aza, ireo teny mireondreona be rehetra momba ny fahalahana' ny varotra, ary koa ireo habasiam-bava rehetra ataon' ny fiandriankarena eto amintsika, an-kalahhana, dia tsy misy dikany raha tsy hatao izay hifangarihany amin' ny varotra miara-voafingana

tamin' ny andriankarena tamin' ny «Moyen Age»; tsy misy dikany ireo na kely aza raha ireto no lazaina: fanafoanana' ny famokarana ary ny fiandriankarena mihitsy koa aza.

Mihorona ny hodidohanao satria ataonay izay haharava ny fahazoan' ny isam-batan' olona mizaka fananana. Ao amin' ny fiarhamonina misy anao ankehitriny anefa dia efa foana ny fizakam-pananana eo amin' ny sivy ampahafolon' ny mponina. Hita miharihary fa ny tsy fisian' izany eo amin' ireo sivy ampahafolon' ny mponina ireo, no iaikenao ny fisiany. Ka homenao tsiny ve izahay noho izahay manao izay hahafoana ny endri-pizakam-pananana iray izay tsy hijoro mihitsy raha tsy ny vahoaka sesehena maro an' isa angaha no ambakaina tsy avela hizaka fananana.

Raha atao indraim-bava ny filaza azy dia izao: omenao tsiny izahay fa te hanafoana ny fanananao. Marina tokoa fa izay indrindra no tadiavinay.

Hataonao antso avo sy hambaranao fa foana tsy misy intsony ny maha-isam-batan' olona raha vao tsy azonao atao intsony ny manova ny asa ho tonga renivola amam-pitaovana, ho tonga lelavola, trano na tany mampidi-bola arapotoana ho an' ny tompony, raha tsorina dia ho tonga fahefana azon' olon-tokana ahorona ho eo am-pelatanany samirery eo amin' ny fiarhamonina, izany hoe raha vao tsy afaka hivadika ho fananan' andriankarena intsony ny fananan' ny isam-batan' olona.

Dia miaiky ary ianao fa ny andriankarena, ny olona manam-pananana no irifanao holazaina raha mba miteny ny momba ny isam-batan' olona ianao. Ekena ary fa tokony hofoanana io isam-batan' olona io.

Tsy mba ny kominisma mihitsy no hanaisotra eo am-pelatanan' ny olona ny fahefana ahazoany maka ny zavabokatra eo amin' ny fiarhamonina; ny hany esoriny dia ny fahazoa-mampanompo ny asan' ny sasany avy amin' ny alàlan' io fahazoa-manan-javatra io.

Misy koa nanohitra ka nilaza fa tsy hanao na inona na inona intsony ny olona raha foanana ny fahazoan' ny tsirairay mizaka fananana, iry hanenika an' izao tontolo izao ny hakamoana.

Raha tahaka izany tokoa no fandehany dia efa hatry ny ela ry zareo andriankarena rehetra no nataon' ny hakamoana dangy satria ao amin' ny fiarhamonina misy an-dry zareo dia ny miasa no tsy mahazo tambin-kasararana fa ny tsy mitatatra tsy mivoly farihy no mahazo. Voafintina amin'

ireto teny ireto avokoa ny fanoherana atao amin' ny teny maro averimberina nefà poakaty ny androatokony: «Raha vao tsy misy hono ny renivola amam-pitaovana dia veloma hatreо ny karama».

Ny fiampangana nahazo ny firenena kominista teo amin' ny sehatry ny famokarana sy fahazoana vokatra azo jerena sy tsapain-tànana dia natao koa hamelezana ny famokarana sy fahazoa-manan-javatra eo amin' ny sehatry ny asa saina. Eo amin' ny andriankarena izany dia tahaka izao koa: raha foana ny fahazoan' ny kilasy mizaka fananana dia tapitra hatreо koa rehefa mety ho famokarana; dia tahaka izany koa: raha tsy misy intsony ny kolon-tsaina ho an' ny kilasy dia midika izany fa foana tanteraka koa rehefa mety ho kolon-tsaina.

Ho an' ny ankabeazam-bahoaka, ny kolon-tsaina tsy foin' ny andriankarena dia tsy inona fa famolahana ny olo-na hahatonga azy ho toy ny milina.

Tsy ilaina akory ny mila vaniny aty aminay raha ny hampiharana ny filamatra anananareo andriankarena momba ny fahafahana, kolon-tsaina, ny zo, sns, no ao an-tsaina-reo raha vao tenenina ny hoe «fanafoanana ny fananana zakain' ny andriankarena». Na ny hevitrareo aza dia tsy avy aiza fa nateraky ny fitondrana nankinina tamin' ny fandriankarena teo amin' ny lafiny momba ny famokarana sy fizakam-pananana; tsy misy ivoasana amin' izany ny momba ny zonareo. Fa inona moa io fa tsy ny sitrapon' ny kilasinareo, voatsangana ho lalàna, dia ny sitraponareo izay ny fepetra maro hita maso momba ny fisiana sy fainan' ny kilasinareo, no mamenno azy.

Ikendrena tombontsoa ny fomba fijerinareo ka manesika anareo hanao ny zavatra azonareo avy amin' ny famokarana sy ny fizakam-pananana ho toy ny lalàna mitoetra mandrakizay eo amin' ny zava-boahary sy ny saina mahalala 'ny rariny sy ny hitsiny. Indaosin' ny fandehan' ny famokarana anefa ka tsy ho hita intsony ireo tombontsoa miserana ihany raisinareo ireo. Ny kilasy hafa rehetra teo amin' ny fitondrana kanefa efa fongotra ankehitriny dia nitovy fihetra taminareo tsara. Ny zava-natao tamin' ny fizakam-pananana tamin' ny fahagolan-tany sy tamin' ny andron' ny tompomenakely dia tsy ekenareo intsony raha atao amin' ny fananana zakain' ny andriankarena.

Ary ny fanafoanana ny fianakaviana! Tena tafintohina amin' io fikasana mamohehatra kobonin' ny kominista io na

ireo olona te hanova tanteraka ny endri-pitondrana aza.

Amin' izao fotoana izao dia eo ambonin' ny fototra inona moa no iorenan' ny fianakaviana eo amin' ny andriankarena? Eo ambonin' ny renivola amam-pitaovana sy ny tombony ho an' ny tena manokana. Ho an' ny fiandriankarena ihany ny fisian' ny fianakaviana eo amin' ny fahafenoany rehetra. Ity anefa no hevitra azo tsoahina avy amin' izany: ny tsy maintsy hanafoanana ny fianakavian' ny mpitrongy vao homana sy ny fanosihosena ny vahoaka.

Ara-dalàna loatra raha miara-devona ny fianakavian' ny andriankarena sy ny zavatra napoitrany. Hanjavona teo izy roroa ireo raha voafongotra ny renivola amam-pitaovana.

Omenareo tsiny ve izahay raha mitady hanafoana ny fitsentsefan' ny ray aman-dreny ny zanany? Ibabohanay io heloka bevava iray loha io.

Hoy koa ianareo: «Simbanay ny fifandraisana manokana sy am-po satria ny fanabeazana ankinina amin' ny fiarahamonina no asolonay ny fanabeazana ankinina amin' ny fianakaviana».

Moa tsy ny fiarahamonina koa no namariparitra ny endriky ny fanabeazana nitaizana anareo? Ny namariparitra izany dia ny toe-javatra maro misy eo amin' ny fiarahamonina itaizanareo ny zanakareo sy ny fitsabatsabahana mivantana na tsy mivantana ataon' ny fiarahamonina amin' ny alàlan' ny sekoly, sns? Tsy ny kominista akory no mamorona ny fiasan' ny fiarahamonina eo amin' ny fanabeazana. Ny manova ny toetoetrany fotsiny no ataony; ongotany ny fanabeazana mba tsy ho voataonan' ny kilasin' ny mpifehy.

Ny teny mireondreona sy mamelively fanaon' ny andriankarena, momba ny fianakaviana sy ny fanabeazana, ny kofehim-pifankatiavana mampiray ny ankizy amin' ny ray amam-dreniny dia manjary miha-mankaloiloy hatrany arakaka ny anapotehan' ny industria vaventy ny fifamatoran' ny mpianakavy eo amin' ny mpiasa madinika sy anaovany ny ankizy ho tonga entam-barotra tsotra sy fitaovana tsotra enti-miasa.

Dia indro ny fiandriankarena iray manalàka miredona manao hoe: «Io indray ianareo kominista fa mitady hampiditra ny vehivavy ao anatin' ity fiombonambe ity! »

Amin' ny andriankarena dia inona moa ny vadiny fa tsy fitaovana fotsiny enti-mamokatra. Ny tena tiany holazaina dia izao: «Aoka hiarohana ny fampiasana ny fitaovana enti-mamokatra»; dia mazava fa hoy ny famaranany azy:

«Aoka mihitsy ny vehivavy hiara-mitondra amin' ny olona ny vokatr' ity fampitoviana tantana sy fampivondronana ny ambanilanitra ity».

Tsy nohevitreveriny akory fa ny tena kendrena dia tsy hafa fa ny tsy famelana ny vehivavy hanao ny raharaha fanaony amin' izao fotoana izao: fitaovana tsotra ilaina amin' ny famokarana!

Tsy misy mahatsikaiky rahateo mihoatra 'noho ny fahitanan fankahalana maneno toe-po sy fanahy tonga ho azy ao an-tsain' ireto andriankarenantsika ireto eo anoloan' ny abobo ilazana fa eken' ny Fanjakana mihitsy ny fiombonam-behivavy satria foto-kevitra andrianin' ny kominista hono izany. Tsy ilain' ny kominista ny fampidirana izany hoe «fiombonam-bady» izany; zava-nisy saiky tsy tapaka mihitsy io.

Ireo andriankarenantsika ireo dia tsy afa-pon' ny manarampo amin' ny vadin' ny mpitrongy vao homana sy ny zanany vavy, fa mankasitraka izaitsizy ny fifangalaram-bady eo amin' izy samy izy; ny fijangajangana efa hitam-poko hitam-pirenena amin' izany tsy lazaina intsony.

Raha ny marina dia ao amin' ny fanambadian-dry zareo andriankarena no tena misy fiombonam-bady. Fara-fahabetsahany dia angamba ho azon' ny sasany atao ihany ny hiampanga ny kominista ho mitady hametraka fiombonana tsy misy olakolaka amin' ny fomba ofisialy ho solon' ny firaism-bady sarontsaronana. Na izany aza dia mazava fa raha foana izao fomba famokarana ataon' ny fitondrana ankehitriny izao dia hiara-fongana amin' izany koa ny firaism-bady aterak' izany. Ka inona moa izany fa tsy ny fivaratana-tena hitam-poko hitam-pirenena na tsy hitam-poko tsy hitam-pirenena.

Fa ambonin' izany dia ampangaina koa ny kominista fa mitady hanafoana ny maha-tanindrazana ny tanindrazana sy ny zo maha-olom-pirenena ny tena.

Tsy manan-tanindrazana ny mpiasa. Ka moa azo rombahina eny aminy ve ny zavatra tsy ananany akory? Ny imasoan' ny mpitrongy vao homana rehetra voalohany indrindra dia ny haka an-keriny ny fahefana politika, ny hitsangana ho kilasy mpitondra eo amin' ny firenena, sy ny hahatonga ny tenany ho firenena. Eo dia mbola an' ny firenena izy; tsy araka ny hevitra omen' ny fiandriankarena azy ny hevitri ireo teny ireo eto.

Efa hita sahady izao fa mihafoana hatrany ny marika

maro mamaritra ny firenena sy ny fifandrafesan' ny samy firenena vokatry ny fitaran' ny fiandriankarena, ny fahalalahan' ny varotra, ny tsena eran-tany, ny fitovian' ny zavatra vokarin' ny industria sy ny fombafomba fiainana aterak' izany.

Ny mpitrongy vao homana rehetra no vao mainka hanifoana ireo rehefa tonga eo amin' ny fitondrana izy. Ny zavatra anankiray anisan' ny voalohany miantoka ny fahazoany mizaka tena, dia ny fanaovan' izy ireo soroka miaramilanja sy tongotra miara-mamindra eo amin' izay rehetra ataony fara-faharatsiny any amin' ny firenena efa mandroso.

Foano ny fitsentsefan' ny olona ny olona tahaka azy dia ho voafongotraeo ny fitsentsefan' ny firenena iray ny firenena tahaka azy.

Amin' ny andro tsy hisian' ny fifandrafesan' ny samy kilasy ao anatin' ny firenena no hahafongotra koa ny fifamelezan' ny samy firenena.

Fa tsy mendrika hohalalinina kosa ny fandinihana ireo fiampangana ankabopeny atao amin' ny Kominisma eo amin' ny lafiny momba ny fivavahana, ny filôzofia ary ny ideolojia.

Moa ve ilaina ny fananana fahiratan-tsaina goavana izay vao hahalala fa ny hevitra sy ny fahafantaran' ny olona, izany hoe raha tsorina: ny eritreriny, dia miova miaraka amin' ny fiovana mitranga eo amin' ny fiaimpianany, ny olona ifaneraserany sy ny endriky ny fisiany eo amin' ny fiarhamonina?

Moa ve tsy ity no hita mazava ao amin' ny tantaran' ny hevitra: miova miaraka amin' ny zava-bokatra azo tsapaintanana sy jerena ny zava-bokarin' ny mpanao asa saina? Ny hevitra madonda mifehy ao anatin' ny vanim-potoana iray dia hita hatrany hatrany fa hevity ny kilasy mifehy.

Raha misy milaza fa ny hevitra izao sy izatsy no nampisy fiovana tanteraka teo amin' ny fiarhamonina manontolo dia izao fotsiny no tiany hambara: «Misy singan-javatra maro mahaforona fiarhamonina vaovao indreo fa maka toerana ao anivon' ny fiarhamonina trrainy; ary koa: « Mifandran-dàlana hatrany ny faharavan' ny hevitra trrainy sy ny faharavan' ny fiaimpianana nisy teo aloha».

Resin' ny fivavahana kristiana ny fivavahana trrainy rehefa teo am-pikororosena ny firenena trrainy. Tamin' ny taon-jato faha-XVIII dia resy tosika teo anatrehan' ny hevitra miraika mankamin' ny fandrosoana ny hevitra noto-

hanan' ny kristiana; teo indrindra ny endriky ny fiarahamonna  
nina tompomenakely no niatrika ny ady farany nanoherany  
ny fiandriankarena izay noheverina fa revolisionera tamin'  
izany. Ny hevitra naely momba ny fahalalahana eo amin' ny  
fieritreretana sy ny finoana, momba ny fahafahan' ny tsirai-  
ray mino izay tiany hinoana dia vao mainka nampahazo  
laka ny fahalalahana' ny fifaninanana teo amin' ny sehatry  
ny fahaizana amam-pahalalana.

«Hisy angamba hiteny ka hanao hoe: Niova endrika  
nandritra ny fotoana niveleran' ny tantarany: ny hevitra  
momba ny fivavahana, ny fitsipi-pitondrantena, ny filôzo-  
fia, ny politika, ny lalâna, sns. Na nisy tokoa aza izany  
fiovana endrika izany dia teo hatrany kosa ny fivavahana,  
ny fitsipi-pitondrantena, ny filôzofia, ny politika, ny La-  
lâna.

Fa mbola nisy koa ny zava-marina mandrakizay toy ny  
fahafahana, ny rariny, sns, izay niombonan' ny endri-  
pitondrana rehetra nisy teo amin' ny fiarahamonina. Ny  
kominisma anefa dia manaoana ny zava-marina tsy manam-  
piovana; tsy ny manome endri-baovao ny fivavahana sy ny  
fitsipi-pitondrantena no ataony fa ny manaoana azy ireo;  
ary izany dia mifanipaka amin' ny fivelarana ara-tantara  
efa nisy teo aloha.»

Ka inona no azo hanaovana io fiampangana io? Mandra-  
ka androany dia feno fifandrafesan' ny samy kilasy ny  
tantaran' ny fiarahamonina rehetra. Samy hafa ny endrika  
nentin' ireny fifandrafiana ireny arakaraka ny vanim-potoa-  
na nisehoany.

Na nanao ahoana anefa na nanao ahoana endrika nise-  
hoan' ireny fifandrafesana ireny dia hita hatrany teo amin'  
ny taon-jato rehetra nifandimby izao zavatra izao: misy  
ampahany eo amin' ny fiarahamonina manambaka ny am-  
pahany iray hafa koa. Tsy tokony hahagaga raha ao anatin'  
ny endrika sasany ikambanany no ihetsehan' ny fisainan'  
ny mpiara-monina, mandritra ny taon-jato rehetra, na eo  
dia eo tokoa aza ny fikarazanana sy fahasamihafana hita eo  
aminy; raha tsy foana tanteraka ny fifandrafian' ny samy  
kilasy dia tsy ho levona tanteraka akory ireny endrika ikam-  
banana ireny.

Ny revolisiona kominista dia ny fanafoanana tanteraka  
ny fifandraisany amin' ny fizakam-pananana araka ny en-  
driny nentim-paharazana. Tsy misy tokony hahagaga raha  
tangaraniny tanteraka, mandritra ny fotoana ipariahany, ny

fifandraisany amin' ny hevi-drehetra nenti-paharazana.

Fa aoka hapetratsika eo ireo teny fanoherana ataon' ny fiandriankarena amin' ny kominisma.

Efa hitantsika tetsy ambony fa ny fanaovana izay hahatonga ny mpitrongy vao homana ho kilasy tompon' ny fifehezana no dingana voalohany ataon' ny mpiasa manao revolisiona ary ny fikatsahana ny famahoahana.

Ny maha-masi-mandidy azy eo amin' ny politika no hampiasain' ny mpitrongy vao homana rehetra hakany tsikelikely amin-kery eny am-pelatanan' ny fiandriankarena ny renivola amam-pitaovana sy hanangonany ny fitaovana rehetra enti-mamokatra ary hanomezany izany ny Fanjakana izay tsy inona fa ny mpitrongy vao homana rehetra nitambatra ho kilasy sy tompon' ny fifehezana; izany koa no hataony hampitomboana haingana ny isan' ny hery afamamokatra.

Mazava loatra fa tsy ho azo atao izany, eo am-piandohana raha tsy dikaina amin' ny kabary tsy valiana ny zo hizaka fananana sy ny fomba famokarana ataon' ny andrianakarena; izany hoe: hisy fepetra maro horaisina; mety tsy ho ampy sy tsy azo tohanana ny fahitana ireny eo amin' ny lafiny momba ny toekarena, kanefa kosa hitombo ho azy eny an-dàlana eny ireo ka ho tonga fitaovana tena ilaina mihitsy hanaovana ambony ambany ny fomba famokarana manontolo.

Marina fa tena tsy hitovy mihitsy ireny fepetra ireny any amin' ny firenen-tsamihafa.

Na izany aza, dia azo atao matetitetika ihany any amin' ny firenena maro efa tena mandroso ny fampiharana ireto fepetra manaraka ireto:

1. Fanalana amin' ny tompony ny trano sy tany, ary fampiasana ny vola mpiditra arã-potoana avy amin' ny trano sy tany, handoavana ny vola lanin' ny Fanjakana.

2. Fampandoavana hetra mifanaraka amin' ny fidiram-bola têna misondro-miakatra hatrany.

3. Fanafoanana ny famelana lova.

4. Fandraisana an-kery ny fananan' ny olona nifindra fonenana nankany amin' ny firenen-kafa sy nikomy.

5. Filazana fa ny Fanjakana irery ihany no hany mahazo mampisambo-bola; banky iray an' ny firenena no hanatantera ka izany. An' ny Fanjakana ny renivola amam-pitaovana hampiasaina ao. Io banky io irery no hany banana fahefana hanao ny varotra nankinina aminy.

6. Fandraisan' ny Fanjakana ny fitaoval-pitaterana rehetra ho eo am-pelatanany.

7. Fanamaroana ny isan' ny trano fanaovan-taozavatra sy ny fitaovana enti-mamokatra, samy miankina mivantana amin' ny firenena; fanombohana manajary ny tany lava volo sy fanatsarana ny tany efa misy voly, misy planina ankabony arahina amin' izany.

8. Didina hiasa ny olon-drehetra; atsangana ny tafika ho an' ny industria, indrindra ange fa ho an' ny raharaha-pambolena.

9. Fampiarahana hatrany ny asa tany sy ny asa momba ny industria; fandraisana fepetra maro ka ny kendrena amin' izany dia ny hanalana tsikelikely ny zava-mampiavaka ny tanan-dehibe sy ny eny ambanivohitra.

10. Ny Fanjakana no hiandraikitra ny fanabeazana hatao maimaimpoana ho an' ny ankizy rehetra. Hofoanana ny fampiasana ankizy any amin' ny orinasa mpanao famokarana; zava-panao mantsy amin' izao fotoana izao ny mampiasa ankizy. Hampiarahina ny fanabeazana sy ny famokarana zavatra mivaingana azo jerena sy tsapaina, sns.

Rehefa tsy misy intsony ny fifandrafesan' ny samy kilasy, eny am-pandrosoana eny ka voatolotra manontolo ny olona maro tafavondrona ny raharaha rehetra momba ny famokarana, dia foana miaraka amin' izay ny endrika politika ananan' ny fahefam-panjakana. Araka ny tena fandehany: ny fahefana voalamin' ny kilasy iray hampijaliana kilasy iray hafa koa. Raha voatery tsy maintsy hiforona ho kilasy iray ny mpitrongy vao homana rehetra, eo am-panao vany ny tolona handresena ny fiandriankarena, raha tonga kilasy mpifehy izy eo am-panao vany revolisiona, ary potehiny amin' ny alalan' ny hery eo amin' izany maha-kilasy mpifehy azy izany, ny fomba natao teo aloha hamokarana dia potehiny miaraka amin' io fomba famokarana io koa ny fepetra rehetra mampisy fifandrafesana eo amin' ny samy kilasy; ny kilasy rehetra amin' ny ankaboney no potehiny ary amin' izay indrindra koa dia voapotiny ny maha-kilasy mpifehy ny tenany.

Tsy eo intsony ilay fiarahamonina feno andriankarena, nisy teo aloha; tsy eo intsony koa ny fifandrafian' ny samy kilasy tandra vadin-koditra tamin' izany. Fikambanana iray no indro mipoitra hisolo izany; ao dia ny fahazoan' ny isam-batan' olona mivelatra malalaka no miantoka ny fahazoan' ny daholobe mivelatra an-kalalahana.

## NY HAISORATRA SOSIALISTA SY KOMINISTA

### 1. Ny sosialisma mpanohariana

#### a) Ny sosialisma tamin' ny fotoan' ny tompomenakely

Noho ny toerana nisy azy ireo teo amin' ny tantaram-pirenena dia tao voatarika mora foana hanao lahatsoratra manesoeso sy mamelively ny fiarahanonina feno andrian-karena ry zareo Anglisy sy Frantsay avo razana. Tamin' ny revolisiona frantsay tamin' ny 1830 sy tamin' ny fihetse-hana nanehoan' ny Anglisy ny fanohanany ny fanavaozam-pitondrana\* dia mbola voa mafy dia mafy indray koa ry zareo avo razana voalaza teo noho ny nafitsok' io mpanara-raotra ny toe-javatra io ka nankahalainy. Amin-dry zareo dia tsy tolona politika mitombina intsony no tazany fa zavatra hafa mihitsy. Ny tolona tamin' ny alàlan' ny haisoratra no hany sisa azony natao. Hita anefa fa na ny lahapahitra tranainy fanao tamin' ny Tsingerimanjaka (Restorasiona)\*\*aza dia tonga tsy azo natao. Izao no nataon' ny fiavorazana mba hahazoany ny fon' ny olona: mody nataony tsy hita ny tombontsoany azy manokana, nafafiny tamin'

\* Ny fihetsiketsehana hanitsiana ny lalàna momba ny fifidianana no lazaina eto; neken' ny Trano Fivorian' ny Lords (Andriambaventy) tamin' ny Jona 1832 ny volavolan-dalàna momba izany. Ny hanafoana ny fahazoan' ny avo razana rehetra mitana samirery ny raharaha momba ny politika no nokendren' iny fihetsiketsehana iny; ry zareo moa dia saiky mpanan-trano aman-tany na ngetroka teo amin' ny raharaha momba ny vola, avokoa. Iny Fanavaozam-pitondrana iny no mampidanadana ny varavarana' ny Antenimieram-pirenena hidiran' ny andriankarena mpanao industria. Voafitaky ny fiandriankarena malala-tsaina ny mpitrongy vao homana rehetra sy ny zandrindrin'y tamin' ny fiandriankarena ka tsy nomena zo momba ny fifidianana kanefa izy ireo indrindra no tena masomboavahany tamin' ny tolona ho an' ny Fanavaozam-pitondrana. — *Red.*

\*\* Tsy ilay Tsingerimanjaka anglisy tamin' ny 1660-1689 akory no lazaina eto fa, ny Tsingerimanjaka frantsay tamin' ny 1814-1830. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona anglisy tamin' ny 1888.*)

izay ny fiampangana hamelezana ny fiandriankarena, nataony fantatra fa izany no nataony dia ny hiarovany ny tombontsoan' ny kilasin' ny mpiasa voatsentsitra. Mbola izy koa, araka izany, no afa-po nandray an-tànana ny fanaovana tononkalo feno fanabokana hamelezana ilay tompon-tsafidy vao tonga teo amin' ny fifehezana; sahiny koa ny niventy ireny tononkalo ireny teo am-poto-tsosin' ny fiandriankarena sy naminany ny zavatra tsy dia tsara loatra hatrangan' ny andro ho avy.

Tahaka izany no nahaterahan' ny sosialisman' ny tomponenakely sy nampifanjevo ny toreo sy ny tebatebaka, ako natopan' ny andro lasa sy fitrena malefaky ny ampitso. Indraindray ny fanakianana manindrotsindrona sy feno hevitra niafina nataony dia nanatrobaka ny fon' ny fiandriankarena; nisy vokany nahatsikaiky hatrany kosa anefa ny tena tsy fahatakarany mihitsy ny fandehan' ny tantara amin' izao andro vaovao izao.

Ny kitapo fitondran' ny mpangataka no narangarangan' ireo lehilahy avo razana ireo ho solon' ny faneva; nataony izany mba hisintonana ny vahoaka hanatona azy; raha vao nanatona tokoa anefa ny vahoaka dia nahatazana ny marik' ampinga maro sy traintainy nandravaka ny lamosin-dry zareo; fahita tamin' ny andro nisy tompomenakely ireny. Vokatr' izany dia niperitaka ny vahoaka sady nikakakaka sy tsy nizara henamaso akory.

Ampahany iray tamin' ny Frantsay mpanaraka ny lazain' ny lalàna sy ny «Angletera Tanora»\* no nanao zavatra taha-

\* Ny «*mpanaraka ny lazain' ny Lalàna*» dia nomba ny Borbona voaongana tamin' ny 1830 fa ry zareo ireto no tao amin' ny tarinjaka (dynastia) mifanaraka amin' ny Lalàna. Io tarinjaka io no toy ny solontenan' ireo nanana tombontsoa maro narovana satria nandova trano sy tany be dia be. Ny tarinjaka teo amin' ny fitondrana dia ry zareo avy tany Orléans izay nanana ny avo razana rehetra mpisahana momba ny raharaha-bola sy ny fiandriankarena, hanohana azy. Ireo rehetra ireo no nifampitana tamin-dry zareo «*mpanaraka ny lazain' ny lalàna*». Ry zareo ireto dia nampiasa matetika ny fanaovana ronono an-tavy teo amin' ny fiarahamoina; nolazainy fa izy no mpiaro ny mpiasa tamin' ny fitsentsefana nafitsoky ny andriankarena.

Tao amin' ny «*Angletera Tanora*» no nivondrona ny anglisy mpanao politika sy mpanoratra avy tao amin' ny antoko mpitana ny fanao hatry ny ela (ny Tôrizy) izay niforona teo am-piandohan' ny taona 40 sy ny manaraka tamin' ny taon-jato faha-XIX. Fanaovana ronono an-tavy no nampiasain' ny olona mpanetsiketsika tao amin' ny «*Angletera Tanora*»; ny nokendreny tamin' izany dia ny fampiasana ny mpiasa tamin' ny tolona handreseny ny fiandriankarena. Ireo

ka izany ka nataon' izao tontolo izao fizaha.

Zavatra tokana ihany no hadinon' ny olona fatra-pitolona ho an' ny fitondran' ny tompomenakely, rehefa nohazavain' izy ireny fa sasanangy samy hafa ny fomba natao fahagola rehefa hamokatra sy ny fomba nampiasain' ny fiandriankarena: Tamin' ny fotoana sy anton-javatra maro hafa dia hafa sy efa nilaozan' ny toetr' andro no nanaovam-pamokaran' ny tompomenakely! Zavatra iray loha ihany no hadinony teo am-panamarihana fa tsy nisy izany mpitrongy vao homana vaovao izany tamin' ny fotoan' ny tompomenakely: tsy avy taiza fa teo amin' ny lamina ara-piarahamonina teo amin-dry zareo ihany no nipoiran' ny fiandriankarena.

Ary zara aza raha mba nafeniny endrika kely ny toe-toetra mamofona mpanoha-riana nampiarahany tamin' ny fanakianana nataony; raha nilaza ny nampalahelo azy tamin' ny fiandriankarena izy dia inona tokoa no nataony fa tsy ny nanazava fa nandritra ny fotoana nisiany dia ny fiandriankarena no niantoka ny fivelaran' ny kilasy iray izay niteraka ny faharavan' ny rafitra trainainy momba ny fiarahamonina.

Vao mainka nofatsaptsahany indray aza ny fiandriankarena noho izy namorona mpitrongy vao homana revolutionera fa tsy noho izy nikotrika ny kilasin' ny mpitrongy vao homana amin' ny ankapobeny.

Izany no nahatonga ny tolona politika handray anjara hatrany tamin' ny sazy feno herisetra rehetra nenti-hamely ny kilasin' ny mpiasa. Ary tamin' ny fiaianany andavan' andro dia nataony ho tsy nampaninona mihitsy na dia teo aza ny lahapahitra nireondreona fanaony, ny nioty ny pao-ma volamena ka nanakalo ny tsy fivadihana sy ny fitiavana ary ny voninahitra tamin' ny varotra volon' ondry sy betiravy fakan-tsiramamy ary laodivia\*.

olona mphetsiketsika ireo no naneho ny hasosoran' ny avo razana mpanan-tany noho ny fitombon' ny herin' ny fiandriankarena teo amin' ny toe karena sy ny politika. — *Red.*

\* Ny tany Alemaina indrindra no voalaza eto; ry zareo avo razana nifototra tamin' ny fambolena sy ry zareo andriana tambanivohitra, tany, dia nitrandraka ny ankabeazan' ny taniny. Azy ihany tamin' izany ny vokatra; olona nampiandraiketina no nanao ny raharaha. Ambonin' izany dia an-dry zareo ireo ny trano maro fanaovan-tsiramamy sy ny industria maro momba ny divay. Mbola tsy tonga tamin' izany toerana izany ny Anglisy avo razana nanankarena indrindra; hain-dry zareo kosa anefa ny. nanao izay hanonerana ny fatian-

Nifampitantana hatrany fahizay ny pretra sy ny tempomenakely; mba nifampitantana tahaka izany koa ny sosialisma tao amin' ny fiangonana sy ny sosialisma tamin' ny andron' ny tempomenakely.

Tsy misy zava-mora noho ny mampitafy sarintsarina sosialisma ny olona milaza azy ho kristiana sy fatra-pifehy tena. Sa ny kristianisma koa aza moa tsy efa nisy fotoana nanoherany ny fananana zakain' ny tsirairay, ny fanambadiana, ny Fanjakana? Moa ve tsy efa nitory izy fa ireo zavatra ireo tokony hosoloana fifankatiavana, fahantrana, fijanonana ho mpitovo, fampijaliam-batana, fihibohana any amin' ny mōnasitera, fanoloran-tena ho an' ny fiangonana irery? Ny sosialisma kristiana dia inona moa fa tsy rano voahasina fotsiny entin' ny pretra mampisy lanjany ny hatezeran-dry zareo avo razana.

### b) Ny sosialisma teo amin' ny andriankarena madinika

Tsy ny kilasin' ny avo razana nisy tamin' ny andron' ny tempomenakely ihany akory no efa nopotehin' ny fiandriankarena; tsy izy io irery no hany kilasy tsy nitsaha-nitsipozipozy sy niha-maty teo amin' ny fiarahamonia feno andriankarena araka ny andro vaovao. Mpialoha lālana ny fiandriankarena teraky ny andro vaovao ny ankolafin' ny tambonivohitra sy ny tantsaha madinika tamin' ny «Moyen Age». Mbola nitsipozipozy hatrany io kilasy io tany amin' ny firenena mbola nirosarosan' ny industria sy ny varotra; teo anilany dia niroborobo fatratra kosa anefa ny fiandriankarena.

Teo amin' ny firenena niharatan' ny fandrosoana vaovao no niforan' ny kilasy vaovao iray nisy ny fiandriankarena madinika izay «tsy Imamo tsy Imerina» teo anelanelan' ny mpitrongy vao homana sy ny fiandriankarena. Vakiny anankiray nahafeno ny fiarahamonia nibahanan' ny andriankarena izy ka tsy nitsaha-niarina sy nijoro. Izao anefa no nitranga vokatry ny fifaninanana: voakodia hatrany hianjera any amin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana ny olona tao anatiny. Ary ity koa aza no nanampy trotraka:

toka nateraky ny fitotongan' ny vola mpiditra ara-potoana. Olona maromaro nitambatra ka niara-nanorina sosaiety tsy dia azo antoka loatra, tamin' izany, no nasainy nisolo tena azy. (*Fanamarihana nataon'i Engels ho an' ny edisiona anglis y tamin' ny 1888.*)

arakaraka ny fitomboana miandalana hita teo amin' ny indostria vaventy no nahatsapany eo amin' izay naha ampahany mizaka tena teo amin' ny fiarahanonina vaovao azy, fa niha-manakaiky ny ora hanjavonany tanteraka, ary amin' izay dia ny varotra, ny fanaovan-taozavatra ary ny fambolena ankinina amin' ny mpanara-maso sy ny mpiasa karamaina no hasolo azy.

Any amin' ny firenena toa an' i Frantsa dia tantsaha avokoa ny an-tsasany mahery amin' ny mponina ka tsy mahagaga raha izao no nataon' ny mpanoratra nomba tanteraka ny kilasin' ny mpitrongy vao homana sy namelively ny fiandriankarena: fomba fijery teo amin' ny andriankarena madinika sy ny tantsaha no nampihariny teo ampanaovana fanakianana mikasika ny fitondrana nibahanan' ny andriankarena; nanohana ny mpisa rahateo izy; toy izany koa ny momba ny andriankarena madinika. Tahaka izany no nahatonga ny fiforanon' ny sosialisma teo amin-dry zareo fiandriankarena madinika. Sismondi\* no filohan' ny haisoratra tahaka izany; tsy Frantsa ihany fa tany Angletera koa.

Notsikerain' ny sosialisma tamim-pahendrena lehibe ny anton-javatra maro manao tandroka miaraka aman-tsofina amin' ny fitondrana manao famokarana mifanaraka amin' ny andro vaovao. Nataony nihanjahanja n'y fiarovana sy fanasohasoana feno fihatsarambelatsihy fanaon' ny mpahay momba ny toeckarena. Nohazavainy tamim-pomba tsy azo valiana ny voka-dratsin' ny fampiasana milina sy ny fitsinjarana asa, ny fampivangongoana renivola amam-pitaovana sy fananan-trano sy tany, ny fampitomboana diso tafahoatra ny zava-bokatra, ny zava-manahirana maro, ny antambo àteraky ny fikororosin' ny andriankarena madinika

\* *Sismondi Jean Charles Léonard (Sismonde de) (1773-1842)* dia tera-tany soisa, mpanoratra tantaram-pirenena sy mpahay momba ny toeckarena; izy no nitsangana ho solontenan' ny sosialisma teo amin' ny andriankarena madinika.

Tamin' ireo fomba sy fanao tranainy i Sismondi no naka filamatra satia tsy fantany ny firehana mankamin' ny fandrosoana hita soritra teo amin' ny famokarana goavana nataon' ny kapitalista. Noheveriny fa nilaina ny nianatra ny fanaon' ny vondrom-piasa mpiray donak' afo nisy fahizay raha ny lafiny momba ny lamina ho an' ny indostria no lazaina; ny momba ny fambolena kosa dia ny natao tamin' ny andro fahagola nitondran' ny zokiolona io raharaha io no tahafina, na dia tsy nifantenana tamin' ny antonantony maro momba ny toeckarena efa nasiam-panovàna aza izany. — Red.

sy ny tantsaha, ny fahantran' ny mpitrongy vao homana, ny famokarana tsy misy kitotony, ny fivandravandran' ny tsy firindran' ny fizaràna ny harena, ny ady ifandringanan' ny samy firenena eo amin' ny sehatry ny industria, na fahasimbana ateraky ny fomba efa lany andro, ny fifandraisana trrainy ifanaovan' ny samy fianakaviana sy ny samy firenena trrainy.

Raha ny tena votoatiny anefa no itarafana azy dia izao no tsapa: izay iray alehany na ny fomba fanao fahizay teo amin' ny famokarana sy fifanakalozana no tian' io sosialisma io marimarina hotanterahina, ary miaraka amin' izany koa ny fitsipika fampiasa fahizay teo amin' ny fizakam-pananana sy ny fiarahamonina fahizay amin' ny endriny manontolo; ary raha tsy izany dia ity no kendreny mafy: fampidirana andrezatra ny fomba vaovao fampiasa eo amin' ny famokarana sy fifanakalozana ao anatin' ny faritra terin' ny fitsipika teo aloha momba ny fizakam-pananana efa nopolohina, ary tsy iza tsy iza anefa no nahavanon-doza nanapotika azy fa ry zareo ihany. Na amin' iry voalohany na amin' ity faharoa no jerena azy dia hita fasyd manoha-riana no misidina tsy azo tanterahina io sosialisma io.

Raha momba ny trano fanaovan-taozavatra: dia fitondrana fanao tamin' ny firaisan' ny mpiasa mpiray donak' afo io; ho an' ny raharaha momba ny fambolena kosa dia tsy inona io fa fitondrana ankinina amin' ny lahy ho filoha. Izay no tena faran' ny azony natao sy lazaina.

Rehefa nahatapitra ny fiovaovana nolalovany io fampiarana iray loha io dia hifotetaka ao anatin' ny fahavoazana kanefa vao omaly no ho omaly no doroky ny fanantanana ny mpomba azy.

#### d) Ny sosialisma alema na ny sosialisma «tena izy»

Teo amin' ny fotoana nanombohan' ny fiandriankarena ny tolona nataony handreseny ny didy jadona fanao tamin' ny andron' ny tompomenakely, no tafiditra tany Alemania ny haisoratra sosialista sy kominista avy tany Frantsa; ny fiandriankarena nifehy tamin' izany fotoana izany no nam-pisy azy io. Io fiandriankarena io no naneho tamin' ny alàlan' ny haisoratra ny fikomiany tamín' ny fifehezana namoretana ny olona.

Nifandrombaka aok' izany tamin' io haisoratra iò na ny

filôzofa tena izy na ny mpamony tavan' andro na ny Alema revo tamin' ny resaka momba ny kolontsaina ranofotsiny. Hadinon-dry zareo ireto anefa fa ny haisoratra frantsay ihany no tafiditra tany Alemania fa tsy mba natao tahaka izany koa ny fombafomba fiainan' ny olona tany Frantsa. Teo anoloan' ny fiaimpainan-dry zareo Alema, dia tena haisoratra fotsiny tokoa io haisoratra io satria tsy azo nam-piharina niaraka tamin' izay teo amin' ny fiaianana andavan' andro. Toy ny tombatombana lavarenay momba ny zavatra mety ho vitan' ny zanak' olombelona sisà nijerena azy. Araka izany, teo amin' ny filôzofa alema tamin' ny taonjato faha-XVIII, teo amin' ny ankabopeny ny fitakiana nataon' ilay Revolisiona frantsay voalohany dia tsy inona akory fa fitakiana fotsiny nasesiky ny «rariny ampiharina»; teo imason-dry zareo dia tsy inona no asehon' ny fanehoantsitrapo aman-tsafidy nataon' ny fiandriankarena revolisionera tany Frantsa, fa fitsipika mifehy ny sitrapo aman-tsafidy madiodio, ny sitrapo aman-tsafidy araka ny tokony ho izy, ny sitrapo aman-tsafidy tena an' ny olombelona tokoa.

Ity no hany raharaha nataon' ny Alema mpiangaly azy teo amin' ny haisoratra : Ny nanao am-pehezan' iray ihany ny hevitra frantsay vaovao sy ny saina filôzofika trrainay nananany; na ity angaha: niainga avy tamin' ny fomba fijery filôzofika efa azy rahateo sady mandramby ny hevitra frantsay.

Tahaka ny atao avy amin' ny nahadikana tenim-pirenenkafa no nataony teo am-pakana ireny zavatra ireny.

Iza moa no tsy mahalala fa nosaronan' ny mpitondra fivavahana angano tsy misy dikany momba ny olo-masina katolika ny asa soratra vita sora-tanana fahita tamin' ny andro fahagola teo amin' ny olona tsy kristiana. Ny nifamadika tamin' izany no nataon' ny Alema mpahay momba ny haisoratra raha ny haisoratra frantsay tsy nisy ifandraisany tamin' ny fivavahana no lazaina. Napetrany teo ambo ny filôzofia tena frantsay ary nasisiny teo ambanin' io ny filôzofia kivantambantana sy vandambandananoforoniny. Ohatra: teo ambanin' ny fanakianana nataon' ny frantsay momba ny fifehezan' ny vola dia ity nosoratany «Fialana amin' ny toetra maha-olombelona; izay indray no napetany teo ambanin' ny fanakianana ataon' ny Frantsay momba ny Fanjakana entin' ny fiandriankarena: «fanafoanana ny fianahan' ny toetra ankabopeny sy mahafaoka be», sns.

Ireto lahapahitra filôzofika ireto no nasolony ny fandrosoana sy fivelarana frantsay: «filôzofian' ny fanaovan-javatra», «sosialisma tena izy», «siansa alema momba ny sosialisma», «ny sosialisma hamarinina amin' ny filôzofia», sns.

Tamin' ny fomba tahaka izany no nanalana tanteraka ny herin' ny haisoratra sosialista sy kominista frantsay. Ary rehefa tonga teo am-pelatanan' ny Alema izy ka tsy nahitana taratra intsony ny tolona nataon' ny kilasy iray handreseny ny kilasy iray hafa, dia nibehaka nilaza zy zareo Alema fa tafasondrotra ambony ka tsy voatanan' ny «haterena frantsay» nilaza koa izy fa afa-niaro ny «filana hahalala ny marina» fa tsy lany andro tamin' ny «tena filana» sy ny tombontsoan' ny mpitrongy vao homana fa afa-nisahana kosa ny tombontsoan' ny zanak' olombelona, ny an' ny olona amin' ny ankabopeny, ny an' ny olona tsy ao anatin' ny kilasy izao na izatsy na ny zava-misy izao na izatsy dia olona tsy afa-maneho ny fisiany afa-tsy ao anivon' ny habakabaka rako-javon' ny fisaintainana filôzofika.

Io sosialisma alema io dia seriny ery nanandrantsandra tra ny fanazaran-tena ataon' ny mpianatra madinika amin' ny fomba mikaviavia; natatatatany ho ren-tany ren-danitra izany varo-draikiraiky izany; nafoiny tsikelikely na izany aza, ny toeatra tsy manan-tsiny sy te hampahfantatra nananany.

Nihamafy ny ady nataon' ny fiandriankarena alema indrinda ange fa ny fiandriankarena prosianina handreseny ny olona mpifikitra tamin' ny fitondrana tompomenakely sy ny fanjakana entim-panjaka tsy refesi-mandidy. Nihamazana raha tsorina ny filaza azy ny ady natrehin' ny olona malala-tsaina.

Tamin' izany no nahazoan' ny «tena» sosialisma nanao ny raharaha nandrandaaina aok' izany ka nampisehoany ny zavatra takian' ny sosialista mba hanoherany ny fihetsehena politika. Azony natao ny namelively mafy toy ny mahazatra ny fahalalan-tsaina, ny fitondrana nifidianana solontena, ny fifaninan' ny andriankarena, ny fahalalahanh' ny fiandriankarena teo amin' ny gazety, ny lalânandry zareo andriankarena, ny fahafahana sy ny fitoviana teo amin' ny andriankarena. Azony natao ny nilaza hatrany tamin' ny valalabemandry fa tsy hahazo tombony kely akory amin' io fihetsehena nataon' ny andriankarena io izy fa ny hamoy ny zava-drehetra aza no hatahorana. Toy ny ako matsatso nateraky ny fanakianana fanaon' ny Fran-

tsay ny sosialisma alema, kanefa tamin' izay indrindra no nanadinoany fa io fanakianana fanaon' ny Frantsay io raha nanombana ny fiarahamonina vaovao feno andriankarena dia tsy nampisaraka izany tamin' ny fombafomba hita maso enti-miaina mifanentana aminy sy ny fisian' ny Lalampanorenana politika mifanandrify; ireo rehetra ireo anefa amin' i Alemania dia zavatra vao hovoriana avokoa satria tsy ananana.

Ho an' ny fitondram-panjakana tsy refesi-mandidy tany Alemania sy ireo andiana pretra, mpahay momba ny fam-pianarana, andriandahy tambanivohitra prosiana ary mpitana biraо nisy tany aminy, dia io sosialisma io no biby fampatahorana niriny mafy ho enti-miseta ny fiandriankarena feno fandrahonana.

Nolaroiny lango malefaky ny fihatsarambelatsihy ny kapo-karavasy sy ny poa-basy nampiasain' ireny fitondram-panjakana ireny hamaliany bontana ny fikomiana nataon' ny mpiasa alema.

Araka izany, raha tonga fiadiana enti-manohitra ny fiandriankarena alema teo am-pelatanan' ny fitondram-panjakana ny «tena» sosialisma, dia mbola izy io ihany koa no nampiseho mivantana ny tombontsoan' ny mpanohariana, ny tombontsoan' ny fiandriankarena madinika tany Alemania. Namela kilasin' ny fiandriankarena madinika ny taon-jato faha-XVI; tamin' ny endrika maro no nisehoan' izy io; tsy maty vonoina izy io fa nipoitra hatrany; io amin' i Alemania no tena fototra iorenan' ny fitondrana misy any, eo amin' ny lafiny ara-piarahamonina.

Ilay lamba manifin' ny kaonty baoritra sy fitsinjovana ny ho avy no nahavitan' ny sosialista Alema akanjo mibofaka, nasiany amborodao misy sarim-boninkazo tamin' ny alàlan' ny fahaiza-mandrindra teny nananany, ary avy eo nataony vonton' ny ando mafanan' ny fihetsehampo; izay

vao natafiny ny taolamainan' ny «marina mandrakizay» notanany. Izany no nahatonga ny entam-barony ho lasan' ny vahoaka mpividy.

Nihanazava kokoa hatrany tamin' ny sosialisma alema koa fa ny tena anjara-raharahany marina dia ny hampiasa ny fahaizany miteny teo amin' ny fisoloana tena an' io fiardriankarena madinika io.

Noheveriny fa ny firenena alema no firenena faka-tahaka, ary ny Alema tsy mahalala zavatra firy akory no lehilahy tokony hotahafina. Io lehilahy be kilema natsangan'ny ho faka-tahaka io dia nomeny dikany mafonja sy miafina, ambony sy sosialista; ny zavatra tena mifanohitra amin' ny tarehin-javatra anefa no naterak' izany. Tsy nianina teo izy fa mbola nandroso ihany ka notoheriny ny fanimbajavatra ataon' ny Kominisma amin' ny fomba misy andrezatra; nataony antso avo koa ny filazana fa izy dia tsy miangatra satria misidina any ambonin' ny adin-kilasy rehetra any. Ny asa sarotra rehetra nihambo ho sosialista na kominista ka naely tany Alemania dia naterak' io Haissoratra\* maloto sy manirikiry io avokoa. Zavatra kely foana no tsy nitovian' izy rehetra ireny.

## 2. Ny sosialisma mpifikitra amin' ny mahazatra teo aloha na an' ny andriankarena

Mba hanamafisan-toerana ny fiarahanonina nibahanan' ny andriankarena dia niezaka ny ampahany iray tamin' ny fiandriankarena hanamboatra ny zavatra tsy netinety rehetra teo amin' ny fiarahanonina.

Tao amin' io sokajy io no nahitana ny manampahaizana momba ny toekarena, ny olona mpanao asa soa, ny manampahaizana momba ny fiarahanonina hahatsara ny fiaimpianan' ny olona tao anatin' ny kilasin' ny mpiasa hampijoro

\* Nofafan' ilay hotakotaka revolusionera tamin' ny 1848 io fampianarana mampahonena io; tamin' izany koa no nahatonga ny mpanaraka io fampianarana io ho tonga liandiana hatrany hirose amin' ny sosialisma. Karl Grün\*\* no solontena talaky maso tao amin' io fampianarana io, ary izy ihany koa no maodely nahalalana ny olona nianatra tao. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisio-na vita amin' ny teny alema tamin' ny 1890.*)

\*\* Karl Grün (1817-1887) dia andriankarena madinika sy mpanao gazety alema. — Red.

ny asa fanasoavana, hiaro ny biby, hamorona fikambanana hampianatra ny fahalalana onony; raha tsorina ny filaza azy «ireo rehetra milaza fa te hanao fanitsiana», kanefa lasan-ko vavany fotsiny mandrakariva. Dia nisy mihitsy aza nahavatra nanamboatra ny sosialisma an' ny fandriankarena tahaka izany hahatonga azy ho tomombana ara-drafitra.

Azontsika tanisaina hatao ohatra ny «Filozofian' ny Fahantrana», nosoratan' i Proudhon.

Ny nilain' ny andriankarena sosialista dia ny fiaimpia-nana tsy misy tolona entin' ny fiarahamonina vaovao sy ny antambo tsy maintsy haterak' izany. Nilainy ny fiarahamonina misy ankehitriny kanefa kosa amin' izany dia efa nalana teo aminy ny andinindinin-javatra mampiova tanteraka na mandevona azy. Fiandriankarena tsy misy mpitrongy vao homana no notadiaviny. Tamin' izay indrindra kosa ny fiandriankarena dia nihevitra fa ny tontolo nibahanany no zavatra soa indrindra eran' izao rehetra izao. Tena nataondry zareo sosialista andriankarena sary raikitra ihany tao an-tsainy izany fihevitreverana misy fampiononana izany. Inona moa fa tsy izao no ataony raha mandidy ny mpitrongy vao homana izy hahafantatra tsara ny rafitra najorony sy hiditra ao amin' ny Jerosalema vaovao: ny hilaza aminy — rehefa halalinina — hianina amin' ny fiarahamonina misy amin' izao fotoana izao kanefa kosa amin' izany dia efa tokony tsy ho hita eo amin-dry zareo ireo intsony ny fiheverana feno fankahalana nisy tao aminy momba izany za-zatra izany.

Mbola nisy koa endrika sosialisma anankiray nanandra-na nitaona ny mpiasa rehetra haloiloy amin' ny fihetsehana revolusionera rehetra. Izy io dia tsy niseho ho sarotsarotiny sy hentitra teo amin' ny fiheverany fa ny lafiny momba ny zavatra azo tanterahina sy hampiharina aza no na ha dodona azy. Nohazavainy tamin' ny mpiasa fa tsy ny fanovàna politika izao na izatsy akory no mety hitondra tombontsoa ho azy mpiasa ireny fa ny fanovàna azo tsapain-tànanata atao amin' ny fiaimpia-nany sy amin' ny lafin' ny fifandraisana ara-toekarena. Mariho fa raha milaza hoe «fanovana azo tsapain-tànanata hatao amin' ny fiaimpia-nana» io sosialisma io dia tsy ny hanafoana velively ny fomba famokarana nataon' ny andriankarena no nimasoany satria tsy ho tanteraka izany raha tsy amin' ny alàlan' ny revolusiona, fa ny hampisy fanamboarana fotsiny ihany teo amin' ny fitan-

tanan-draharaha ka amin' izany dia ny famokarana ataon' ny andriankarena mihitsy no hatao fototra hanombohana; hita vokat' izany fa tsy hampiova na inona na inona eo amin' ny fifandanjan' ny renivola amam-pitaovana sy ny asa karamaina akory ireo fanamboarana ireo fa vao mainkaaza fara-fahabetsany hanamora ny fahazoan' ny fiandriankarena mibaikobaiko sy hampihena ny habetsaky ny tetibolan' ny Fanjakana.

Tsy tonga amin' ny tena endriny ilan-dry zareo azy ny sosialisma ibahanan' ny andriankarena raha tsy efa voaova ho teknika fotsiny amin' ny fahaiza-mandahateny.

Hahasoa ny kilasin' ny mpiasa ny fahalahahana ny varotra ifanaovan' ny samy firenena! Aoka hasiana vola fandoa hiarovana ny kilasin' ny mpiasa! Sokafy ny tranomaizina misy efitra marobe fa misy tombontsoan' ny kilasin' ny mpiasa amin' izany! Tahaka izany ny teny farany nataon' ny sosialisma ibahanan' ny andriankarena, teny hany tsy nanaovany somonga.

Hita taratra mazava mijoro ao anatin' ny fanitrikirihana manao hoe «Ny andriankarena dia andriankarena» tokoa mantsy ny sosialisma ibahanan' ny andriankarena, ho fiarovana ny tombontsoan' ny kilasin' ny mpiasa.

### 3. Ny sosialisma sady mpanakiana no mpanao hevitra manao savoan-danitra tsy azo tanterahina sy ny kominisma

Ny lazaina eto dia tsy irony haisoratra mpitaky zavatra ho an' ny mpitrongy vao homana rehetra akory, tahaka ny fahita amin' ny revolisiona lehibe rehetra amin' izao andro vaovao izao. (Soratra nataon' i Babeuf\*, sns.)

Maty ho azy fa tsy nahomby ny andranandrana mivanta-na nataon' ny mpitrongy vao homana rehetra hanisiana

\* *Babeuf, Gracchus (François Noël no tena anarany) (1760-1797)*, dia revolisionera frantsay, mpanaraka maro mpahalala ny kominisma mpampitovy torosy manohana hevitra manao savoan-danitra sy tsy azo tanterahina; namorona fikambanana mifina izy, ary io dia nanomana fikomiana hampiasana fiadiana. Ny nokendrena tamin' izany dia ny hampisiana fitondrana revolisionera tsy refesi-mandidy mba hiarovana ny tombontsoan' ny valalabemandry manontolo. Sarona ilay fiokoana ka novonoina ho faty tamin' ny 27 Mey 1797 i Babeuf. — Red.

hasiny ny tombontsoan' ny kilasy nisy azy; tamin' ny fotoana nampafanafana ny tany manontolo sy nanonganana ny fiarahamonina tompomenakely no nitrangan' izany. Tsy nahomby – tsy noho ny firaisan' ny mpiasa mbola tao ankananay ihany – fa noho ny tsy fisian' ny antonantony maro mivaingana manamora ny fahazoa-mizaka tena koa; ireny antonantony ireny anefa dia ny fotoana nibahanan' ny andriankarena ihany no miteraka azy. Na tiana na tsy tiana – dia tsy maintsy ho mpanoha-riana ny votoatin' ny haisoratra revolisionera nanaraka ireny fihetsehana voalohany nataon' ny mpitrongy vao homana rehetra ireny. Nodokadokafany ery ny fahaiza-mifehy tena sy fanatsorana tokoa ny fiaianana teo amin' ny olon-drehetra; nodokafany koa ny fampitoviana torosy tsy misy hajany.

Ny tena rafitra sosialista sy kominista, ny rafitra notanan' i Saint-Simon\*, Fourier, Owen, sns, dia nitranga raha vao nanomboka mifamely ny mpitrongy vao homana sy ny fiandriankarena; efa nisy filazana natao momba izany vanim-potoana izany, etsy ambony (jereo «Ny andriankarena sy ny mpitrongy vao homana»).

Fantatry ny mpamorona ireo rafitra ireo tsara ny fifandrafesan' ny samy kilasy mbamin' ny fisian' ny asa afitsoky ny olona sasany mpanimba zavatra tafiditra tao anatin' ny kilasy tafasan dratra ka nifehy teo amin' ny fiarahamonina. Tsikaritry ry zareo kosa anefa fa tsy nanao na inona na ino-

\* *Saint-Simon, Claude Henri* (1760-1825) dia sosialista frantsay mpanohana hevitra misidina sy sarotra tanterahina; namelively ny fitondrana ankinina amin' ny kapitalista izy ka nanolotra soritr' asa milaza fa fiarahamonina miorina amin' ny foto-kevitra momba ny «fiombonana antoko sy andraikitra» no tokony hasolo ny fitondrana ibahanan' ny kapitalista. Nihevitra i Saint-Simon fa tokony hiasa avokoa ny olona ao anatin' izany fiarahamonina vaovao izany; ny anjara-lahasa miandry ny lehilahy, hoy izy, dia tokony hifanentana amin' ny fahombiazana azony avy eo amin' ny asa ataony. Narosony ny hevitra momba ny fampiombonana ny industria sy ny siansy momba ny famokarana manaraka planina sy manana foibe hiantdraikitra azy. Tsy nasian' i Saint-Simon teny kosa anefa ny momba ny fananana zakain' ny tsirairay sy ny zana-bola ateraky ny renivola; tsy nekeny ny fisian' ny tolona politika sy ny revolisiona; tsy takany ny anjara-rahahaha manan-tantara nosahanin' ny mpitrongy vao homana rehetra. Nihevitra izy fa ny fanamboarana natao teo amin' ny fitondram-panjakana sy ny fitaizana ara-tsaina atao amin' ny mpiaramina mifanaraka amin' ny lalan-kevitry ny fivavahana iray vaovao, dia hiafara amin' ny famongorana ny fifangarihan' ny samy kilasy. — Red.

na mendrika ho raketina an-tantara ny mpitrongy vao homana, tsy nanao fihetsehana fantatra fa mba azy manokana, teo amin' ny sehatra politika.

Iaraha-mahalala fa mifanindran-dàlana ny fitaran' ny fifandrafesan' ny samy kilasy sy ny fandrosoan' ny industria: noho izany vao mainka tsy fantany izay tokony hatao hahazoan' ny mpitrongy vao homana mizaka tena, ka indro izy mikaroka siansa momba ny fiarhamonina, lalà-na momba ny fiarhamonina mba hampisy ny antonanton-javatra hanampy azy hahalala izay tokony hatao.

Ny zava-bitan' ny fikarohan' ny sainy no nasolony ny asa aman-draharaoha atao eo amin' ny fiarhamonina; fepetra feno hairtra tra maro no nasolony ny fepetra manan-tantara miantoka ny fahazoan-mizaka tena; lamina momba ny fiarhamonina, namboamboarina avy tamin-javatra maro, noko-nikonenin' izy ireo ihany no nasolony ny lamina misy ambaratongany sy tonga ho azy tao an-tsainy ary nokendreny ho an' ny kilasin' ny mpiasa. Amin' izy ireo dia ny fampielezan-kevitra sy ny fampiharana ny planina voaomany ho an' ny fiarhamonina ihany no enti-mandavorary ny ho avin' izao tontolo izao.

Teo am-panaovana ireny planina ireny anefa izy, dia na-hatsapa fa ny tombontsoan' ny kilasin' ny mpiasa no narovany alohan' ny zava-drehetra satria izy io mantsy no kilasy nijaly indrindra. Aminy dia tsy misy ny kilasin' ny mpitrongy vao homana raha tsy eo amin' ny maha-kilasy mijaly indrindra azy no ijerena azy.

Ny endrika tsotsotra ihany momba ny adin-kilasy mba-min' ny anjara toerana nisy azy ireo teo amin' ny fiarhamonina dia samy nanesika azy hihevitra fa ny tenany dia misidina tena any ambonin' ny fifandrafesan' ny samy kilasy any. Niriny ny hanatsara ny fiaimpianan' ny olona rehetra niara-monina: na ireo nanana tombontsoa be indrindra aza dia anisan' izany. Izany no nahatonga azy hampita antso hatrany tamin' ny mpiara-monina rehetra tsy nisy avakavaka, ny tena nahavantana azy aza tamin' izany dia ny kilasy nisy ny mpifehy rehetra. Hita marina tokoa mantsy, fa ny fahalalana fotsiny ny rafitra najoron' izy ireo dia efa ampy fa io no tsara indrindra amin' ny planina rehetra azo atao ao amin' ny tsara indrindra amin' ny fiarhamonina azo tan-terahina.

Notsipahiny, araka izany, na inona na inona asa misy lokony politika indrindra ange fa revolusionera. Fomba tsy

nisy kalao kalao no nentiny nanatratra ny tanjona noken-dreny; nisy ezaka nataony hanomanana ny fidiran' ny evanjely vaovao momba ny fiarahamonina. Mba hampisy tokoa izany dia nitsangana ho faka-tahaka izy sady nanao fanandramana madinidinika izay mazava ho azy fa tsy nisy nahomby hatrany.

Feno haingitraingitra ny sary mampiseho ny fiarahamonina any aoriana any: hita taratra tsara eo amin' izy io, ny ezaka maro voalohany nanosika ny mpitrongy vao homana azy ireny handeha tsy voizina hiroso ho amin' ny fanovana endrika tanteraka ny fiarahamonina.

Ahitàna zava-doza sasany koa anefa ny asa soratra sosialista sy kominista. Tany amin' ny fakany no nasiandy ny fiarahamonina nisy tamin' izany fotoana izany. Tamin' ny fotoana nilana izany indrindra ary no napomezany kanokanina sarobidy ho enti-manazava ny sain' ny mpiasa. Ny tolo-kevitra maro, azo antoka nomeny ho enti-manorina ny fiarahamonina any aoriana any — fanafoanana ny fifandrafesan' ny ambonivohitra sy ny ambanivohitra, fanafoanana ny fianakaviana mbamin' ny fahazoan' ny tsirairay vola na zavatra ho tamin' izay nataony sy fanafoanana ny asa misy karama, fananganana ny fisian' ny rindra arapiarahamonina ary fanovàna endrika ny Fanjakana hahatonga azy ho fitantanana tsotra ny raharaha-pamokarana — ireny tolo-kevitra rehetra ireny dia vao mainka koa nanambara mialoha ny fahafoanan' ny fifandrafesan' ny samy kilasy. Vao nanambana hiseho io fifandrafesana io tamin' izany ka tsy nisy fantatry ry zareo mpamolavola rafitra momba azy io afà-tsy ny endrika vitsivitsy voalohany, manjavozavo sy tsy mazava be ihany nisehoany. Izany no nahatonga ny hevit' ireny tolo-kevitra ireny ho tena misidina sy tsy azo tanterahina.

Mifanipaka ny halehiben' ny sosialisma sy ny kominisma mpitsikera sy mpanao hevitra misidina sarotra tanterahina sy ny fivoarana ara-tantara. Arakaraka ny fihamafisan' ny adin-kilasy sy ny ananany endrika mazava tsara dia tonga tsy misy lanjany akory eo amin' ny fampiharana azy sy tsy azo hamarinina sy harovana ara-damin-kevitra ireto zavatra ireto: ny fomba fanaony hisidinana an' eriteritra fotsiny any ambonin' io tolona io, sy ny fanoherana an' eriteritra natao tamin' io. Amin' ny lafiny maro dia revolutionera ny olona namolavola ireny rafitra ireny; izany no nahatonga ny mpanaraka azy ho tafangona tao amin' ny

fikambanana diso lâlana sy ho mpanoha-riana mandrakariva; ireo olona mpanaraka azy ireo mantsy dia mikiribiby mitana ny fomba fijery efa lany andro nananan' ireo mpampianatra azy, teo anoloan' ny fivoarana manan-tantara nolalovan' ny mpitrongy vao homana. Ny nokatsahiny ary dia ny hanadombo ny adin-kilasy sy ny hampifanaraka ny mpifandrafy. Araka ny tokony ho izy tsara eto ny fijeriny sy ny fihetsiny. Ny mbola nofinofisiny sy iriny dia ny fantañterahana ny hevi-draviny tsy azo tanterahina eo amin' ny fiarahamonina. Tokony hatao ny fanandramana, hoy izy. Ka inona moa izany fa tsy ny fanokafana falansitera maro mitsitokantokana, famoronana fonenana atao hoe «Home colonies», fananganana Ikaria\* kely, fanontana «in-douze» ny «Jerosalema vaováo» — ny nianteherany tamin' ny fananganana ireo nofinofy ririnina rehetra ireo dia tsy maintsy ny fitiavana sy ny poketran' ny andriankarena tia asa fanasoavana olombelona? Niditra tsikelikely tao amin' ny sokajy nisy ny sosialista mpanoha-riana na ny mpandala ny fanao mahazatra teo aloha, efa nolazalazaina tetsy ambony ry zareo, ary tamin' izany dia tsy nisy nampiavaka azy afa-tsy ny hakevokevohana te hanoro hatrany ny hafa hita teo aminy, sy ny finoanoam-poana nameno tanteraka ny fony sy ny sainy ary nitompoany teny fantatra momba ny fahombiazan' ny fahalalana mahagaga nananany momba ny fiarahamonina.

Notoheriny fatratra ary ny asa rehetra nanana endrika politika nataon' ny kilasin' ny mpiasa; araka ny heviny, ny asa tahaka izany dia tsy inona akory fa vokatry ny tsy finoana an-jamba an' ilay evanjely vaovao.

\* Ny *falansitera* dia anaran' ny fiaraha-monina sosialista araka izay namolavolan' ny sain' i Fourier azy. Nataon' i Cabet hoe *Ikaria* ny anaran' ny tanàna iray nonofisiny, ho azy; taty aoriana dia io anarana io koa no nomeny ny kominista niray tanàna tany Amerika. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny anglisy tamin' ny 1888.*)

«*Home colonies*» (mpiray monina, ao anivon' ny firenena). Io anarana io no nomen' i Owen ny filamatra kominista nampiraisiny monina. Izy no nikarakara azy ireny. Ny falansitera dia rovam-piara-hamonina novolavolain' ny sain' i Fourier. Ikaria no niantsoana ny tany anankiray nonofinofisina kanefa tsy azo tanterahina; i Cabet no nilaza tamin' ny andinidininy ny endriky ny zavatra maro najoron' ny kominista tao. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny alema tamin' ny 1890.*)

Ny mpanaraka an' i Owen, tany Angletera, dia nanohitra ny tchartista\*; ny mpanaraka an' i Fourier, tany Frantsa dia nanohitra ny «mpanao fanavaozana».<sup>\*\*</sup>

\* Ny *Tchartisma* dia fihetsehana revolisionera niarahan' ny mpiasa rehetra nanao tany Angletera; ny nahatonga azy dia ny toejavatra tena nananosarotra teo amin' ny toekarena sy ny didy jadona nisy teo amin' ny politika. Tokony ho tamin' ny 1840 no nanomboka ny fihetsehana; nisy favoriana maro sy filaharambe tokoa natao tamin' izany; nitohy ihany izany, dia nitsitapatapaka àmbara-pahatongan' ny 1850 any ho any. Ireto no tena antony lehibe indrindra nam-pandamoka ny fihetsehana nataon' ny tchartista: tsy nisy mpitanta-na revolisionera mato-tsaina sy nahalala izay tokony hatao; tsy nisy ihany koa soritr' asa voafaritra sy mazava tsara. — *Red.*

\*\* Teny ankolaka ilazana ny mpanohana ny gazety «La Réforme» (natonta tany Paris tamin' ny 1843 ka hatramin' ny 1850). Io gazety io dia nilaza ny mahatsara ny fampijoroana ny Repoblika sy ny fampiharana ny fanavaozana tokony hatao teo amin' ny lafiny momba ny fiarhamonina sy ny lafiny momba ny famahoahana. — *Red.*

## NY FIHETSIKY NY KOMINISTA EO ANOLOAN' NY ANTOKO POLITIKA SAMIHAFA, MPANOHITRA

Araka ny efa nambaranay ao amin' ny Toko faha-II, dia mazava ho azy ny fihetsiky ny kominista eo anoloan' ny antokon' ny mpiasa efa tafajoro; toraka izany koa ny fihetsiny eo anoloan' ny tchartista any Angletera sy ry zareo mpanao fanavaozana momba ny raharraham-pambolena any Amerika avaratra.

Miady ho an' ny tombontsoa sy ny zavatra tian' ny klasin' ny mpiasa eo no ho eo izy; raha manao fihetsiketsehana izy amin' izao fotoana izao dia sady miaro ny ho avin' izany fihetsiketsehana izany no misolo tena azy io koa. Tany Frantsa dia niombona tamin' ny Antoko demokratty sosialista\* ny kominista tamin' ny famelezana ny fiandrian-

\* *Ledru-Rollin*\*\* no solontenan' io Antoko io tao amin' ny Antenimieram-pirenena tamin' izany fotoana izany. I Louis Blanc\*\*\* solontenany teo amin' ny sahan' ny haisoratra teo amin' ny soratra an-gazety isan' andro tao amin' ny «*La Reforme*». Ry zareo ireo no namorona ny anarana hoe demokratty sosialista, ka ny notondroiny tamin' izany dia ilay ampahany efa nandray kely ihany ny sosialisma, tao amin' ny Antoko demokratika na repoblikana. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny anglisy tamin' ny 1888.*)

Ledru-Rollin tany Frantsa no nisolo tena an' ilay natao hoe «Antoko demokratty sosialista», teo amin' ny sehatry ny politika; teo amin' ny haisoratra kosa dia i Louis Blanc. Mifanalavitra be mihitys izany izy sy ny sosiali-demokrasia alema misy amin' izao fotoana izao. (*Fanamarihana nataon' i Engels ho an' ny edisiona amin' ny teny alema tamin' ny 1890.*)

\*\* *Ledru-Rollin, Alexandre Auguste (1807-1874)* dia lehilahy Frantsay sady mpanao gazety no mpanao politika; iray tamin' ny filoha tao amin' ny «demokratty-andriankarena-madinika» izy sady tonian' ny lahatsoratra tao amin' ny gazety «*La Reforme*»; anisan' ny tao amin' ny Fitondram-panjakana vonjy maika izy tamin' ny 1848. — Red.

\*\*\* *Blanc Louis (1811-1882)* dia Frantsay anisan' ny andriankarena madinika; sosialista izy sady mpanoratra tantaram-pirenena, mpitolona tamin'

karena mpifikitra amin' ny fanao nahazatra teo aloha sy liana te hanao fanavaozana lalina koa. Na izany aza dia notanan' ny kominista hatrany ny zony hanao fanakianana raha misy teny reny na hitany sy hevitra manodoka nolovàna tamin' ny fanao hatry ny ela tamin' ny Revolisiona.

Nanohana ny olona te hanao fanavaozana lalina ny kominista, tany Soisa, na dia fantany aza fa olona tsy miray saina akory iretsy notohanany satria ny antsasany taminy dia «demokraty sosialista» araka ny hevitra omena ireo teny ireo any Frantsa; ny antsasany sisa dia andriankarena te hanao fanamboarana lalina.

Ny notohananty ny Kominista tany Polona dia ny Antoko izay nino marimarina fa iankinan' ny fanafahana eran' ny firenena ny Revolisiona momba ny tany sy ny Fambole-na; tsy inona izany fa ny Antoko nanao fikomiana tany Cracovie tamin' ny 1846\*.

Tany Alemaina dia nifanaraka tamin' ny fiandriankarena ny Antoko Kominista; nitolona izy, isaky ny nanao fietsika revolisionera ny fiandriankarena ka namely ny Fanjakana entin' ny mpanjaka tsy refesi-mandidy sy ny fizakana trano aman-tany araka ny fanao fahagola tamin' ny fotoan' ny tompomenakely sy ny fiandriankarena madinika.

Na oviana na oviana kosa anefa dia tsy nataony ambanin-javatra mihitsy ny nampahatsiaro mazava tsara ny mpiasa ny fisian' ny fifandrajesana mivaivay teo amin' ny fiandriankarena sy ny mpitrongy vao homana; ary izany no natao dia ny hahazoan' ny mpiasa alema, rehefa tonga ny fotoana, manova ny toe-javatra ara-politika sy arapiarahamonina niforona tamin' ny fitondran' ny fiandriankarena, ka hahatonga ireny ho fiadiana hamelezana ny fiandriankarena. Amin' izay, raha vao levona ny kilasy mpanohara-iana tany Alemaina dia hatomboka ny famelezana ny fiandriankarena.

Tena tany Alemaina no nitodihan' ny Kominista indrina satria tao ankatorky ny revolisiona nataon' ny andriankarena io tany io, satria tamin' ny fomba vaovao mendrika ny

ny Revolisiona 1848-1849 izy; mpanohana ny fifandraisana amin' ny fiandriankarena izy. — *Red.*

\* Tamin' ny Febroary 1846 no natao ny fiomanana hikomy mba hanafahana ny firenena polone. Ny demokraty revolisionera Polone no lohando hany tamin' ireo nisikim-ponitra hahatanteraka iny fikomiana iny. — *Red.*

sivilizasiona europeana no hamitany izany revolisiona izany; nanao soroka miara-milanja tamin' izany ny mpitrongy vao homana sady maro no nandroso lavitra noho izay nisy tany Angletera sy Frantsa tamin' ny taonjato faha-XVII sy faha-XVIII; ary noho izany antony izany dia tsy hafa ny revolisiona nibahanan' ny andriankarena alema fa ny santatra azo eo no ho eo momba ny revolisiona hataon' ny mpitrongy vao homana rehetra.

Raha atao bango tokana dia izao: any amin' ny firenen-drehetra dia tohanan' ny kominista rehefa mety ho fihetsehana revolisionera manohitra ny lamina ara-piarahamonna sy ara-politika misy any an-toerana.

Ny arangarangan-dry zareo amin' ireny fihetsehana rehetra ireny dia ny resaka momba ny fizakam-pananana na manao ahoana na manao ahoana ny endrik' izany; io no vaindohan-javatra tao anatin' ny fihetsehana.

Farany dia izao: miombona sy mifanaraka amin' ny antoko demokratika any amin' ny firenen-drehetra ny kominista.

Tsy mba ambany saina ny kominista ka hanafinafina ny heviny sy ny zavatra kasainy hatao. Ambarany an-karihary fa tsy ho tratrany ny tanjona kendreny raha tsy amin' ny alàlan' ny fanonganana mahery vaika atao amin' ny lamina ara-piaraha-monina manontolo nisy teo aloha. Aoka ny kilasy eo amin' ny fitondràna hangovitra raha vao misaintsaina fotsiny izany atao hoe Revolisiona kominista! Tsy manan-javatra hafoy amin' izany afa-tsy ny gadrany ny mpitrongy vao homana. Misy tontolo ho azony avy amin' izany.

RY MPITRONGY VAO HOMANA ERAN-TANY,  
MIRAISSA HINA!

**TOVANA**

## FOTOPOTOTRY NY KOMINISMA\*

### I. INONA MOA NY KOMINISMA?

Ny Kominisma dia fampianarana ny antonanton-javatra maro iankinan' ny fanafahana ny mpitrongy vao homana.

### II. INONA MOA NY KILASIN' NY MPITRONGY VAO HOMANA?

Ny mpitrongy vao homana dia kilasy iray ao amin' ny fiarahamonina; ny fivarotana ny asa vitany ihany no miantoka ny ho entiny mivelona fa tsy ny tombony velively azo avy amin' ny fampiasana renivola amam-pitaovana izay manankina ny antonantom-pisiany sy ny fisiany amin' ny fisian' ny olona hampiasaina, izany hoe amin' ny alàlan' ny fifandimbiasan' ny fotoana isian' ny krizy sy ny firobo-roboana eo amin' ny industria, ny fiovan' ny fifaninanana tsy misy farany. Ny mpitrongy vao homana na ny kilasin' ny mpiasa, raha tsorina, dia ny kilasy misy ny mpiasa rehetra amin' izao taon-jato faha-XIX izao.

### III. KA RAHA IZANY NO IZY MOA TSY EFA NISY HATRANY VE NY MPITRONGY VAO HOMANA?

Tsia. Nisy mandrakariva hatrany ny kilasin' ny mahantara sy ny olona miasa, fa saiky nahantara hatrany ny kilasin' ny

\* Ilay bokin' i F. Engels atao hoe «Fotopototry ny kominisma» dia drafitra natao hialoha ny fandaharan' asan' ny Ligin' ny Komunistea. Nankinin' ny Kongresy faha-II nataon' io Ligy io (29 Novambra — 8 Desambra 1847) tamin' i Marx sy Engels ny famolavola-na ny Fandaharan' asany, amin' ny alàlan' ny Fanambarana haseho an-karihary. Raha mbola teo am-panao-vany ny asany momba ny «Famosahankevitra ahariharin' ny Antoko Kominista» ny mpanoratra dia nampiditra tao, ny petra-kevitra sasany efa voavelabelatra tao amin' ny «Fotopototry ny kominisma». — Red.

mpiasa. Fa ny mahantra sy ny mpiasa kosa, niara-belona tamin' ny fomba vao nolazainay teo, izany hoe ny mpitrongy vao homana, dia tsy nitohy tsy tapaka akory ny fisiany; tahaka izany koa ny fifaninanana, izay tsy ary ho nalalaka sy tsy nisy fiatoany hatrany akory.

#### IV. NANAO AHOANA NY FISEHOAN' NY KILASIN' NY MPITRONGY VAO HOMANA?

Tamin' ny fanovana goavana nentin' ny fandrosoan' ny industria izay nischo tany Angletera tao anatin' ny tapany faharoa tamin' ilay taon-jato farany teo no nitranga ny kilasin' ny mpitrongy vao homana; hatramin' izany fotoana izany no mankaty dia niverimberina iny fanovana goavana iny ka hita tany amin' ny firenena maro efa mandroso, ety ambonin' ny tany. Ireto no nahatonga ny fisian' iny fanovana goavana iny: ny nahaforonan' ny olona milina hetsehina etona, ny milina isan-karazany enti-mamoly, ny milina ahodina fampiasa amin' ny fanenomana sy milina maro hafa koa ahodina. Lafo ireny milina ireny ka noho izany dia ny tremalahy ihany no afa-nividy azy; ireny milina ireny no nanova tanteraka ny fomba nampiasaina teo aloha ho enti-mamokatra ka nanakipily ny mpanao asa tànana fahiny. Tsara kokoa sy mora kokoa ny entana vitan' ireny milina ireny noho izay vitan' ny mpanao asa tànana tamin' ny alàlan' ny milina tsotra dia tsotra sy ny fitaovana tsizarizary nampiasainy. Izany no ahalalana ny antony nahatonga ny industria manontolo ho eo am-pelatan' ny tremalahy raha vao nampidirina ny milina; izany koa no nahatonga ny fananana fanaovan-taozavatra madinika (fitaovana, milina famolesana, sns) ho tsy nisy dikany intsony ka vetivety foana dia teo an-tanan' ny kapitalista avokoa ny zavadrhetra fa ny mpiasa kosa nanjary borona tsy nanana na inona na inona. Teo amin' ny industria momba ny fitafiana aloha no nampidirana ny fomba fanaovan-javatra. Raha vao nosantarina tahaka izany ny fanentanana sy fanombohana, dia niperitaka haingana nanenika ny sampana maro tamin' ny industria io fomba fanaovan-javatra io, indrindra ange fa tany amin' ny raharaha momba ny printy, ny vilia sy tavy, ny fanajariana ny vy. Niha-naely tany amin' ny mpiasa samy hafa ny asa, hany ka ny ampanhan' ny asa ihany sisa nataon' ny mpiasa fa tsy ny asa manontolo intsony toy ny

fahiny. Noho io fitsinjarana ny asa io dia vetivety foana dia vita ny zavatra tian-kovokarina, ka tsy mahagaga raha mora ny vidiny. Nihena ny asa nataon' ny mpiasa tsirairay satria fihetsehan-tànana na tongotra tsotra dia tsotra sy mandeha ho azy toy ny milina no sisa nataony; miverimberina hatrany izany ka na ny milina aza dia nahavita tahaka izany koa eny tsara kokoa aza. Latsaka tsirairay tao ambany fanapahan' ny herin' ny milina sy ny industria vaventy avokoa ny sampana rehetra mpanao famokarana: anisan' ireny ny fanenomana sy ny famolesana. Ny vokatr' izany dia izao: nianjera teo am-pelatanan' ny kapitalista vaventy daholo ireny sampana ireny ka tamin' izany no votsorta kosa teny mpiasa ny hany sisa tamin' ny fahaleovantenany. Ambonin' ny tena fanaovan-taozavatra, dia tafiditra tsikelikely tao ambany fanapahan' ny industria vaventy ny industria tsotra ampiasana tànana; ny nahatonga izany dia izao: nanorina trano fiasana lehibe maro ny mpanefoefo raindahiny na teo amin' ny industria vaventy koa aza, tsy nandaniany vola betsaka ny fampandehanana ireny; azo notsinjaraina koa tao ny asa ary voailika tsikelikely ny mpamokatra nanao ho an' ny tenany fa tsy niankina. Izany no ahazoana mamaly ny fanontaniana manao hoe: «Nahoana moa any amin' ny tany efa mandroso no tafakambana ao amin' ny rafitra misy ny industria vaventy avokoa ny ankamaroan' ny sampana mamokatra? Ary nahoana moa no voailiky ny industria vaventy ny famokarana tsotra atao an-tànana sy ny famokaran-taozavatra ao amin' ny sampana rehetra amin' ny industria. Ireo koa no ahafantarana ny nahatonga ny fikororosiana miha-mivandravandra isan' andro nahazo ny kilasy trainainy nisy ny tsy ambany tsy ambony, ny fanaovana asan-tànana, ny fanova tanteraka ny toerana nisy ny mpiasa ary ny fiforanon' ny kilasy vaovao roa izay nitelina miandalana ny sisa rehetra. Tsy iza ireo fa:

1. Ny kilasin' ny kapitalista vaventy izay efa nibodo rahateo ho ary samirery araka izay hita any amin' ny tany mandroso rehetra: ny ilaina rehetra amin' ny fiainana, ny akora sy fitaovana (milina, toerana fanaovan-javatra) ilaina amin' ny famokaran-javatra ilaina amin' ny fiainana. Io no kilasin' ny andriankarena na fiandrian-karena.

2. Ny kilasin' ny olona tsy manana na inona na inona ka voatery hivarotra ny asany amin' ny andriankarena mba

hanomezan' ireo azy ny zavatra ilainy hahavelona azy sy hikojakojany ny fiainany. Io no kilasin' ny mpitrongy vao homana na mpitrongy vao homana.

**V. MANAO AHOANA SY MANAO AHOANA NY  
FANATANTERAHANA IO FIVAROTANA ASA  
ATAON' NY MPITRONGY VAO HOMANA IO AMIN'  
NY ANDRIANKARENA?**

Entam-barotra toy ny entam-barotra rehetra ny asa ka noho izany ny vidiny dia ny lalàna momba ny entam-barotra hafa koa no mametra azy mazava tsara. Raha ny zava-misy ao amin' ny indostria vaventy na ny indostria ahazoa-mifaninana no lazaina — raha aravona dia mifandanja hatrany ny vidin' ny entana iray sy ny tentin' ny vola lany nenti-namokatra izany entam-barotra izany. Mitovy izany fa tsy mifankaiza araka izay mbola ho hitantsika. Mitovy koa izany ny vidin' ny asa sy ny tentim-bidin' ny lany nampisiana ny asa. Hita miharihary anefa fa tsy hibaribary ny lany tamin' ny fampisiana ny asa hamokarana raha tsy fantatra koa ny habetsaky ny fomba mahavelona nilain' ny mpiasa hahazoany manohy hatrany ny asa sy tsy hahafaty ny kilasin' ny mpiasa. Amin' io hevitra io dia tsy hahazo ho tambin' ny asany ny mpiasa raha tsy hoe angaha ny fara-fahakeliny ilaina hanatrarany io tanjona io. Ny tambin' ny asa ary na ny karama, dia ny fara-fahakeliny ilaina hitazonana ny fahaveloman' ny aina. Koa satria mbetika tsara mbetika ratsy ny fandehan' ny raharaha, dia mbetika koa ho betsaka mbetika ho kely ny ho azon' ny mpiasa; tahaka izany koa ny mpamokatra entana fa indraindray hahazo be izy indraindray hahazo kely ho takalon' ny entany. Raha aravona ny isan' ny fahatsarana sy ny faharatsian' ny tsena dia tsy hiova ny vola ho azon' ny mpamokatra entana namidiny fa hifandanja hatrany amin' ny habetsaky ny masonkarena lany tamin' ny famokarana; tahaka izany koa ny amin' ny mpiasa fa raha aravona dia tsy inona akory fa io fara-fahakeliny io hatrany no horaisiny. Ampiasaina na tiana na tsy tiana io lalàna momba ny karama io izay hita ao amin' ny resaka momba ny toekarena satria koa mantsy tafatsofoka mafy any amin' ny sampana rehetra misahana famokarana ny indostria vaventy.

## **VI. INONA AVY IREO KILASIN' NY MPIASA EFA NISY TALOHAN' NY FANAVAOZAN-DEHIBE NIHATRA TAMIN' NY INDOSTRIA?**

Arakaraka ny vanim-potoana nolalovan' ny fiara-hamonina teo amin' ny fitombony, dia tamin' ny fomba tsy mitovy no nahaveloman' ny kilasin' ny mpiasa; tsy mitovy koa ny anjara-toerana nisy azy ireny teo anoloan' ny kilasin' ny mpanana sy ny mpifehy. Fahiny elabe dia *andevon*' ny mpanana ny mpiasa; mbola tahaka izany rahateo moa izy ankehitriny any amin' ny firenena maro mbola tratra aoriana amin' ny fandrosoana, eny fa na dia any amin' ny tapany atsimo any amin' ny Etazonian' i Amerika aza. *Mpanompon*' ny olona avo razana mpanan-tany aman-trano izy tamin' ny «Moyen Age»; mbola tahaka izany foana izy any Hongria sy Polona ary Rosia. Tamin' ny «Moyen Age» ka hatramin' ny fotoana nisian' ny revolisiona momba ny indostria dia mbola nisy koa tany amin' ny tanan-dehibe ny natao hoe «mpinamana» izay niasa teo ambany fifehezan' ny andriankarena madinika; dia nipoitra tsikelikely arakaraka ny fandrosoan' ny fanaovan-taozavatra, ny mpiasan' ny fanaovan-taozavatra; tamin' izany dia efa ny kapitalista voay be no nampiasa ireny mpiasa ireny.

## **VII. INONA NO MAMPIAVAKA NY MPITRONGY VAO HOMANA AMIN' NY ANDEVO?**

Indray maka monja no amidy ny andevo, dia vita. Ny mpitrongy vao homana dia tokony hivarotra ny tenany isan' andro vaky ary isaky ny adim-pamantaranandro aza. Fananan' ny tompony *manokana* ny andevo mitokana; noho ny tombontsoan' ny tompony dia azo antoka ny ho aviny na mahantre tahaka ny inona aza izy. Fananana ny mpitrongy vao homana mitokana; ny *kilasy* manontolon' ny fiantanckarena no azo lazaina fa tompony. Tsy vidina ny asany raha tsy misy ilana izany; noho izany dia tsy azo antoka ny fiainan' ny andevo tahaka izany. Ny *kilasin'* ny mpitrongy vao homana rehetra ihany, noho ny maha-kilasy azy no mahazo matoky fa voaantoka ny fiainanany. Tsy afa-mandray anjara amin' ny fifaninanana ny olona voandevo. Ny mpitrongy vao homana kosa dia tena ao anatin' ny fifaninanana; mibaby rahateo ny vokatry ny fiovaovan'izany izy. Heverina

ho toy ny zavatra iray tsy manam-pidiny ny andevo fa tsy mba toy ny olona mpikambana ao amin' ny fiarahamonina. Ekena ny maha-olona manan-tsafidy ny mpitrongy vao homana, olona anisan' ny ao amin' ny fiarahamonina no ijerena azy. Noho izany mety ho tsara lavitra noho ny an'ny mpitrongy vao homana ny fiaimpiainan' ny andevo. Ny mpitrongy vao homana kosa anefa dia efa manao tongotra miara-mamindra amin' ny firosoana ho eo amin' ny ambara-tonga ambony amin' ny fivelarana sy fandrosoan' ny mpiaramonina; ambaratonga ambony no misy azy raha mitaha amin' izay misy ny andevo. Tsy afaka ny andevo raha tsy maha-foana ny tombontsoan' ny isam-batan' olona momba ny fizakam-pananana: tombontsoa momba ny fanandevozana; vita io, izay izy vao tonga mpitrongy vao homana. Ny mpitrongy vao homana kosa dia tsy manam-pahafahana raha tsy mbola mahafongotra ny fisian' ny fananana zakain' ny isam-batan' olona tsotra.

## VIII. INONA NO MAMPIAVAKA NY MPITRONGY VAO HOMANA AMIN' NY MPANOMPO?

Manana fitaovana enti-mamokatra, velaran-tany kely ny mpanompo sady mahazo mampiasa izany araka izay maha-diavolana ny kibony. Voatery kosa anefa izy amin' izany hanolotra ny ampahany amin' ny vokatra azony na hanao asa sasany. Ny mpitrongy vao homana dia mamokatra ka amin' izany dia fitaovana an' olon-kafa no ampiasainy, ny asa ataony ho an' io olon-kafa io koa; omena ny ampahany amin' ny zava-bokatra kosa izy amin' izany ho tamby. Ny mpanompo dia manome fa ny mpitrongy vao homana kosa mandray. Mandry eo ivohon' ny vato ny mpanompo momba ny fiaimpiainany; tsy manana izany ny mpitrongy vao homana. Any ivelany tsy mahazo mifaninana ny mpanompo; ny mpitrongy vao homana kosa voatery hiroso amin' ny fifaninanana. Afa-mandray ny fahafahany ny mpanompo; ohatra: lasa mitady izay hisitrihany any antanan-dehibe izy ka manao asa tànana ao; na tsy izany fa vola fa tsy asa na vokatra no omeny ny tompony; azony atao koa ny ho tonga mpiompy sy mpamboly manofa tany ka miasa malalaka; na tsy izany fa roahiny ny tompomenakely arahiny ka alainy ny toeran' io. Raha tsorina ny filaza azy dia izao: miditra amin' ny fomba izao na izatsy ho anisan'

ny kilasin' ny mpanana, na ho anisan' ny mpifaninana. Tsy afaka ny mpitrongy vao homana raha tsy foanany aloha ny fifaninanana, ny fananana zakain' ny tsirairay sy ny fahasamihafan' ny kilasy na inona izany na inona.

**IX. INONA NO MAMPIAVAKA NY MPITRONGY VAO  
HOMANA AMIN' NY MPANAO TAOZAVATRA  
MAMPIASA NY TANANY?\***

**X. INONA NO MAMPIAVAKA NY MPITRONGY VAO  
HOMANA AMIN' NY MPIASA ANY AMIN' NY  
TRANO FANAOVAN-TAOZAVATRA?**

Saiky hatraiza hatraiza, ny mpiasan' ny Trano fanaovan-taozavatra tamin' ny XVI ka hatramin' ny taon-jato faha-XVIII dia nanana fitaovana nampiasainy tamin' ny asany: ny milina fanenomany, ny ampela fampiasan' ny fianakaviany, tany tsivalan-dia novoleny rehefa mba nalalaka iny izy. Tsy nisy nananan' ny mpitrongy vao homana ireo rehetra ireo. Saiky any ambanivohitra hatrany no mipetraka ny mpiasa amin' ny trano fanaovan-taozavatra ary tsy ny fifampiton-dran' ny ray aman-dreny sy ny valala tsy mandady harona ny fifampiton-dran' ireny mpiasa ireny sy ny mpampiassa azy. Any an-tanan-dehibe no mipetraka ny mpitrongy vao homana ary mianina fotsiny eo amin' ny raharaha-bola ny fifandraisany amin' ny mpampiassa azy. Nongotan' ny indostria vaventy teo amin' ny toerana nisy fifampiton-dran' ny ray aman-dreny sy zanaka azy, ny mpiasan' ny trano fanaovan-taozavatra ka nafoiny teo ny mba fananana kely mbola sisiteo aminy; izay izy vao tonga mpitrongy vao homana.

**XI. INONA AVY NY VOKATRA MIVANTANA NATERAKY NY  
FIOVANA GOAVANA NISY TEO AMIN' NY INDOSTRIA  
SY NY FIZARAN' NY MPIARA-MONINA HO  
ANDRIANKARENA SY MPITRONGY VAO HOMANA?**

*Vaolohany:* Simba tanteraka ny rafitra tranainy nisy teo amin' ny trano fanaovan-taozavatra na ny indostria

\* Banga tsy ahitana na inona na inona ny toeran' ny valin' io fanontaniana io ao amin' ny boky mbola sora-tànana, navelan' i Engels. — Red.

ary nankinina manontolo tamin' ny asa ataon' ny tåana. Ny nahatonga izany dia ny fihenan' ny vidin' ny entana novokarin' ny industria; zava-nisy tany amin' ny firenendrehetra izany noho ny fampiasana milina. Hatao santomahery hiala teo amin' ny fitokantokanany ny tany rehetra vao nandingana ny tokonan' ny fandrosoana; teo aloha anefa izy ireny dia somary mbola tany ivelan' ny fandrosoana voarakitra an-tantara; ny industria nisy tany aminy dia niankina manontolo tamin' ny rafitry ny fanaovan-taozavatra. Tsy lafo akory ny entana anglisy novinidiny ary navelany hitakiky vava teo ny mpiasan' ny trano fanaovan-taozavatra tany aminy. Izany no nahatonga ny firenena toa an' i India hahita fihavaozana goavana kanefa teo aloha izy ireny tsy nahavita dingana kely akory teo amin' ny fandrosoana nandritra ny taonjato maro; na i Shina koa aza amin' izao fotoana izao efa miroso mitsena fihavaozan-dehibe tokoa. Raha misy milina iray vaovao noforonina any Angletera dia midika izany fa voaheloka ho faty mosary ao anatin' ny taona vitsivitsy monja ny mpiasa shinoa an-tapitri-sany. Amin' ny fomba tahaka izany no nahatonga ny industria vaventy ho mpampifandray ny vahoaka rehetra erantany sy nanovany ny tsenam-paritany rehetra any an-toerana, ho tonga tsena midadasika ho an' izao rehetra izao, sy nanomanany ihany koa ny fidiran' ny fandrosoana sy ny sivilizaciona hany ka tonga misy akony sy fiantraikany any amin' ny firenen-kafa rehetra ny zava-mitranga rehetra any amin' ny tany efa mandroso. Noho izany raha amin' izao fotoana izao no afaka amin' ny fatorany ny mpiasa any Angletera na any Frantsa dia hisy vokany any amin' ny tany sisa rehetra izany satria hisy revolisiona any, ary na ho ela na ho haingana izany dia hiafara koa amin' ny fana fahana ny mpiasa.

*Faharoa:* Na taiza na taiza nidiran' ny industria vaventy ka nakany ny toeran' ny trano fanaovan-taozavatra, dia izao no vokatr' izany: nivelatra sy velom-bolo aok' izany ny fiandriankarena, nitombo harena sy fahefana izy ka tafasandratra ho matoan-kilasy teo amin' ny fiarahamonina. Noho izany na taiza na taiza nitrangan-javatra tahaka izany dia lasan' ny fiandriankarena ny fahefana politika, nataony borona sy foan-tåana ny kilasy maro mitana ny fifehezana talohan' izany: ry zareo avo razana sy ny lohdohany rehetra nitondra ny firaisan' ny mpiasa maro niray donak' afo ary koa ny mpanaraka ny fitondrana ankinina amin' ny mpanjaka tsy refesi-mandidy izay nisolotena

iretsy roa voalaza etsy ambony. Nataon' ny fiandriankarena levona ny fahefan' ny avo razana sy ny an' ny andriana, rehefa nofoanany ny fisian' ny lova tsy azo kasikasihana miampita hatrany amin' izay zokiny amin' ny zanak' andriana mifandimby. Ka inona moa no nofoanana tamin' izany fa tsy ny foto-kevitra manao hoe «tsy azo kasikasihana ny fizakan-tany mbamin' ny tombon-jo sy tombontsoa nananan' ny tompomenakely». Nataony potika ny fahefana goavana nananan' ny lehiben' ny mpitsara ny adin' ny samy mpiasa; vitany izany tamin' ny alàlan' ny fanafoanana ny firaisan' ny mpiasa mpiray donak' afo sy ny tombontsoa niaraka taminy. Ny fahalalahana eo amin' ny fifaninanana no nasolony azy ; ka inona anefa io fa tsy toetra iray ananan' ny fiarahamonina ahazoan' ny isam-batan' olona zo manao raharaha izay tiany ; tsy misy mahazo manampontsampona azy amin' ny fanaovana io raharaha io na iza na iza afa-tsy ny tsy fananana renivola amam-pitaovana ilaina irery ihany. Noho izany, ny fampidirana ny fahalalahana eo amin' ny fifaninanana dia tsy inona fa hilazana ho ren-tany ren-danitra fa amin' izao sisa izao dia tsy misy mampiavaka ny mpiaramonina ka hilazana ny tsy fitoviany eo amin' izy samy izy afa-tsy ny tsy fitovian' ny renivola amam-pitaovana eo am-pelatanan' ny tsirairay, ihany. Ny renivola amam-pitaovana no fahefana iankinan' ny zava-drehetra; noho izany ny mpangorom-bola amam-pitaovana — izany hoe ny andriankarena — no tonga matoan-kilasy eo amin' ny fiarahamonina. Tany am-boalohany dia tsy azo nialana fa nilaina tokoa ny fahalalahana amin' ny fifaninanana hahazoa-mampandroso ny indostria vaventy; izy mantsy no hany endri-pitondrana ahazoan' ny indostria vaventy mitatra. Rehefa ravan' ny fiandriankarena tahaka izany ary ny fahefan' ny andriana sy ny firaisan' ny mpiasa mpiray donak' afo, teo amin' ny se-hatry ny fiarahamonina, dia noravany koa ny fahefan-dry zareo ireo teo amin' ny lafiny momba ny politika. Rehefa lasa matoan-kilasy teo amin' ny toekarena izy dia nambarany fa izy no kilasy loha-laharana teo amin' ny sehatra politika. Tratrany io tanjona io tamin' ny alàlan' ny fididianana solontena; ny foto-kevitra niorenan' io dia ny fitovian' ny andriankarena eo anatrehan' ny lalàna sy ny fanekefa ara-dalàna ny fahafaha-mifaninana. Nampiharina tany amin' ny firenena maro tany Europa tamin' ny alàlan' ny fitondrana entin' ny mpanjaka fahezin' ny Lalàna Fototra, izany. Any ny fitondrana tahaka izany dia izay manana renivola

amam-pitaovana ihany no manana zo hifidy; ka iza moa ireo fa tsy ny andriankarena ihany! Nifidy solombavambahoaka andriankarena ny andriankarena mpifidy; ireo solombavambahoaka ireo kosa dia nifidy ny fitondram-panjakana ankinina amin' ny andriankarena; ny zo mitsipaka ny hetra no nampiasainy tamin' izany.

*Fahatelo*: Nahatonga fandrosoana hatraiza teo amin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana ny fihavaozana goavana nitranga teo amin' ny indostria; arakaraka ny nahazoan' ny fiandriankarena nandroso sy nivelatra tao anatin' io fihavaozana io no nisian' izany. Arakaraka ny fitombon' ny haren' ny andriankarena no nihamaroan' ny mpitrongy vao homana; ny antony dia satria tsy misy afaka hanome raharaha ny mpitrongy vao homana afa-tsy ny renivola amam-pitaovana; ary ny renivola amam-pitaovana tsy afa-mitombo raha tsy afa-manome zavatra hataon' ny mpiasa. Izao no vokatr' izany: arakaraka ny fahamaroan' ny mpitrongy vao homana no mampitombo koa ny renivola aman-karena. Izao koa no vokatry ny fihavaozan-dehibe nitranga teo amin' ny indostria: nivangongo niaraka tany amin' ny tanan-dehibe ny andriankarena sy ny mpitrongy vao homana tany mantsy no nahitam-pahombiazana ny fanaovana indostria sady nahatsapan' ny mpitrongy vao homana ny hery ananany noho io fampivangongoan-javatra marobe io tao amin' ny toerana *tokana*. Fa ambonin' izany dia izao: arakaraka ny fandrosoan' ny fihavaozan-dehibe tafiditra tao amin' ny indostria no namoronana milina vaovao nanafoana ny asa tana; araka ny efa voalaza, dia arakaraka izany koa no nanosika ny indostria vaventy hampidina ny karama ho faran' izay ambany ka nahatonga ny toerana nisy ny mpitrongy vao homana ho ambivitra hatrany. Noho ny fitombon' ny hasosoran' ny mpitrongy vao homana sy ny fandrosoan' ny heriny, dia ilay fihavaozan-dehibe tafiditra tao amin' ny indostria ihany araka izany, no nanomana ny fipoahan' ny revolisiona teo amin' ny fiarahanonina; ny mpitrongy vao homana rehetra no hitondra an' io.

## XII. INONA KOA IREO ZAVATRA SASANY NATERAKY NY FIHAVAOZAN-DEHIBE TAFIDITRA TAO AMIN' NY INDOSTRIA?

Noho ny fisian' ny milina hetsehin' etona sy ny milina maro hafa koa, dia ny indostria vaventy no nahita ny fomba

hampitomboana haingana sy tsy misy farany ny zava-bokatry ny indostria, amin' ny fandaniana mirary dia mirary. Ny fahalalahana' ny fifaninanana tsy azo nialana nentin' izany indostria vaventy izany dia nivadika haingana ka nanana endrika mahery vaika. Ny fahamoran' ny famokarana efa voalaza teo no nahatonga izany. Zavon-tany ny kapitalista nirotsaka nanao indostria hany ka tsy ampy toa inona akory dia tonga nihoatra ny nilaina ny zava-bokatra. Vokatr' izany dia tsy nisy mpila ny zava-novokarina; tonga tsy nantsoina koa ilay atao hoe «krizy» amin' ny varotra. Voatery nampiato ny asa fanaony ny orinasa; bankiropitra ny mpanamboatra sy mpamokatra entana; voaronjona tao anaty mosary ny mpiasa. Nihanaka hatraiza hatraiza ny fahantrana nahatsiravina. Taty aoriana kely rehefa lafo ny entana navozezika, dia nanohy ny asany indray ny orinasa; nampitomboina ny karama; nandeha tsikelikely teny ny raharaha-barotra ary nihatsara tsy nisy toy izany mihitsy. Tsy naharitra ela anefa izany satria be loatra indray ny entana vokatra ka velona indray ny krizy vaovao; tsy misy hafa amin' ny efa niseho teo aloha ny fandehany. Izany no ilazana fa hatramin' ny fiantombohan' ity taonjato ity dia nifandimby hatrany niseho teo amin' ny indostria ny vanim-potoana zina sy ny vanim-potoana nisy krizy; saiky ara-potoana, izany hoe isaky ny 5 na 7 taona dia nisy hatrany ny krizy nitovy tamin' ny teo aloha ka nandronjona ny mpiasa rehetra tao anaty fahantrana be; nisy koa hatraiza hatraiza ny revolisiona sy ny loza nitatao teo ambony lohan' ny fitondram-panjakana nisy tamin' izany fotoana izany.

### XIII. INONA AVY NO NATERAK' IRENY KRIZIM-BAROTRA NIVERIMBERINA ARA-POTOANA IRENY?

*Ity ny voalohany:* Na dia ny indostria vaventy ihany aza fa tsy zavatra hafa no namorona ny fahalalahana amin' ny fifaninanana, tao anatin' ny vanim-potoana, voalohany nahitany fandrosoana, dia mbola izy ihany indray amin' izao fotoana izao no tsikaritra ho leony an' io fahalalahana io amin' ny fifaninanana. Tonga zavatra mamingapingana ny indostria vaventy; tokony homontsaniny sy mbola homontsaniny ny fifaninanana sy ny fisian' ny olon-tsotra mirotsaka sy mandeha irery eo amin' ny sehatry ny in-

dostria mamokatra. Raha mbola izao fototra misy azy izao koa no hitondrana azy dia tsy haharitra akory ny indostria vaventy fa isaky ny 7 taona dia hahazo azy ny korontambe sy fifanjevoana izay mety hampidoza mihitsy ny sivilizasiona manontolo; tsy ny mpitrongy vao homana ihany ho ho voazera ao anaty fahantrana fa na ny ankamaroan' ny andriankarena aza dia ho botry sy rava fananana. Noho izany dia izay iray alehany: ho rava ho azy eo ny indostria vaventy – tsy azo saintsainina akory anefa izany satria tena tsy azo atao – na tsy izany fa hisy lamina vaovao tanteraka eo amin' ny fiarhamonina, hasolo ny indostria vaventy ka ao dia tsy olom-bitsy mpamokatra mifaninana intsony no hitantana ny indostria mamokatra fa ny mpiara-monina tsy ankanavaka; ary planina maty paika nifanaraka amin' ny zavatra ilain' ny olona ao amin' ny fiarhamonina no harahina amin' izany.

*Faharoa:* Ny indostria vaventy sy ny fahazoana mammipombo tsy misy farany ny vokatra dia ahazoamampiorina fitondrana iray ao amin' ny vahoaka miara-monina ka amin' izany dia ho sesehena ny zava-bokatra ilaina amin' ny fiainana ary hatreto, ny olona rehetra ao amin' ny fiarhamonina dia ho afa-mampivelatra sy mampiasa amin-kalalahana sy heriny sy ny talentany manokana avy. Izao no ho vokatr' izany: io fananan' ny indostria vaventy io ihany, araka izao ahitana azy amin' izao fotoana izao eo amin' ny fiarhamonina, no hanafana ao anatin' ny lamina hafa ara-piarahamonina, io fahantrana io sy ireny krizy ireny. Azo atao ary ny manaporofo mazava tsara fa:

1) Amin' izao fotoana izao matoa misy ireny aretina ireny dia noho ny lamina ara-piarahamonina tsy mifanen-tena amin' ny zavatra ilaina.

2) Na izao ankehitriny izao aza dia misy tokoa ny fomba hanalana tanteraka ireny aretina ireny: tsy inona io fa ny fampijoroana lamina vaovao ara-piarahamonina.

#### XIV. KA AHOANA AVY NY SARIN' IO LAMINA VAOVAO ARA-PIARAHAMONINA IO?

Ny tokony hataony voalohany indrindra dia ny tsy mamela ny indostria sy ny sampana rehetra manao famokarana, amin' ny ankapobeny, hidiran' ny olona tsirairay samy mila ho azy ka mifaninana amin' izy samy izy; ny fiara-

hamonina manontolo no hotolorana io raharaha io. Ny dikan' izany dia izao: amin' ny anaran' ny daholobe no hitantanana ny indostria sy ny sampan-draharaha rehetra manao famokarana; planina iombonana no harahina amin' izany ary ny fifarimbonan' ny olon-drehetra ao amin' ny fiarahamonina no tena kendrena. Noho izany dia ho foanana ny fifaninanana fa ny fiombonana antoka no hasolo azy. Amin' ny ilany dia izao: matoa misy olona samy mila ho azy eo amin' ny fanaovana indostria, dia milaza izany fa efa mizaka fananana azy manokana any ho any ireny olona ireny; ary inona moa ny fifaninanana fa tsy io fanao iray io amin' ny fisahanana indostria. Olon-tsotra mandeha amin' ny anaran' ny tenany ao, no mitondra ny raharaha. Noho izany dia hita fa tandroka miaraka aman-tsofina ny fananana zakain' ny tsirairay sy ny fanaovan' ny olona «samy mila ho azy» eo amin' ny fanaovany indostria; toy izany koa ny amin' ny fifaninanana. Noho izany dia tokony hofoanana koa ny fananana zakain' ny tsirairay ho azy manokana ary ireto no hasolo azy: ny fiarahan' ny daholobe mampiasa ny fitaovan-drehetra ilaina amin' ny famokarana, ny tena ierana tsy misy fandavana rehefa atao ny fizaràna ny vokatra. Izany no atao hoe fiombonam-pananana. Inona no ambaran' ny fanafoanana ny fision' ny fananana zakain' ny tsirairay? — Io mihitsy no mampiseho amin' ny fomba tsotra sy fohy ny endrika mampiavaka indrindra an' ity fanovàna endrika ny fiarahamonina manontolo ity izay hita fa ilaina noho ny fandrosoan' ny indostria. Noho izany antony izany dia rariny raha io no vaintohany amin' ny zavatra takian' ny Kominista.

#### XV. ARAKA IZANY: MOA VE FAHINY, TSY AZO NATAO NY FANAFOANANA NY FISION' NY FANANANA ZAKAIN' NY TSIRAIRAY?

Tsia. Ny fanovàna endrika rehetra ny lamina ara-piara-hamonina, ny fanavaozana rehetra atao mikasika ny fizakam-pananana, ny vokatra takian' ny fisehoan' ny hery vaovao manao famokarana tsy antonona intsony ny fizakam-pananana nisy teo aloha. Moa tsy tahaka izany koa no nipoiran' ny fananana zakain' ny tsirairay. Tsy zava-nisy hatrizay naha-tany ny tany mantsy ny fananana zakain' ny tsirairay. Tamin' ny faran' ny «Moyen Age» dia nisy

fomba vaovao famokarana rehefa teraka ny trano fanaovan-taozavatra; nifandaka io fomba famokarana io sy ny fizakam-panana nisy tamin' ny fotoan' ny tompomenakely iry ny firaisan' ny mpiasa fahita tamin' izany fotoana izany. Niteraka endrika vaovao momba ny fizakam-pananana io famokarana nataon' ny trano fanaovan-taozavatra io rehefa fantatra fa tsy mifanentana intsony tamin' ny fomba fizakam-pananana fanao fahiny: fananana zakain' ny tsirairay izany. Na ho an' ny trano fanaovan-taozavatra na ho an' ny vanim-potoana voalohany nielezan' ny industria vaventy, dia hita tokoa fa tsy nisy fomba fizakam-pananana azo nampiharina afa-tsy ny fisian' ny fananana zakain' ny tsirairay; tsy nisy koa endri-piarahamonina azo nampiharina afa-tsy ny fiarahamonina naorina teo ambonin' ny fananana zakain' ny tsirairay. Raha mbola tsy azo natao koa ny haha-ampy ny vokatra, dia tsy maintsy nisy zavatra mbola madonda tao, ary io dia nanam-pahefana feno tamin' ny hery mamokatra teo amin' ny fiarahamonina; ary nisy koa kilasy iray nahantara sy nampijaliana. Inona moa no nokendrena tamin' izany famokarana izany fa tsy ireto: samy hanana izay ilainy ny rehetra, manana amby ampy ny vokatra ary izany dia hitsinjovana ny fampitomboana ny renivola amam-pitaovana ampiasaina sy hampielezana ny hery mamokatra. Na ny fiforanon' ireny kilasy ireny na ny toetoetrary dia samy niankina hatrany tamin' ny toetoetry ny fandrosoan' ny famokarana. Niompana fatratra tamin' ny asam-pambolena ny fiarahamonina tamin' ny «Moyen Age»; tompomenakely sy mpanompo no nomen' izany antsika. Ny azontsika tamin' ny tanan-dehibe tamin' ny faramparan' ny «Moyen Age» dia ireto: olona mahay asa tanana, mpiara-miasa mpanampy ary ny mpanao isan' andro. Ny taon-jato faha-XVII no nahazoana ny tompon' ny trano fanaovan-taozavatra sy ny mpiasa; ny goailahy mpanao industria sy ny mpitrongy vao homana, no nentin' ny taon-jato faha-XIX. Mazava fa mandraka androany dia mbola tsy tena miely sy mandroso araka ny ilàna azy ny hery mamokatra mba hananan' ny rehetra izay ilainy; tsy mbola enta-mavesatra sy zary vato misakana ny fandrosoana ny fananana zakain' ny tsirairay, noho izany. Amin' izao fotoana izao anefa, dia:

1. *Na*: nisy fiforanany ny renivola amam-pitaovana sy hery lehibe maro enti-mamokatra mbola tsy fahita hatramin' izao; ny nahatonga izany dia ny fandrosoan'

ny indostria vaventy; *na*: misy dia misy ny azo atao hanatevenana haingana tsy misy farany ireny hery enti-mamokatra ireny.

2. *Na*: mivangongo eo am-pelatanan' ny andriankarena ireny hery enti-mamokatra ireny kanefa amin' izany fotoana izany dia vao mainka voafatratra ao anaṭy kilasin' ny mpitrongy vao homana ny ambanilanitra; arakaraka ny fitombon' ny fananan' ny andriankarena koa no vao mainka mampihitsoka lalina amin' ny fahantrana ny ambanilanitra.

3. *Na*: tsy hananosarotra mihitsy ny fihamaroan' ireo hery enti-mamokatra ireo ka hohoatra lavitra ny fananana fahita zakain' ny olon-tsotra sy ny fahita amin' ny fitondrana ibahanan' ny andriankarena; hiteraka korontana lehibe tokoa ao amin' ny lamina ara-piarahamonina izy raha izay tokoa no tanteraka. Amin' izao fotoana izao ary dia tsy vitan' ny hoe «azo atao» ihany ny fanafoanana ny fananana zakain' ny tsirairay fa tena ilaina mihitsy.

## XVI. MOA VE AZO TANTERAHINA AMIN' NY FOMBA TSY MISY RAORAO NY FANAFOANANA NY FANANANA ZAKAIN' NY TSIRAIRAY?

Irina tokoa ny haha-tahaka izany azy; tsy mba ny Kominista no hipingapinga himenomenona amin' ny fanaovana izany. Diso fantatry ny Kominista loatra fa tsy vitan' ny hoe tsy misy ilana azy ny fiokoana rehetra fa manimba. Fantany tsara fa tsy amin' ny fomba jadona sy fampiasana didy aman-dalàna akory no anaovana revolisiona; izy io, araka ny efa hita hatraiza hatraiza dia mandrakariva vokatry ny toe-javatra maro tena tsy misy ifandraisany velively amin' ny sitrapo sy ny mpitarika ny antoko na ny kilasy iray manalaka izao na izatsy. Hitany ihany koa anefa fa saiky any amin' ny firenena mandroso rehetra dia amin-kasiahana no anenjehana ny fandrosoana sy fihanaky ny kilasin' ny mpitrongy vao homana; rehefa izay no mitranga dia tsy iza tsy iza fa ny fahavalon' ny kominista ihany no miady fo fatratra hampisy revolisiona. Raha teren' ny zavadrehetra kosa hanao revolisiona rehefa ela ny ela ny mpitrongy vao homana ampitondraina ny mangidy, dia tsy hipetra-potsiny fa hihetsika isika kominista ka ho tahaka ny fihenjanantsika amin' ny alàlan' ny teny ataontsika amin'

izao fotoana izao no hiarovantsika koa ny mpitrongy vao homana eo amin' ny ady atrehiny.

## XVII. MOA VE AVY HATRANY DIA HO FOANA NY FISIAN' NY FANANANA ZAKAIN' NY TSIRAIRAY RAHA VAO ATAO NY FAMELEZANA AZY?

Tsia. Tsy misy hafa amin' izany koa ny tsy fahazoana mampitombo *avy hatrany* ny hery enti-mamokatra efa misy na dia ny hananganana toekarena tantanin' ny besinimaro tsy mialin' andro tokoa aza no kendrena amin' izany. Ny zavadréhetra miara-mitory fa miha-manakaiky hatrany ny revolusiona hataon' ny mpitrongy vao homana; noho izany dia izy io no tsy maintsy hanova tsikelikely izao fiarahamonina misy ankehitriny izao; tsy hahafoana tanteraka ny fisian' ny fananana zakain' ny tsirairay izy raha tsy efa novononina aloha ny fitaovana ampy sy ilaina ho enti-mamokatra.

## XVIII. AHOANA NO HO FANDEHAN' IO REVOLISIONA IO?

*Fitondram-panjakana entim-bahoaka* aloha no hatsangany; ary noho izany dia ho tonga ho azy ny mivantana na tsy mivantana ny fifehezan' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana eo amin' ny lafiny politika. Any Angletera dia hivantana satria any dia ny mpitrongy vao homana no efa maro an' isa sahady eo amin' ny vahoaka. Tsy mivantana any Frantsa sy Alemania satria any tsy mpitrongy vao homana ranofotsiny fa tantsaha madinika sy andriankarena madinika koa no hita ao amin' ny ankabeazam-bahoaka; ry zareo ireo dia samy eo an-dàlam-pirosoana ho amin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana eo amin' ny lafiny momba ny fanomezana fahafahampo azy ireo eo amin' ny tombontsoa politika tadiaviny, dia mitombo isan' andro ny fianteheran' izy ireo amin' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana; noho izany tsy ho ela akory izy ireo dia hiray volo tanteraka amin' ny mpitrongy vao homana eo amin' ny zavatra takina. Angamba hisy tolona vaovao hatao momba izany; raha izany tokoa no mitranga dia tsy maintsy handresy amin' ny farany ny mpitrongy vao homana.

Tsy ilain' ny mpitrongy vao homana akory ny demokrasi raha tsy azony ampiasaina miaraka amin' izay amin' ny fakana fepetra mahafaoka be ka ho ao anatin' izany ny fanapotehana mivantana ny fananana zakain' ny tsirairay sy ny fampandriana ivohon' ny vato, ny fisian' ny kilasin' ny mpitrongy vao homana. Avy amin' izao fahamalinana izao no ahazoana milaza fa ireto avy no lehibe indrindra amin' ireny fepetra ireny:

1) Mba hamerana ny habetsaky ny fananana zakain' ny tsirairay dia hampiasaina ny hetra misonga, ny fitakiana hetra mafonja amin' ny mpandova, tsy famelana ny taranakavana hahazo mandova (rahalahy, zana-drahalahy na zanak' anabavy, sns, sns), fanerena ny olona hisambo-bola, sns.

2) Fanimbinana tsikelikely ny fananan' ny mpanantany, ny mpanao industria, ny tompon' ny lalam-by, ny mpampitao ny sambo; amin' ny ampahany dia ny fifaninanana eo amin' ny industriam-panjakana no fomba hampiasaina amin' izany. Amin' ny ampahany hafa koa dia onitra no omena mivantana amin' ny fizarana taratasim-bola azo atakalo tany.

3) Famaboana ny fananan' ny olona nitsoaka nankany amin' ny firen-kafa sy mpikomy nanohitra ny vahoaka maro an' isa.

4) Fandaminana ny asa na ny raharaha ataon' ny mpiasa ao amin' ny tanànan' olona na sahan' olona, ny toerana fanaovan-javatra sy trano fiasana tantanan' ny Fanjakana; vokatr' ireo dia tsy hisy intsony ny fifaninanana eo amin' ny samy mpiasa; ho voatery koa ny sisa miangana amin' ny mpanao industria hanome karama betsaka tahaka ny omen' ny Fanjakana.

5) Fanerena ny olona rehetra ao amin' ny fiarahamonna hanana anton-draharaha; hatao izany ambara-pahafoanan' ny fananana zakain' ny tsirairay. Famoronana foloalindahy hiasa amin' ny industria, indrindra ange fa amin' ny fambolena.

6) Ny fanjakana irery no hany havela hisahana ny raharaha momba ny fampisamboram-bola, ny varotra, ny vola; amin' izany dia hatsangana ny bankim-pirenena. Renivolana ny Fanjakana no hiasa ao; hofoanana kosa rehefa mety ho banky tsy tantanan' ny Fanjakana.

7) Fanamaroana isa ny trano fanaovan-javatra miankina tanteraka amin' ny Fanjakana, ny trano fiasana, ny lalam-by, sambo, fanajariana ny tany lava volo rehetra; arakaraka

ny fitombon' ny renivola amam-pitaovana sy ny fihamaroan' ny mpiasa mety ho hita eo amin' ilay tany no hanatsarana ny tany efa voavoly.

8) Ny firenena mihitsy no handoa ny lany amin' ny fanabeazana ny ankizy rehetra any amin' ny trano fianarana raha vao tsy mila ny reniny intsony izy ireny hikarakara azy mivantana; (fanabeazana sy asa momba ny indostria).

9) Fanorenana lapa maro sy lehibe any amin' ny tanimpirenena; ao amin' ireny no hamponenina ny mpiray tanindrazana maro manao raharaha any amin' ny indostria na ny toeram-pambolena; ho tafatambatra ao ny tombontsoan' ny fiainana an-tanan-dehibe sy ny tombontsoan' ny fiainana ambanivohitra; tsy hisy lafiratsiny ireo.

10) Fandravana ny trano rehetra tany amin' ny toerana tsy mahasalama sy ratsy orina.

11) Fampitoviana ny zon' ny tena zanaka ara-dalàna sy ny zanaka tsy ara-dalàna, eo amin' ny sehatry ny fandovana.

12) Fandraisan' ny Fanjakana an-tanana ny fitaovana rehetra ampiasaina amin' ny fitaterana.

Mazava loatra fa tsy azo ampiharina indray miaraka sy vetivety eo avokoa akory ireo fepetra rehetra ireo. Nefa kosa ny fampiasana ny iray aminy dia mitaky ny fampiasana ny manaraka. Voatery tsy maintsy hiroso hatrany hanao ny dingana manaraka ny kilasin' ny mpitrongy vao homana raha vao voafongony ny fisiam-pananana zakain' ny tsirairay; hataony hatrany izay hanomezana ny Fanjakana ny renivola manontolo amam-pitaovana, ny raharaha momba ny Fambolena sy ny indostria, ny fitaterana sy ny fifanakalozana. Io no tanjona kendrena amin' ireo fepetra ireo izay ampiharina; ho tanterak' izy ireo ny asa maha felatanana mangaika ny rantsana azy arakaraka ny fitombon' ny hery entimamokatra misy eo amin' ilay tany; tompon' antoka amin' ny fahatanterahan' izany ny bainga voavadiky ny mpitrongy vao homana. Amin' ny farany dia hikoa ny nahiny toy ny ampango tra-maraina ny fananana zakain' ny tsirairay, tonga ambin-javatra tsy misy hilana azy intsony ny vola. Ho tanteraka izany rehefa eo am-pelatanan' ny Fanjakana avokoa ny renivola amam-pitaovana, ny zavabokatra rehetra sy ny fifanakalozana rehetra. Dia hitombo ny zava-bokatra ary hisy fiovany na ny olona aza, hany ka ho azo atao mbamin' ny fanafoanana ny sisa tavela tamin' ny endriky ny fifandraisan' ny olona araka izay nahitana azy ireny fahiny, teo amin' ny fiarahamonina.

## XIX. ANY AMIN' NY FIRENENA IRAY IHANY VE NO HIPOAKA IO REVOLISIONA IO?

Tsia. Raha nanorina ny tseña eran-tany ny indostria vaventy, dia efa nataony sahady izay hampifanatona sy hampiadys soroka ny vahoaka rehetra eto ambonin' ny tany, indrindra ange fa ireo efa lasa aloha noho ny hafa amin' ny fandrosoana; izany no mahatonga ny vahoaka tsirairay avy hiankina tanteraka amin' izay mitranga any amin' ny vahoaka hafa. Tany amin' ny firenena mandroso dia navondron' ny indostria vaventy koa ny fandrosoana ara-piarahamonina, hany ka tany amin' ireny firenena ireny dia ny fiandriankarena sy ny kilassin' ny mpitrongy vao homana no tonga kilasy roa lehibe indrindra eo amin' ny fiarahamonina, ary ny fifandrafesan' ireo kilasy roa ireo amin' izao fotoana izao no tonga fifandrafesana fototra eo amin' ny fiarahamonina. Izany no mahatonga ny revolisiona kominista ho revolisiona tsy mihiboka ho an' ny firenena izao na izatsy manokana fotsiny. Niara-nisy azy io avokoa tany amin' ny firenena mandroso, izany hoe, fara-faharatsiny tany Angletera, Amerika sy Frantsa ary Alemania\*. Haingana kokoa na miadana kokoa ny fandrosoany tany amin' ny tsirairay tamin' ireo firenena ireo, arakaraka ny fision' ny indostria mandroso kokoa sy harem-pirenena matlevina kokoa ary hery mamokatra betsaka kokoa any. Izany no mahatonga azy ho «miadamohaka» kokoa any Alemania ary ho nalaky kokoa sy mora kokoa any Angletera. Hisy akony lehibe koa any amin' ny firenen-kafa eto ambonin' ny tany izy sady hanova endrika tanteraka ny fomba ampiasaina any mba handrosoana. Manenika ny tany rehetra io revolisiona io. Noho izany dia hisy azy avokoa hatraiza hatraiza.

\* Azo antoka tamin' ny fotoanan' ny kapitalisma «pré-monopoliiste» io famaranan-teny mikasika ny fahazoan' ny toлом-piarotana proletariana miara-mandresy any amin' ny firenena kapitalista mandroso, ary noho izany, ny tsy fahazoan' io toлом-piarotana mandresy eo amin' ny firenena iray ihany. Tao anatin' ny fe-potoana ara-tantara vaovao, nandritra ny vanim-potoana kapitalisma monopolista, dia namoron' ny famaranan-teny vaovao momba ny fahazoan' ny toлом-piarotana sossialista mandresy, voalohany indrindra any amin' ny firenena vitsivitsy na firenena tokana fotsiny aza, i V. I. Lenine, teo am-pampiasana ny lalàna momba ny fivoaran' ny kapitalisma aratoekarena sy ara-politika tsy mirinda, nandritra ny fotoana nanjakan' ny imperialisma. Izany hevitra izany no voavelabelatra voalohany tamin' ny lahatsoratr' i V. I. Lenine «A propos du mot d'ordre des Etats-Unis d'Europe», Oeuvres, t. 21. Editions Sociales, Paris, Editions du Progrès, Moscou, 1973, p. 351-355. — Red.

## XX. INONA NO HATERAKY NY FANAFOANANA NY FISIAN' NY FANANANA ZAKAIN' NY TSIRAIRAY?

Ireto no hitranga raha alàna amin' ny olona kapitalista ny hery rehetra enti-mamokatra, ny fitaovana rehetra enti-manao fitaterana mbamin' ny fifanakalozana sy fitsinjara ny zava-bokatra, ka amin' izany dia planina mifanaraka amin' ny harena misy sy ny filan' ny mpiara-monina no harahina: ho esorin' ny fiarhamonina alohan' ny zavadrehetra rehefa mety ho vokatra mamohehatra misy ifandraisany amin' ny rafitra ampanjakaina amin' izao fotoana izao eo amin' ny industria vaventy. Ho foana ny krizy; tsy ho ampy hanomezana fahafaham-po ny filana hany ka vao mainka hitatra koa aza ny fanitarana ny zava-bokatra izay tsy inona akory amin' ny fiarhamonina misy amin' izao fotoan' andro ankehitriny izao, fa zava-bokatra mihoatra noho izay ilaina ka zary loharano goavana iavian' ny fahantrana. Izao no hiseho raha tafahoatra noho izay ilain' ny mpiara-monina ny habetsaky ny zava-bokatra: tsy hitondra fahantrana izany fa hanome fahafaham-po kosa ny filan' ny olon-drehetra sy hampitsiry filana hafa vaovao sady hahalalana ihany koa ny fomba ho enti-manana fahafaham-po izany. Iankinan' ny fisehoan' ny fandrosoana vaovao io famokarana io; amin' izany anefa dia hofoanany ny fisian' ny hotakotaka mpiverimberina ara-potoana teo amin' ny fiarhamonina fa izany moa no zava-misy hatramin' izao. Hiely fatratra ny industria vaventy sady tsy ho voaziogan' ny fizakam-pananana intsony ka toy ny maha-zava-maivana ny trano fanaovan-taozavatra raha mitaha amin' ny industria vaventy misy amin' izao andro vaovao izao no maha-maivandanja ny fanitarana azy amin' izao fotoana izao. Raha mandroso ny industria dia ho afaka hanome vokatra sese-hena sy ampy ho an' ny fiarhamonina izy ho enti-manome fahafaham-po ny filan' ny olon-drehetra. Tamin' ny andro nibahanan' ny fananana nozakain' ny tsirairay sy ny fizazarana be ihany ny tany dia zara ny raharaha momba ny fambolena raha mba nahazo nanararaotra ny fihatsaran' ny zava-drehetra sy ny zavatra maro vao vitan' ny siansa; io raharaha-pambolena io anefa dia hahita fandrosoana vaovao sy ho afaka hanome vokatra ampy ho an' ny mpiara-monina. Araka izany dia hisy vokatra betsaka sy ampy avy amin' ny asan' ny fiarhamonina; ho azo atao ny mampijoro lamina hiandraikitra ny fitantanana mba samy hahazo izay

ilainy ny mpiara-monina rehetra. Noho izany dia manjary tsy misy hilàna azy indray ny fanasokajiana ny fiaraha-monina ho kilasy samy hafa sy mifandrafy. Tsy vitan' ny hoe «tsy misy hilana azy» intsony io fanasokajiana io fa tonga mifangarika koa amin' ny fandaminana vaovao misy eo amin' ny fiarahamonina. Ny fitsinjarana ny asa atao ho karazany maro no miteraka ny fisian' ny kilasy. Ao amin' ny fiarahamonina vaovao dia tsy hisy intsony ny fitsinjarazarana ny asa, araka ny fomba itondrana azy amin' izao fotoana izao. Raha ny hahatrarana ny tanjona efa nambaranay teo fotsiny no kendrena amin' ny ezaka atao mikasika ny zava-bokatry ny industria sy ny fambolena, dia tsy ho ampy ny fiateherana amin' ny milina sy ny shimia. Tokony hatao mifanentana amin' izany koa ny fampitomboana ny fahaizan' ny olona voatendry hampiasa ireny fitaovana ireny. Niova tanteraka ny fiaimpianan' ny tantsoha sy ny mpiasa tamin' ny trano fanaovan-taozavatra tamin' ilay taonjato lasa teo; tonga olona hafa tanteraka noho ilay teo aloha ry zareo ireny rehefa naiditra hiasa tao amin' ny industria vaventy. Toy izany tsy misy hafa: olona tena hafa dia hafa amin' ny olona misy amin' izao fotoana izao no ilaina sy ho foronin' ny fitantanana ny hery entimamokatra iarahan' ny besinimaro misahana sy ny firobo-roboana ho hitan' ny asam-pamokarana. Ny fitantanana ara-piarahamonina ny famokarana dia tsy azo ankinina amin' ny olona miankin-doha be — tahaka izay hita amin' izao fotoana izao — amin' ny sampan-draharaoha iray manokana momba ny famokarana, olona tahaka ny vita vono baibona amin' izany sampan-draharaoha izany ka tsentsefiny, olona tsy afa-nikolokolo sy nampivelatra afa-tsy lafiny tokana ihany ao amin' ny sainy. Mipetra-potsiny ny lafiny hafa sis. Ny olona tahaka ireny dia tsy mahalala afa-tsy sampana *tokana* na ampahany amin' ny sampana *iray* ao amin' ny raharaha-pamokarana. Hita sahady fa miha-tsy mila hatrany ny olona tahaka ireny ny industria amin' izao andro izao. Ny industria iaraha-misahana mifanaraka amin' ny planina iray, ka eo am-pelatanan' ny besinimaro ao amin' ny fiarahamonina ny fitondrana azy dia tsy mety sy tsy azo saintsainina akory raha tsy olona manana fahalalana maro amin-javatra isan-karazany no miandraikitra azy; ny olona tahaka izany dia ho afaka hifehy ny rafitra manontolo momba ny famokarana. Ho foana tanteraka ary ny fitsinjarazarana ny asa — efa mikiky azy io rahateo ny fandrosoan'

ny fampiasana milina. Io fitsinjarazarana io no manao ny olona iray ho tantsaha, ny iray hafa koa ho mpanao kiraro, ny fahatelo ho mpiasa ao amin' ny orinasa, ny fahefatra ho mpanao tombatombana any amin' ny Tranom-bola. Amin' ny alàlan' ny fanabeazana no hahazoan' ny tanora mirotsaka am-periny sy mahalala tsara sy haingana ny toe-toetry ny raharahanam-pamokarana manontolo. Ny fanabeazana no hahafahan' izy ireo mitety ny sampan-draharaha rehetra momba ny famokarana, ary amin' izany dia ny filan' ny mpiara-monina na ny fireham-po aman-tsaina ao amin' izy ireny no hitantana azy. Noho izany, dia ny fanabeazana no hanafaka azy amin' ny fananana toetra mandeha ila izay atolotry ny fitsinjarazarana ny asa araka izay hita amin' izao fotoana izao, amin' ny fomba tian-kan o tsy tian-kan o, ny mpiasa tsirairay avy. Hita ary fa homen' ny fiarahamonina najoro teo ambonin' ny fototra kominista ny olona ao aminy ny fomba hahazoan' izy ireny mampiassa amin' ny fomba maro tokoa ny sainy satria mirindra tsara ny fivelatr' izany saina izany. Izao no ho vokatr' izany: tsy maintsy ho fongotra ny fahasamihafan' ny kilasy rehetra, na tiana na tsy tiana. Noho izany dia tsy vitan' ny hoe tsy azo hampiarahina mihitsy amin' ny andaniny ny fiarahamonina kominista sy ny fisian' ny kilasy maro ary mbola io fiarahamonina kominista io ihany koa amin' ny ankilany no hanondro ny fomba ho enti-manafoana izany fahasamihafan' ny kilasy izany.

Noho izany dia ho foana koa ny fifandrafesan' ny tanan-dehibe sy ny ambanivohitra. Tsy ny fisian' ny kilasy samy hafa no manesika ny olona hanao raharahanam-pambolena na industria; zavatra tena ilain' ny lamina kominista na dia noho ny fitsinjovana ihany ny vokatra azo tsapain-tanana sy jerena aza, ny raharahanam-pambolena sy industria. Ny fielezan' ny olona marobe tokony hanao fambolena, any amin' ny vohitra maro sy ny fivangongan' ny vahoaka mpanao industria any amin' ny tanan-dehibe maro dia samy zava-miseho azo itarafana ny dingana vita mbola mirefarefa amin' ny tany momba ny fampandrosoana ny raharahanam-pambolena sy industria; vato misakana ny fandrosoana io. Tsapa tokoa ny fisian' izany zava-miseho izany dieny ankehitriny sahady.

Ireto avy ny voalohandohany amin' ny vokatra hateraky ny fanafoanana ny fisian' ny fananana zakain' ny tsirairay ny fiombonamben' ny olona rehetra ao amin' ny fiarahamonina

mba hahazoany miara-mampiasa amin' ny fomba hendry ny hery enti-mamokatra, ny fampitomboana ny zava-bókatra hahazoana manome fahafaham-po ny filan' ny daholobe, ny fanafoanana tanteraka ny toe-javatra mahatonga ny filan' ny olona sasany tsy ho afaka raha tsy mitera-pahavoazana ho an' ny sasany, ny fanafoanana tanteraka ny kilasy rehetra sy ny fifandrafesany, ny fahazoa-mampitombo tanteraka ny fahalalan' ny olona rehetra miara-monina amin' ny alàlan' ny fanafoanana ny fitsinjarazarana ny asa araka izay efa nanaovana an' izany rahateo hatramin' izao, amin' ny alàlan' ny fanabeazaña haompana amin' ny asa, ny fiovandrahara, ny anjara raisin' ny daholobe amin' ny fiadanana niarahan' ny daholobe nikarakara, ny fandravonana ny tanan-dehibe sy ny ambanivohitra.

## XXI. INONA NO VOKATRA HATERAKY NY FITONDRA-M-PANJAKANA KOMINISTA AMIN' NY FIANAKAVIANA?

Io fitondrána io no hanova endrika ny fifandraisan' ny lehilahy sy ny vehivavy ho tonga fifandraisana manokana ifanaovan' ny andaniny sy ny ankilany ka tsy mikasika afatsy ny olona manao an' izany; tsy afa-mitsabatsabaka amin' izany ny fiarahamonina. Azo atao io fanovàna io raha foanana ny fisian' ny fananana zakain' ny tsirairay sy raisin' ny fiarahamonina an-tànana ny fanabeazana ny ankizy. Io mantsy no handrava ny fototra roa iorenan' ny fanambadiana amin' izao fotoana izao; misy fifandraisany amin' ny fananana zakain' ny tsirairay ireo fototra ireo. Tsy inona izany fa ny fiankinan' ny vehivavy amin' ny lehilahy sy ny fiankinan' ny ankizy amin' ny ray aman-dreniny. Io no enti-mamaly ny finantsanantsan' ny olona sarotiny amin' ny fitsipi-pitondrantena mahazatra ny andriankarena momba ny fiombonam-bady, izay tian' ny mpiara-monina haiditra eo amin' ny fiafnany, angaha hono. Ny fiombonanan' ny lehilahy vady dia zava-mitranga tsy hita raha tsy eo amin' ny fiarahamonina feno andriankarena; ampiharina fatratra izy io ankehitriny amin' ny alàlan' ny fivarotan-tena. Miankina amin' ny fisian' ny fananana zakain' ny tsirairay anefa ny fanaovana makorelina; ka raha rava ny fisian' ny fananana zakain' ny tsirairay dia ho foana koa ny fanaovana makorelina. Noho izany ny lamina kominista dia tsy hampisy ny lehilahy miombom-bady ny hanafoana izany aza no hataony.

**XXII. AHOANA NO HO FIHETSIKY NY LAMINA KOMINISTA  
EO ANOLOAN' NY OLON' NY FIRENEN-KAFA MISY  
EO AN-TOERANA?**

— Tazonina ny teo aloha.\*

**XXIII. AHOANA NO HO FIHETSINY MANOLOANA NY  
ANTOKOM-PINOANA MISY EO AN-TOERANA?**

— Tazonina ny teo aloha.

**XXIV. INONA NO TENA MAMPIAVAKA NY KOMINISTA AMIN'  
NY SOSIALISTA?**

Misy karazany telo ny olona atao hoe «sosialista».

Ny voalohany dia ireo mpankasitraka ny fiarhamonina fahiny fony mbola nisy tempo sy mpanompo; zokiolona no filoha tamin' izany; efa rava iny ary isan' andro vaky dia mbola manapotika azy ihany ny industria vaventy, ny varotra ifanaovana eran-tany sy ny fiarhamonina anjakan' ny andriankarena natrangan' iretsy roa voalaza teo. Izao no famaranan-teny tsoahin' io sokajina sosialista io avy amin' ny fahitana ny fahoriana mahazo ny mpiara-belona amin' izao fotoana izao: Avereno ny fiarhamonina tomponnakely ary nentin' ny zokiolona fa io no tsy nisy fahoriana tahaka izao. Na mivantana na miolaka, dia io tanjona io hatrany no nokendren' ny hevitra naroson-dry zareo. Tsy hitsahatra hiady mafy amin' io sokajina sosialista *mpanohariana* mody mangora-po noho ny fahantran' ny mpitrongy vao homana sy mody latsa-dranomaso io eo am-pahitana izany, ny kominista, satria:

1) Zavatra tsy azo tanterahina no ataony tanjona hotrarrina.

2) Kendreny hajoro ny fanapahan' ny avo razana, ny filohan' ny firaisan' ny mpiasa miray donak' afo ary ny lohandohany amin' ny trano fanaovan-taozavatra sy ireo

\* Ao amin' ny boky mbola vita *sora-tàhana*, dia ny teny hoe: «Tazonina ny teo aloha» no hita eo amin' ny toeran' ny valin-teny hasetry ny fanontaniana faha-22 sy faha-23. Izao no mety ho dikan' io: «Tazony ilay valin-teny araka ny endrinny nanoratana azy tao amin' ny anankiray tamin' ny drafitra natao mialohan' ny Fandaharan-draharahan' ny Ligin' ny Kominista»; tsy voarainay anefa ireo. — Red.

mpifanao tandra vadin-koditra aminy: mpanjaka tsy refesi-mandidy na tompomenakely mpanao raharaha-panjaka-na, miaramila sy pretra, fiarahamonina angamba tokoa mety tsy hisy zava-mampijaly toy izay hitan' ny fiarahamonina amin' izao fotoana izao kanefa kosa mivimbina zava-dratsy fara-faharatsiny mitovy amin' izay misy anke-hitriny; tsy vitan' izany fa tsy hahavita izay vitan' ny kominisma, satria tsy afaka hampanantena fanafahana ho an' ny mpiasa ampijaliana.

3) Isaky ny mahita mpitrongy vao homana tonga revolutionera sy kominista izy, izay vao asehony ny fihetsehampony: indreny izy manatevin-daharana miaraka amin' izay ny fiandriankarena sy.mamely ny mpitrongy vao homana.

Ao amin' ny sokajy faharoa no ahitana ny mpankasitra-ka ny fiarahamonina misy amin' izao fotoana izao; ity sokajy ity no Rangory fototry ny afo amin' ny zava-mangidy hitan' ny mpanaraka azy sy miteraka tahotra momba ny mbola haharetan' izao fiarahamonina izao. Ry zareo eto amin' ity sokajy ity dia miezaka hanao izay haharetan' izao fiarahamonina izao sy hanalàna ny fijaliana manapentina izao fiarahamonina izao. Mba hahatongavana amin' io tanjona io dia fandraisana fepetra miharo fanehoana mari-pitiavana fotsiny no asain' ny sasany atao; ny hafa kosa mampiseho planina goavana mampanao fanavaozan-javatra maro izay mody lazaina fa enti-mandamina indray ny fiarahamonina kanefa ny tena kendreny dia ny tsy hikitikithana ny fototra iorenan' ny fiarahamonina misy amin' izao fotoana izao, izany hoe io fiarahamonina io mihitsy no tiany haharitra. Manana adidy koa hiady mafy amin' ireo *andriankarena sosialista* ireo ny kominista satria raha ny marina dia miandany amin' ny fahavalon' ny kominista ry zareo sady manohana ny fiarahamonina tadiavin' ny Komista harodana.

Farany dia ny sosialista demokratty no ao anatin' ny sokajy fahatelo. Mihaona ny lalan-dry zareo ireto sy ny an' ny kominista; ny sasany amin' ny fepetra nolazaina tetsy ambony\* no tiany hotanterahina, tsy ataony ho tahaka ny fitaovana hiampitana mankeo amin' ny kominisma fa ho tahaka ny fitaovana ampy ho enti-manaisotra ny fahantrana sy ny fijaliana mianjady amin' ny fiarahamonina misy amin' izao fotoana izao. Ny sasany amin' ireny *sosialista de-*

\* Ny fanontaniana faha-XVIII no lazaina amin' izany. — Red.

*mokraty ireny dia mpitrongy vao homana izay tsy mahalala firy ny anton-javatra miantoka ny fanafahana ny kilasy misy azy; ny sasany kosa dia solontenan' ny fiandriankarena madinika izany hoe ny kilasy izay miaro tombontsoa iraisany amin' ny mpitrongy vao homana, rehefa fakafakainq. Tahaka izany ny toetran' io kilasy io hatre o amin' ny fotoana nahazoana ny demokrasia sy ny fandraisana fepetra sosialista naterak' izany. Izany no mahatonga ny kominista hifandray amin' izy ireo amin' ny fotoana hihetsehany, sy hanananay adidy raha mbola azo atao koa, hampihatra politika iraisana; ho tahaka izany no fandehany raha mbola tsy mety hampiasain' ny andriankarena mitana ny fitondrana koa ireo sosialista ireo sady tsy nanao na inona na inona hamelezana ny kominista. Ekena tsotra izao fa na eo aza izany fiaraha-miasa izany dia tsy misakana velively ny adihevitra momba ny zavatra tsy itoviana mbola misy eo amin' izy ireo sy ny kominista.*

## **XXV. INONA NO TOKONY HO FIHETSIKY NY KOMINISTA EO ANOLOAN' NY ANTOKO POLITIKA HAFA?**

Tsy hitovy io fihetsika io arakaraka ny maha-samy hafa ny firenena. Any Angletera sy Frantsa ary Belzika dia ny fiandriankarena no mibahana sy mifehy; amin' izao fotoana izao dia maro ny tombontsoa iraisan' ny Komintista sy ny antoko politika demokratika samihafa; lehibe ireny tombontsoa ireny ka mahatonga ny demokratty hifanatona aminy, ao anatin' ny fepetra sosialista izay arovany ombieny ombieny amin' izao fotoana izao ho amin' ny tanjona kominista. Izao no dikan' izany: arakaraka ny iarovany mafy sy mazava tsara ny tombontsoan' ny mpitrongy vao homana no vao mainka iankinany amin-dry zareo ireto. Ohatra: tany Angletera dia mpiasa avokoa no nitaky fahafhana sy fihavaozana tao amin' ilay hoe «fihetsehana tcharista»; akaiky lavitra ny kominista ry zareo ireo noho ny andriankarena madinika demokratty na ireo nilaza azy ho radikaly.

Nampidirina tany *Amerika* ny Lalàm-panorenana demokratty. Tany amin' ity firenena ity ny kominista dia nahatsapa ny tokony hiombonana amin' ny Antoko izay te hampiasa io Lalàm-panorenana io hamelezana ny fiandriankarena sy hampiasa azy koa ho an' ny tombontsoan'

ny mpitrongy vao homana izay tsy iza fa ireo olona nitaky fanavaozana maro sy nanohitra ny ngetroka mpangoron-tany teo amin' ny firenena.

Tany Soisa dia antoko bemiray ny antoko radikaly izay hany antoko afa-hiaraka tamin' ny Kominista. Ny Vodoâ sy ny Zenevoâ no anisan' ny lasa aloha indrindra noho ny hafa tao amin' ireny radikaly ireny.

Farany, tany Alemaina dia efa niomana ny fiandriankarena sy ny fitondran' ny mpanjaka tsy refesi-mandidy hifampitana tamin' ny alàlan' ny tolona niankinan-javadehibe. Tsy afaka hiantehitra amin' ny tolona iankinan-javadehibe ataony ny kominista raha misy fifanandriny amin' ny fiandriankarena; hany ka raha mbola tsy tonga eo amin' ny fitondrana ny fiandriankarena, dia soa ho an' ny kominista ny nanampy an-dry zareo ireo hahatongavany haingana dia haingana eo amin' ny fahefana, ary aorian' izany vao hataony haingana araka izay azony atao ny fananganana azy. Izany antony izany no nahatonga ny kominista hanohana hatrany ny andriankarena malala-tsaina nifanandrina tamin' ny fitondram-panjakana mpanao didy jadona; na teo aza izany dia nofadiny mafy ny ho jembin' ny hevi-dravina manodoka toy ny andriankarena sy ny hino ny fampanantenana mamirapiratra nataon-dry zareo ireto momba ny voka-tsoa sy hasambarana ho azon' ny mpitrongy vao homana raha mandresy ny fiandriankarena. Ireto no hany tombontsoa ho azon' ny kominista raha mahazo ny fandresena ny fiandriankarena: 1) Hisy zavatra samihafa ho eken' ny fiandriankarena; ireny no hanamora ny asan' ny kominista amin' ny fiarovana ny heviny sy ny fampielezana azy, ary ny fiadian-kevitra momba azy; avy amin' izany no hahazoana manangana ny fitambaran' ny mpitrongy vao homana ho kilasy iray miady soroka sy miray, vonona amin' ny tolona sy tsara lamina. 2) Azo itompoana fa hanomboka tena hifamely amin' izay ny fiandriankarena sy ny mpitrongy vao homana raha vao midaraboka ny fitondram-panjakana tsy refesi-mandidy. Manomboka amin' izay andro izay ny politikan' ny antoko kominista dia tsy hisy valaka amin' izay hita any amin' ny tany rehetra efa anjakan' ny fiandriankarena.

## Fizahan-takila

Sasintenin' ny editora .....	3
Sasinteny tao amin' ny edisiona vita amin' ny teny alema tamin' ny 1872 .....	5
Sasinteny tao amin' ny edisiona faharoa vita amin' ny teny rosiana .....	8
Sasinteny tao amin' ny edisiona vita amin' ny teny alema tamin' ny 1883 .....	11
Sasinteny tao amin' ny edisiona vita amin' ny teny anglisy tamin' ny 1888 .....	13
Sasinteny tao amin' ny edisiona vita amin' ny teny alema tamin' ny 1890 .....	22
Sasinteny tao amin' ny edisiona vita amin' ny teny polone tamin' ny 1892 .....	30
Sasinteny tao amin' ny edisiona vita amin' ny teny italiana tamin' ny 1893 .....	33
<b>FAMOSAHANKEVITRA AHARIHARIN' NY ANTOKO KOMINISTA .....</b>	<b>36</b>
I. Ny andriankarena sy ny mpitrongy vao homana .....	38
II. Ny mpitrongy vao homana sy ny kominista .....	58
III. Ny haisoratra sosialista sy kominista .....	70
1. Ny sosialisma mpanohariana .....	70
a) Ny sosialisma tamin' ny fotoa 'ny tompomenakely ..	70
b) Ny sosialisma teo amin' ny andriankarena madinika ..	73
d) Ny sosialisma alema na ny sosialisma «tena izy» ..	75
2. Ny sosialisma mpifikitra amin' ny mahazatra teo aloha na an' ny andriankarena .....	79
3. Ny sosialisma sady mpanakiana no mpanao hevitra manao savoan-danitra tsy azo tanterahina sy ny kominisma .....	81
IV. Ny fihetsiky ny kominista eo anoloan' ny antoko politika samihafa, mpanohitra .....	87
<b>F. ENGELS. FOTOPOTOTRY NY KOMINISMA .....</b>	<b>93</b>

**25 коп.**

**К. Маркс, Ф. Энгельс**

**МАНИФЕСТ КОММУНИСТИЧЕСКОЙ ПАРТИИ**

*На малагасийском языке*